
NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2018

# Liahona



**Ny zavatra ankalazaintsika ny alahadin'ny Paska, p. 12**

Mampiasa ny teknôlôjia mba hananganana ny fanjakan'ny Tompo, p. 18

Nanana asa hampanaovina an'i Joseph Andriamanitra, p. 26

Manakatra ny tantara sy ny fampianaran'ny Silamo, p. 32




*Avy amin’ny hafatra avy amin’ny Fiadidiana Voalohany, pejy 4.*


4


## HAFATRA

**4 Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Eo am-pandrosoantsika miaraka**
Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson

## LAHATSORATRA MANOKANA

**12 Ny dian'ny Mpamonjy farany sy nataony irery**
Nosoratan'i Chakell Wardleigh
*Amin'ity vanim-potoan'ny Paska ity dia eritrereto ny fiantraikan'ireo lafin-javatra samihafa amin'ny sorompanavotan'ny Mpamonjy eo aminao sy ny dianao mandritra ny fiainana.*

**18 Ndeha isika hizara ny fahalalantsika mikasika ny Mpamonjy iray**
Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson
*Noho ny fivoarana teo amin'ny teknôlôjia vao haingana dia manana fomba bebe kokoa noho ny teo aloha isika mba hiresahana momba an'i Jesoa Kristy.*

**26 *Olomasina:* Ny tantaran'ny Fiangonana—Toko 3: Ireo takela-bolamena**

**32 Manakatra ny fivavahana Silamo**
Nosoratan'i Daniel C. Peterson
*Tantara fohy momba ny fivavahana lehibe indrindra mitana ny laharana faharoa eto an-tany sy fampianarana tsotra avy amin'izany.*

## DEPARTEMANTA

**8 Eo amin'ny polipitra: Harona sy tavoahangy**
Nosoratan'i Chieko N. Okazaki

**10 Fianarana filazantsara: Ilay alahady maraina namiratra**
Nosoratan'ny Loholona Joseph B. Wirthlin

**40 Ny feon'ny Olomasin'ny Andro Farany**


**44 Fanehoana ny finoana: Rakotomalala Alphonse**

**80 Mandra-pihaonantsika indray: Ny maha-tena nisy ny Fitsanganana tamin'ny maty**
Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson




**EO AMIN'NY FONONY**
Sary nataon'i Jon McNaughton.

### HO AN'NY TANORA




**46 Lalana mankany amin'ny tena fahasambarana**
Nosoratan'ny Loholona Ulisses Soares
*Ny fahasambarana marina sy maharitra dia tsy azo raha tsy rehefa miaina ny fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ihany.*

**50 Fanambadiana, vola, ary finoana**
Nosoratan'i Sunday Chibuike Obasi
*Izaho sy ny fofombadiko dia nizaha toetra ny finoanay tamin'izahay tsy nanam-bola firy tamin'ny fanomanana ny fanambadianay.*



***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Torohevitra: Inona no lesona nianaranao avy tamin'ireo ray aman-drenibenao?***

### HO AN'NY ZATOVO

**52 Fanontaniana & Valiny**
*Inona no azoko atao mba hamerenana amin'ny laoniny indray ny finoako? Nahoana Andriamanitra no mamela ny hisian'ny ady?*

**54 Ny vavaka: Fanalahidy hahazoana fijoroana ho vavolombelona sy fanalahidin'ny Famerenana amin'ny laoniny**
Nosoratan'ny Loholona Robert D. Hales

**58 Inona, nahoana, ary tamin'ny fomba ahoana: Fanazavana amin'ny antsipiriany ny Famerenana amin'ny laoniny**
Nosoratan'i Faith Sutherlin Blackhurst
*Inona no mampifandray ny fotoampitantanana sy ny apôstazia ary ny famerenana amin'ny laoniny?*

**62 Mamantatra ny Mpamonjy**
Nosoratan'i Sarah Hanson
*Afaka mahatsapa fiadanana sy tanjona bebe kokoa isika rehefa mampiasa ny soratra masina hamantarana an'i Jesoa Kristy.*




### HO AN'NY ANKIZY




**66 Ny dikan'ny Famerenana amin'ny laoniny ho ahy**
*Ampiasao ity kilalao fampifandraisana ity mba hianarana mikasika ireo zava-nitranga avy amin'ny tantaran'ny Fiangonana izay misy fiantraikany eo amin'ny fiainanao amin'izao fotoana izao!*

**68 Mijoro ho vavolombelona momba an'i Kristy ireo Apôstôly**
Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar

**69 Lesona iray mahatalanjona**
Nosoratan'ny Loholona Valeri V. Cordón

**70 Ny tsena fivarotana kiraron'i Abuelo**
Nosoratan'i Ray Goldrup
*Izao no fotoana tena tsara hibebahana amin'ny safidy ratsy natao.*

**72 Ataovy mamirapiratra ny fahazavanao: Sahia maneho hatsaram-panahy!**
*Mizara ny fomba hiarovany ny hafa sy hanehoany hatsaram-panahy amin'izy ireo i Claudia.*

**74 Very dia hita indray**
Nosoratan'i Cael S.
*Very tany anaty ala aho, kanefa fantatro fa afaka mivavaka aho dia hanampy ahy Andriamanitra.*

**75 Ny pejintsika**

**76 Tantara ao amin'ny soratra masina: Namidy tany Egypta i Josefa**
Nosoratan'i Kim Webb Reid

**79 Pejy lokoina: Hoy i Jesoa hoe: "Avia, manaraha Ahy."**

**APRILY 2018 BOKY. 18 LAH. 1**
**LIAHONA 14750 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, Henry B. Eyring

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** M. Russell Ballard, Jeffrey R. Holland, Dieter F. Uchtdorf, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny Fanontana:** Hugo E. Martinez
**Mpanampy amin'ny Fanontana:** Randall K. Bennett, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Bonnie H. Cordon, LeGrand R. Curtis Jr., Edwaed Dube, Sharon Eubank, Donald L. Hallstrom, Douglas D. Holmes, Erich W. Kopischke

**Tale mpitantana:** Richard I. Heaton
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** Adam C. Olson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Francisca Olson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Maryssa Dennis, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jon Ryan Jensen, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Eric B. Murdock, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Selu, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie, Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, David Green, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Emily Chieko Remington, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Ira Glen Adair, Julie Burdett, Thomas G. Cronin, Bryan W. Gygi, Ginny J. Nilson, Derek Richardson
**Mpanara-maso alohan'ny Fanontana:** Joshua Dennis, Ammon Harris

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Steven T. Lewis
**Talen'ny Fanapariahana:** Troy R. Barker

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est,
Antananarivo 101, Madagascar

**Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatòna ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.**

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2018 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

**Fampahalalana momba ny fahazoan-dalana:** Azon'ny olona atao ny mandika zavatra avy ao amin'ny *Liahona* mba ho ampiasainy manokana ary tsy atao itadiavam-bola (ao anatiny koa ny fampiasana izany ho an'ny antso any am-piangonana) raha tsy hoe misy filazana mifanohitra amin'izany. Azo foanana amin'ny fotoana rehetra izany fahazoan-dalana izany. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana amin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., FL 13, Salt Lake City, UT 84150, USA; email: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
April 2018 Vol. 18 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $4.00 per year; Canada, $4.80 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

# ZAVATRA MARO KOKOA MAHALIANA AO AMIN'NY INTERNET



Mamakia lahatsoratra dia alefaso koa ny anao ao amin'ny **liahona.lds.org**

Mitadiava hafatra manentana ny fanahy sy azo zaraina (amin'ny teny anglisy, pôrtogey ary espaniola) ao amin'ny **facebook.com/liahona**





Mandefasa tatitra ao amin'ny **liahona@ldschurch.org**

Misorata anarana ao amin'ny **store.lds.org**
Na tsidiho ny ivontoerana mpaninjara iray, na anontanio ny mpitarika ao amin'ny paroasy, na antsoy ny 1-800-537-5971 (Etazonia sy Kanadà).



ICONS FROM GETTY IMAGES

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Ady,*** *52*
***Apôstazia,*** *54, 58*
***Batisa,*** *75*
***Bokin'i Môrmôna,*** *26, 54, 66*
***Fahafatesana,*** *13, 12, 26, 43, 80*
***Fahafoizan-tena,*** *12, 44*
***Fahafolonkarena,*** *66, 69*
***Fahamarinan-toetra,*** *70*
***Fahasambarana,*** *46*
***Famerenana amin'ny Laoniny,*** *26, 54, 58, 66*
***Fanahy Masina,*** *8, 42, 52, 66, 72*
***Fanambadiana,*** *50*
***Fanekempihavanana,*** *4*
***Fanentanam-panahy,*** *40, 42*
***Fibebahana,*** *70*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *12, 62*
***Finoana,*** *46, 50, 52, 68*
***Fitsanganana amin'ny maty,*** *10, 12, 80*
***Fivavahana,*** *32*
***Hatsaram-panahy,*** *72*
***Jesoa Kristy,*** *4, 10, 12, 18, 62, 66, 68, 79, 80*
***Joseph Smith,*** *26, 54, 58, 66*
***Mpitarika ny Fiangonana,*** *4*
***Ohatra,*** *72, 76*
***Paska,*** *10, 12, 80*
***Ray any An-danitra,*** *12, 46, 52, 66, 74, 80*
***Soratra masina,*** *41, 52, 62, 76*
***Sorompanavotana,*** *10, 12, 80*
***Tambazotra ifaneraserana,*** *18*
***Tantaran' ny Fiangonana,*** *26, 54, 66*
***Teknôlôjia,*** *18*
***Tempoly,*** *40, 75*
***Vavaka,*** *26, 52, 54, 74*





**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**

# Eo am-pandrosoantsika miaraka

*Fanamarihana avy amin'ny mpanomana ny fanontana: Ny Filoha Russell M. Nelson, izay natokana ho Filohan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany faha-17 tamin'ny 14 janoary 2018, dia nanao ity lahateny ity ny 16 janoary 2018, nandritra ny fampitana mivantana natao tao amin'ny trano fanampiny ao amin'ny Tempolin'i Salt Lake. Nangataka izy mba havoaka ato amin'ity laharana ity ireo teny nambarany.*

Ry rahalahy sy anabavy malala, amim-panetrentena no hiarahako aminareo eto amin'izao maraina izao. Efatr'andro lasa izay dia nandevina lehilahy nanana ny maha-izy azy iray sy mpaminanin' Andriamanitra isika, dia ny Filoha Thomas S. Monson izany. Tsy misy teny tena ahafahana tsara mamaritra ny halehiben'ny fiainany sy ny hatsaran'ny fiainany. Holalaiko mandrakizay ilay finamananay miaraka amin'ny fankasitrahana ireo zavatra nampianariny ahy. Ankehitriny isika dia tsy maintsy mijery ny hoavy miaraka amin'ny finoana tanteraka an'i Jesoa Kristy Tompo, izay Izy no tompon'ity Fiangonana ity.

Roa andro lasa izay dia nivory tany amin'ny efitrano any amin'ny rihana ambony ao amin'ny Tempolin'i Salt Lake ireo Apôstôly velona rehetra. Nisy fanapahan-kevitra neken'izy rehetra tao. Ny voalohany dia ny fandaminana indray ny Fiadidiana Voalohany amin'izao fotoana izao ary ny faharoa dia ny hanompoako mba ho Filohan'ny Fiangonana. Tsy ampy ny teny mba hanambarako aminareo izany hoe mahita ireo Rahalahiko, Rahalahy izay mihazona ny fanalahidin'ny fisoronana rehetra naverina tamin'ny laoniny tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith tao anatin'izao fotoampitantanana izao, mametraka ny tanan'izy ireo eo ambonin'ny lohako mba hanendry ahy sy hanokana ahy ho Filohan'ny Fiangonana. Traikefa masina sy mampanetry tena izany.

Avy eo dia lasa andraikitro ny namantatra izay nomanin'ny Tompo mba ho mpanolotsaina ahy. Ahoana no ahafahako misafidy roa monja amin'ireo Apôstôly Roambinifolo hafa izay samy tena tiako daholo? Feno fankasitrahana lalina ny Tompo aho noho ny famaliany an'ireo vavaka taminkafanampo nataoko. Tena feno fankasitrahana aho noho ny fahavononan'ny Filoha Dallin Harris Oaks sy ny Filoha Henry Bennion Eyring mba hiara-hanompo amiko ho Mpanolotsaina Voalohany ary ho Mpanolotsaina Faharoa araka ny filaharan'ny nanononako ny anarany. Ny Filoha Dieter F. Uchtdorf dia nandray ny toerany ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Efa nahazo andraikitra lehibe sahady izy izay izy ihany no afaka manatanteraka azy.

## Fampitsaharana ny famoahana Hafatra isam-bolana avy amin'ny Fiadidiana Voalohany

Ity no Hafatra farany avy amin'ny Fiadidiana Voalohany havoaka ao anatin'ireo gazetiboky mivoaka isam-bolana. Amin'ny ho avy ny Fiadidiana Voalohany dia hizara hafatra manan-danja rehefa ilaina izany amin'ny alalan'ireo fantsona maro isan-karazany ampiasain'ny Fiangonana, ka tafiditra ao anatin'izany ny gazetibokin'ny Fiangonana sy ny LDS.org.











***Ny andro tsirairay hanaovan'ny Apôstôly asa fanompoana dia andro fianarana sy fiomanana handray andraikitra bebe kokoa amin'ny ho avy.***

SARIN'NY FILOHA NELSON NIRESAKA TAO AMIN'NY TABERNAKELIN'I SALT LAKE, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANO FITEHIRIZANA NY TANTARAN'NY FIANGONANA SY NY ARISIVAN'NY FIANGONANA

Mankasitraka azy sy ny Filoha Eyring aho noho ny asa fanompoana miavaka nataon'izy ireo tamin'ny naha-mpanolotsaina ny Filoha Monson azy ireo. Tena nahavita azy sy nahafoy tena ary nentanin'ny Fanahy izy ireo. Tena feno fankasitrahana azy ireo isika. Samy vonona ny hanompo any amin'izay tena ilana azy tsirairay avy izy ireo izao.

Amin'ny maha-Apôstôly faharoa ela niasana azy indrindra, ny Filoha Oaks dia lasa Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. Kanefa noho ny antsony ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, sy araka ny Lamin'ny Fiangonana, ny Filoha M. Russell Ballard, izay Apôstôly manaraka ela niasana indrindra no ho lasa Filoha Mpisolo toerana an'izany kôlejy izany. Ny Fiadidiana Voalohany dia hiara-hiasa akaiky amin'ny Roambinifololahy mba hamantarana ny sitrapon'ny Tompo sy mba hampandrosoana ny asany masina.

Mankasitraka ireo vavaka nataonareo izahay. Natolotry ny olona manerana an'izao tontolo izao ho anay izy ireo. Ny ampitso maraina taorian'ny nahafatesan'ny Filoha Monson, dia nisy vavaka toy izany izay natolotry ny ankizilahy kely efa-taona nantsoina hoe Benson. Hovakiko ny sombiny avy tao amin'ny taratasin-dreniny izay nalefa ho an'i Wendy vadiko. Nivavaka i Benson hoe: "Andriamanitra Ray ô! Misaotra anao fa afaka ny hahita ny vadiny indray ny Filoha Thomas S. Monson. Misaotra anao noho ny mpaminaninay vaovao. Ampio izy mba ho feno herimpo fa tsy hatahotra hoe vaovao. Ampio izy mba hivoatra ao anatin'ny fahasalamana sy tanjaka. Ampio izy mba hanana hery satria manana ny fisoronana izy. Ary ampio izahay mba ho tsara fanahy foana."

Misaotra an' Andriamanitra aho noho ny ankizy tahaka izany sy noho ny ray aman-dreny izay matotra eo amin'ny fanoloran-tenan'izy ireo ho marin-toetra sy hanao ny andraikiny amin'ny maha-ray aman-dreny, ary misaotra ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra ary ny mpikambana rehetra izay milanja enta-mavesatra







*Mijanòna eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Ny fanoloranao tena mba hanaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana Aminy ary avy eo mitandrina ireo fanekempihavanana ireo dia hanokatra ny varavarana hahazoana ireo fitahiana ara-panahy rehetra sy ireo tombontsoa misy.*

nefa manompo amim-pahavitrihana tokoa. Amin'ny teny hafa dia tena mankasitraka amim-panetrentena anareo tsirairay avy aho.

**Ny Tompo no mitarika.**

Amin'izao isika miara-mandroso izao dia manasa anareo aho mba hieritreritra ilay fomba tena tsara hitantanan'ny Tompo ny Fiangonany. Rehefa maty ny Filohan'ny Fiangonana dia tsy misy zavatra afenina mikasika an'izay ho antsoina manaraka mba hanompo eo amin'izany toerana izany. Tsy misy ny teti-pifidianana, na fampielezankevitra, fa ilay lamina manginan'ny drafitr' Andriamanitra momba ny fifandimbiasan-toerana izay napetrak'Izy Tompo fotsiny ihany.

Ny andro tsirairay hanaovan'ny Apôstôly asa fanompoana dia andro fianarana sy fiomanana handray andraikitra bebe kokoa amin'ny ho avy. Mitaky asa fanompoana ampolo taonany maro ho an'ny Apôstôly iray izay tsy mbola ela niasana ny miakatra ho Apôstôly efa ela niasana indrindra ao anatin'ilay vondrona. Mandritra izany fotoana izany dia mahazo traikefa mivantana avy amin'ireo lafin-javatra tsirairay hita ao anatin'ny asan'ny Fiangonana izy. Lasa mahafantatra tsara an'ireo olona eto amin'izao tontolo izao izy, tafiditra ao anatin'izany ny tantaran'izy ireo, ny kolontsain'izy ireo, ny fitenin'izy ireo noho ireo asa ampandraiketina izay mampiverina azy mitety an'izao tontolo izao. Tsy manan-tsahala izany lamin'ny fifandimbiasan-toerana eo amin'ny fitarihana ny Fiangonana izany. Tsy mahafantatra hafa mitovy amin'izany aho. Tsy tokony hahagaga antsika izany satria Fiangonan'ny Tompo ity. Tsy miasa araka ny fomba fanaon'ny olona Izy.

Nanompo tao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy teo ambany fitarihan'ny Filohan'ny Fiangonana teo aloha miisa dimy aho. Nahita ny Filoha tsirairay nahazo fanambarana sy nandray andraikitra teo anatrehan'izany fanambarana izany aho. Ny Tompo dia nanome torolalana sy nanentana



ny fanahin'ireo mpaminaniny foana ary mbola hanome torolalana sy hanentana ny fanahin'izy ireo foana. Ny Tompo no mitarika. Izahay izay notendrena mba hijoro ho vavolombelona momba ny Anarany Masina manerana an'izao tontolo izao dia hanohy hikatsaka ny hamantatra ny sitrapony sy hanaraka izany.

### Mijanòna eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana

Ankehitriny dia izao no lazaiko amin'ny mpikamban'ny Fiangonana tsirairay, mijanòna eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana. Ny fanoloranao tena mba hanaraka ny Mpamonjy amin'ny alalan'ny fanaovana fanekempihavanana Aminy ary avy eo mitandrina ireo fanekempihavanana ireo dia hanokatra ny varavarana hahazoana ireo fitahiana ara-panahy rehetra sy ireo tombontsoa natokana ho an'ny lehilahy sy ny vehivavy ary ny ankizy na aiza na aiza.

Amin'ny maha-Fiadidiana vaovao anay, dia te hanomboka miaraka amin'ilay tanjona farany ao an-tsainay izahay. Noho izany antony izany no iresahanay aminareo miainga avy eto amin'ny tempoly androany. Ny tanjona ifoforantsika tsirairay dia ny mba handray hery ao amin'ny tranon'ny Tompo, mba hofehezina amin'ny maha-fianakaviana, ary mba ho mahatoky amin'ireo fanekempihavanana natao tany amin'ny tempoly izay ahafahantsika mahazo ilay fanomezana faran'izay lehibe avy amin' Andriamanitra, dia ny fiainana mandrakizay. Ireo ôrdônansin'ny tempoly sy ireo fanekempihavanana ataonao any dia zava-dehibe eo amin'ny fanamafisana orina ny fiainanao, ny fanambadianao sy ny fianakavianao, ary ny fahafahanao manohitra ny fanafihan'ny fahavalo. Ny fitsaohana ataonao any amin'ny tempoly sy ny asa fanompoana ataonao any dia hanome fanambarana ho an'ny tena manokana sy fiadanana bebe kokoa ho anao ary hanamafy orina ny fanoloran-tenanao hijanona eo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.

Raha niala teo amin'ilay lalana ianao, dia manasa anao miaraka amin'ny fanantenana rehetra ato anatin'ny foko aho mba hiverina. Na inona na inona olana na fanamby atrehanao dia misy toerana ho anao ato amin'ity Fiangonan'ny Tompo ity. Ianao sy ireo taranaka mbola tsy teraka dia ho voatahy amin'ny alalan'ny asa hataonao ankehitriny mba hiverina eo amin'ilay lalan'ny fanekempihavanana. Tian'ny Raintsika any An-danitra ny zanany ary tiany isika rehetra mba hiverina hody any Aminy. Izany no tanjona goavan'Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, dia ny hanampy ny tsirairay amintsika mba hiverina hody.

Maneho ny fitiavako lalina anareo aho, fitiavana izay nitombo tao anatin'ny fihaonana taminareo sy tao anatin'ny fiarahana mitsaoka aminareo ary tao anatin'ny fanompoana anareo am-polo taonany maro izay. Ny adidy masina iantsorohantsika dia ny handeha manerana ny firenena ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina rehetra mba hanampy amin'ny fanomanana an'izao tontolo izao amin'ny Fiavian'ny Tompo Fanindroany. Izany dia hataontsika amim-pinoana an'i Jesoa Kristy Tompo, noho ny fahafantarana fa Izy no tompon'andraikitra. Asany sy Fiangonany ity. Mpanompony isika.

Ambarako ny fanoloran-tenako amin' Andriamanitra Raintsika Mandrakizay sy i Jesoa Kristy Zanany. Fantatro sy tiako Izy ireo ary manome toky aho fa hanompo Azy ireo, sy ianareo mandritra ny androm-piainako sisa. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena. ■

SARIN'NY VEHIVAVY IRAY EO ANOLOAN'NY TEMPOLIN'I JORDAN RIVER UTAH, SARIN'NY MPIVADY IRAY EO ANOLOAN'NY TEMPOLIN'I NEWPORT BEACH CALIFORNIE

# HARONA SY TAVOAHANGY

**Nosoratan'i Chieko N. Okazaki**



Ity asasoratra vaovao mitohitohy ity dia manazava ny fiainan'ireo vehivavy feno fanolorantena sy ny hafany, izay sombiny avy amin'ny boky *At the Pulpit: 185 Years of Discourses by Latter-day Saint Women* (2017).

Nomen'Andriamanitra fanomezampahasoavana maro, sy karazanjavatra maro samihafa, ary fahasamihafana maro isika, saingy ny tena manan-danja dia ny zavatra fantatsika momba antsika samy isika, dia ny hoe zanany daholo isika.

Ny fanamby ho antsika amin'ny maha-mpikamban'ny Fiangonana antsika dia ny mba hianarantsika zavatra avy amin'ny tsirairay amintsika mba hifankatiavantsika sy hiarahantsika mivoatra.

Tena ilaina ireo fotopampianaran'ny filazantsara. Manan-danja izy ireo saingy azo safidina izay zavatra hanasiana azy. Mamela ahy ianareo hizara ohatra tsotra izay mampiseho ny fahasamihafana misy eo amin'ireo fotopampianaran'ny Fiangonana sy ny famonosana amin'ny fomba miavaka ara-kolontsaina. Ity misy tavoahangy iray misy paiso avy any Utah, izay namboarin'ny renim-pianakaviana mpikarakara tokantrano iray avy any Utah mba hamahanany ny fianakaviany mandritra ny vanimpotoana filatsahan'ny ranomandry. Tsy mametraka voankazo ao anaty tavoahangy ny renim-pianakaviana mpikarakara tokantrano any Hawaï. Mioty voankazo ampy mandritra ny andro vitsivitsy izy ireo, dia tehiriziny ao anatin'ny harona toy izao izany ho an'ny fianakavian'izy ireo. Ity harona ity dia ahitana manga, akondro, mananasy ary mapaza . . . izay notazan'ny renim-pianakaviana mpikarakara tokantrano iray avy any Polynésie mba hamahanana ny fianakaviany any amin'ny toerana manana toetrandro mampamasaka ny voankazo mandritra ny taona.

Fanasian-javatra tsy mitovy ny harona sy ny tavoahangy, saingy mitovy ny ao anatiny: voankazo ho an'ny fianakaviana. Moa ve tsara ny tavoahangy ary ratsy ny harona? Tsia, samy tsara izy roa ireo. Fanasian-javatra mety amin'ny kolontsaina sy ny zavatra ilain'ny olona izy ireo. Ary samy mety asiana ireo zavatra ao anatiny izy ireo, izay voankazo.

Inona ary ilay voankazo? Miteny amintsika i Paoly hoe: "Ny vokatry ny Fanahy kosa dia fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahamorampanahy, fanaovan-tsoa, fahamarinana, fahalemem-panahy [ary] fahononampo" [Galatiana 5:22–23]. Ao anatin'ny fiarahan'ny mpirahavavy ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana, ao anatin'ny fiarahan'ny mpirahalahy ao amin'ny kôlejin'ny fisoronana ary ao anatin'ny fiarahana amim-panajana mba handray ny Fanasan'ny Tompo, dia ampiraisin'ny vokatry ny Fanahy ao anatin'ny fitiavana sy fifaliana ary fiadanana isika na any Taipei na Tonga ny Fikambanana Ifanampiana, na any Montana na Mexique ny kôlejin'ny fisoronana ary na any Fidji na Philippines ny fivoriana Fanasan'ny Tompo.

. . . Rehefa voantso ho ao amin'ny Fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany aho, dia nanoro hevitra ahy ny filoha [Gordon B.] Hinckley hoe: "Mitondra karazana toetra miavaka ao amin'ity fiadidiana ity ianao. Ho

## MOMBA NY RAHAVAVY OKAZAKI

I Chieko Nishimura Okazaki (1926–2011) dia lehibe tany Hawaï, États-Unis, tao anatin'ny fianakaviana Bodista iray izay nanana firazanana Japôney. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana izy teo amin'ny faha-15 taonany.

Talohan'izany dia niaiky ny fahasarotan'ny toe-javatra nisy azy ara-poko sy ara-kolontsaina Rahavavy Okazaki. Noho ny fiahiahin'ny Rahavavy Okazaki sy ny reniny ny mety ho fandraisan'ny hafa azy ireo taorian'ny nanapotehan'ny miaramila Japôney an'i Pearl Harbor, Hawaï, tamin'ny baomba dia nangonin'izy ireo sy nodoran'izy ireo ny zavatra japôney rehetra nananan'izy ireo. Saingy nijery fitaratra izy ary nieritreritra hoe: "Tsy mbola tany Japon velively aho. Tsy Japôney aho ato am-poko. Kanefa tsy afaka mandà ny tenako aho. Masona Japôney ny masoko, hoditrana Japôney ny hoditro ary volona Japôney ny voloko." [1]

Niaina fanavakavaham-bolon-koditra Rahavavy Okazaki nandritra ny fiainany. Nanomboka nampianatra izy fotoana fohy taorian'ny Ady Lehibe Faharoa, tamin'ny fotoana izay mbola nampivaivay ny tsy fitiavana Japôney tany Etazonia. Nisy renim-pianakaviana telo izay tsy nanaiky ny hanatrehan'ny zanany ny kilasiny. Vetivety ihany anefa dia lasa niavaka nihoatra azy ireo ny Rahavavy Okazaki.[2]

Rahavavy Okazaki no vehivavy voalohany nanompo tao anatin'ny filankevipitantanan'ny vondrona fanampiny anankitelo an'ny vehivavy: voalohany Zatovovavy, avy eo Kilonga, ary Fikambanana Ifanampiana.[3]

Ity hafatra ity dia sombiny avy tamin'ny lahateniny nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 1996 mikasika ny firaisan-kina sy ny fisian'ny karazan-javatra maro samihafa (natao manara-penitra ny mari-piatoana sy ny fampiasana ny sorabaventy).

fantatra amin'ny maha-olona iray anao izay misolo tena an'ireo any ivelan'ny faritr'i Etazonia sy Kanadà ianao. . . . Ho hitan'izy ireo ao aminao ny fanehoana ny maha-iray azy ireo amin'ny Fiangonana." Nanome tsodrano ahy izy mba hivaha ny lelako rehefa miresaka amin'ny olona aho.[4]

. . . [Rehefa nandray fitenenana tany amin'ireo tany hafa aho,] dia afaka nahatsapa ny Fanahy izay nitondra ny teniko tao am-pon'izy ireo ary afaka nahatsapa "ny vokatry ny Fanahy" izay nitondra taty amiko indray ny fitiavan'izy ireo sy ny fifalian'izy ireo ary ny finoan'izy ireo. Afaka nahatsapa ny Fanahy izay nampiray anay aho.

Ry anadahy sy rahavavy, na paiso na mapaza ny voankazonareo, na entinareo ao anaty tavoahangy na harona izany, dia misaotra anareo izahay noho ny fanoloranareo izany amim-pitiavana. Ry Ray any Andanitra, enga anie izahay ka ho iray ary mba ho anao.[5] Izany no vavaka ataoko amin'ny anarana masin'ny Mpamonjy antsika, dia i Jesoa Kristy, amena. ■

**FANAMARIHANA**

1. Chieko N. Okazaki, *Lighten Up!* (1993), 7.
2. Jereo ny Okazaki, *Lighten Up!,* 48–50; Gregory A. Prince, "'There Is Always a Struggle': An Interview with Chieko N. Okazaki," *Dialogue: A Journal of Mormon Thought* 45, no. 1 (Spring 2012): 114–115.
3. "Obituary: Okazaki, Chieko," *Deseret News,* Aug. 7, 2011.
4. Jereo ny Prince, "There Is Always a Struggle," 121. Mpanolotsaina Voalohany tao amin'ny Fiadidiana Voalohany i Gordon B. Hinckley tamin'ny niantsoana ny Rahavavy Okazaki tamin'ny 1990.
5. Jereo ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 38:27.



SARIN'NY RAHAVAVY OKAZAKI, NAHAZOANA LALANA AVY TAMIN'NY TRANO FITEHIRIZANA NY TANTARAN'NY FIANGONANA; SARY HAFA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



# ILAY ALAHADY MARAINA NAMIRATRA

**Nosoratan'ny Loholona Joseph B. Wirthlin (1917–2008)**
Tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

*Tamin'io andro io dia nandresy ny famatoran'ny fahafatesana ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty. Niakatra avy tao amin'ny fasana Izy dia niseho tamin'ny fandresena feno voninahitra amin'ny maha-Mpamonjy ny olombelona rehetra Azy.*

Fantatsika ny atao hoe Fitsanganana amin'ny maty: ny fitambaran'ny fanahy sy ny vatana indray amin'ny endriny lavorary. . . .

Azonao an-tsaina ve izany? Miaina mandrakizay ao anatin'ny sokajintaona maha-matotra sy mampatanjaka indrindra antsika? Tsy marary na oviana na oviana, tsy manaintaina na oviana na oviana, tsy vesaran'ireo fahoriana izay manemitra antsika manodidina matetika tokoa mandritra ny fiainana an-tany?

Ny Fitsanganana amin'ny maty no ampahany manan-danja indrindra amin'ny zavatra inoantsika amin'ny maha-Kristianina antsika. . . .

. . . Rehefa nitsangana avy tao ampasana ny Mpamonjy, . . . dia nanao zavatra tsy azon'iza na iza natao Izy. Nanapatapaka ny famatoran'ny fahafatesana Izy, tsy ho Azy irery fa ho an'ireo rehetra izay efa niaina, dia ny marina sy ny meloka. . . .

. . . Nomeny izany fanomezana izany daholo ny rehetra. Ary tamin'ny alalan'izany asa tena tsara izany no nanamaivanany ilay alahelo mahaketraka sy mikiky izay mandrotika ny fanahin'ireo izay namoy havantiana sarobidy.

"Azoko sary an-tsaina hoe maizina tokoa io andro zoma io rehefa nakarina teo amin'ny hazofijaliana i Kristy. . . .

. . . "Nihorohoro ny tany ary nihamaizina ny andro. . . .

"Nifaly ireo lehilahy ratsy fanahy izay nifofo ny ainy. . . .

Tamin'io andro io dia nizara roa ny voalin'ny tempoly.

"I Maria Magdalena sy i Maria renin'i Jesoa dia samy vonton'alahelo. . . . Nihantona efa tsy nisy aina intsony teo amin'ny hazofijaliana ilay lehilahy mahatalanjona izay tian'izy ireo. . . .

. . . Nalahelo mafy ireo Apôstôly. I jesoa, ilay Mpamonjy azy ireo, ilay lehilahy izay nandeha teo ambony rano sy nanangana ny maty, dia teo am-pelatanan'ireo ratsy fanahy. . . .

Zoma feno alahelo nahakivy sy nikiky izany. . . .

Mieritreritra aho fa amin'ny andro rehetra hatramin'ny nanombohan'ny tantaran'ity izao tontolo izao ity dia izany zoma izany no maizina indrindra.

[Saingy] tsy naharitra ilay fahadisoam-panantenana satria ny alahady dia nandresy ny famatoran'ny fahafatesana ilay Tompo nitsangana tamin'ny maty. Niakatra avy tao amin'ny fasana Izy dia niseho tamin'ny fandresena feno voninahitra amin'ny maha-Mpamonjy ny olombelona rehetra Azy.

Maina tao anatin'ny fotoana fohy ireo maso izay kotsan'ny ranomaso nijohy. Ireo molotra izay nibitsika vavaka fitarainana sy alahelo dia nanjary nameno ny tontolo tamin'ny fiderana mahafinarina, satria i Jesoa Kristy, ny Zanak'ilay Andriamanitra velona, dia nijoro teo anoloan'izy ireo ho . . . porofo fa ny fahafatesana dia fanombohan'ny fisiana vaovao sy mahatalanjona fotsiny ihany

"Ny tsirairay avy amintsika dia handalo ny zoma izay antsika manokana, izany hoe ireo andro izay ahatsapana fa toy ny hoe mirodana avokoa ny tontolo manodidina antsika ary tsy tanteraka ny nofinofintsika. . . .



*RABÔNY*, NATAON'I MICHAEL MALM

Saingy mijoro ho vavolombelona aminareo aho amin'ny anaran'ilay Iray izay nandresy ny fahafatesana, fa ho avy ilay Alahady. Raha ao anatin'ny alahelo lalina isika dia ho avy ilay Alahady.

. . . Na toy ny ahoana ny alahelontsika dia ho avy ilay Alahady. Ho avy ilay Alahady na eto amin'ity fiainana ity na amin'ny fiainana ho avy.

Mijoro ho vavolombelona aminareo aho fa tsy angano ny Fitsanganana amin'ny maty. Manana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo olona nahita Azy isika. Olona an'arivony tao amin'ny Kaontinanta Eorôpeana sy Aziatika sy ny Kaontinanta Amerikana no nahita ilay Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty. Nitsapa ny holatra teo amin'ny tanany sy ny tongony ary ny lanivoany izy ireo. . . .

Nahazo hery vaovao ny mpianatra taorian'ilay Fitsanganana tamin'ny maty. Nitety an'izao tontolo izao izy ireo . . . nanambara tamimpahasahiana ny amin'i Jesoa ilay Kristy, ilay Zanak'ilay Andriamanitra velona nitsangana tamin'ny maty.

Ny maro tamin'izy ireo . . . dia maty maritiora, sady nijoro ho vavolombelona momba ilay Kristy nitsangana tamin'ny maty teo ampialany aina.

Nanova ny fiainan'ireo izay nahita maso izany ilay Fitsanganana tamin'ny maty. Tsy tokony hanova ny antsika koa ve izany?

Hitsangana avy ao am-pasana daholo isika. . . .

Noho ny fiainan'ny Mpamonjy izao tontolo izao sy ny sorona mandrakizay nataony dia ho tafaraka indray amin'ireo olona nolalaintsika isika.

. . . Hifaly isika amin'izay andro izay fa nandresy ny zavatra rehetra ilay Mesia, ka ho afaka hiaina mandrakizay isika.

Noho ireo ôrdônansy masina raisintsika ao amin'ny tempoly masina dia tsy afaka handrava ny fifandraisana izay nohamafisina tamin'ny fatorana mandrakizay ny fialantsika eto amin'ity fiainana an-tany izay tsy maharitra ity.

Mijoro ho vavolombelona amin'ny fomba ôfisialy aho fa tsy ny fahafatesana no fiafaran'ny fisiana. . . .

Enga anie isika hahatakatra sy hiaina amin'ny fananana toe-tsaina tia mankasitraka noho ny fanomezana tsy hay sandaina izay azontsika amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'ny Ray any An-danitra be fitiavana antsika, sy noho ilay fampanantenana izany andro mamiratra izany rehefa hitsangana amim-pandresena avy ao am-pasana isika rehetra.

. . . Na toy ny ahoana ny Zoma atrehantsika, dia ho avy ilay Alahady. ■

*Nalaina avy tamin'ny lahateny natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny ôktôbra 2006.*

# Ny dian'ny Mpamonjy farany sy nataony irery

**Nosoratan'i Chakell Wardleigh**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Nanao dia maro ny Mpamonjy nandritra ny fiainany teto an-tany. Ny diany tany ivelan'i Betlehema sy nankany Egypta fony izy zazakely, ilay dia nataony tany an-tany efitra nandritra ny 40 andro, ireo dia maro nataony tany amin'ireo tanàn-dehibe sy tanàna kely, ary tany amin'ireo tokantrano mba hampianatra, hanasitrana, sy hitsodrano nandritra ny asa fanompoany ary ireo maro hafa. Saingy nisy dia anankiray izay tsy maintsy natrehan'ny Mpamonjy irery, ary Izy irery no hany afaka nahazaka izany dia izany.




Ô RY RAY, NATAON'I SIMON DEWEY



ECCE HOMO (INDRO NY LEHILAHY), NATAON'I LOUIS ROYER, RIJKSMUSEUM

"Ny Alahadin'ny Paska no ankalazantsika ilay fotoana lehibe indrindra sy nandrandraina fatratra teo amin'ny tantaran'izao tontolo izao.

"Io andro io no nanova ny zava-drehetra.

"Niova ny fiainako tamin'io andro io.

"Niova ny fiainanao.

"Niova avokoa ny hoavin'ny zanak'Andriamanitra rehetra."

**Filoha Dieter F. Uchtdorf, ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Ny Fanomezam-pahasoavan'ny famindrampo," *Liahona,* mey 2015, 107.**

**Fijaliana tsy nisy toy izany**

"Tsy misy sain'olombelona afaka mahatakatra ny tena lanjan'ny zavatra nataon'i Kristy tao Getsemane.

"Fantatsika fa nivoa-dra be ny mason-kodiny tsirairay rehefa nisotro hatramin'ny farany ilay kapoaka mangidy izay natolotry ny Ray Azy Izy.

"Fantatsika fa nijaly Izy, na ara-batana na ara-panahy, mihoatra noho izay azon'ny olombelona zakaina, afa-tsy ny fahafatesana.

"Fantatsika fa amin'ny fomba izay tsy dia takatry ny saintsika loatra, ny fijaliany dia nanome fahafaham-po ny fitakian'ny fahamarinana, nanafaka ny fanahy mibebaka tamin'ny fahoriana sy ny sazy noho ny fahotana ary nahatonga ny famindrampo afaka mihatra amin'ireo izay mino ny anarany masina.

"Fantatsika fa niankohoka tamin'ny tany Izy rehefa nampangovitra Azy ireo fanaintainana sy fangirifiriana avy amin'ilay enta-mavesatra tsy misy fiafarana, hany ka naniry ny tsy hisotro tamin'ilay kapoaka mangidy Izy."

**Loholona Bruce R. McConkie (1915–85) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo , "The Purifying Power of Gethsemane," *Ensign,* May 1985, 9.**

**Fampiharana ho an'ny tena manokana:** Na dia mety tsy tsapantsika foana aza, dia nizaka ny karazana fijaliana rehetra ny Mpamonjy nandritra ny Sorompanavotana. Takany ny fijaliana ara-batana rehetra, manomboka any amin'ny taolana tapaka ka hatrany amin'ny aretina faran'izay mafy indrindra. Nahatsapa ny haizina sy ny fahakiviana avy amin'ireo aretin-tsaina izy toy ny harerahan-tsaina amam-panahy, ny fitebitebena, ny fiankinan-doha, ny fanirery ary ny alahelo. Ary nahatsapa ny ratra ara-panahy rehetra Izy satria nitondra teo Aminy ny fahotan'ny olombelona rehetra.

Nampianatra ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe: "Ao anatin'ny fotoana mampalemy antsika dia mety hiantsoantso isika hoe –Tsy misy mahafantatra hoe manao ahoana izany. Tsy misy afaka mahatakatra izany.– Kanefa ny Zanakalahin' Andriamanitra dia mahafantatra tanteraka sy mahatakatra tsara, satria efa nahatsapa sy nitondra ny enta-mavesatsika tsirairay Izy." ("Mitondra mora foana ny enta-mavesany," *Liahona,* mey 2014, 90).



## Izy ihany no hany afaka nahavita izany

"Izay Andriamanitra ihany no afaka mahavita ny zavatra nataony. Amin'ny maha-Zanaka Lahitokan'ny Ray ao amin'ny nofo an'i Jesoa Kristy, dia nandova toetra maha-andriamanitra Izy. Izy no hany olona teraka teto an-tany hatramin'izay ka afaka nanatanteraka io zavatra tena manan-danja sy masina io. Amin'ny maha-ilay hany olona tsy nanota Azy tamin'izay rehetra niaina teto amin'ity tany ity, dia tsy nandalo fahafatesana ara-panahy Izy. Noho ny maha-andriamanitra Azy dia nanana hery nandresena ny fahafatesan'ny vatana koa Izy. Noho izany dia nanao zavatra ho antsika Izy izay tsy ho vitantsika ny hanao azy ho an'ny tenantsika. Nanapatapaka ny fihazonana tsy mitambitamby ataon'ny fahafatesana Izy. Nataony koa izay hahafahantsika manana ilay fampiononana tena lehibe sy mampitony avy amin'ny fanomezana ny Fanahy Masina."

**Filoha James E. Faust (1920–2007), Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "The Atonement: Our Greatest Hope," *Liahona,* Jan. 2002, 20.**

**Fampiharana ho an'ny tena manokana:**
Tamin'ny alalan'ny Sorompanavotany dia novahan'ny Mpamonjy ny famatoran'ny fahafatesana ary navotany tamin'ny fahotantsika isika rehetra mba hahafahan'ny olona tsirairay mahazo ny fiainana mandrakizay. I Jesoa Kristy irery no hany afaka nanatanteraka izany asa mampitahotra sy tsy ho vita izany. Rehefa miatrika olana tena sarotra isika dia afaka mahazo fiononana amin'ny alalan'ny fahafantarana fa tena vitan'ny Mpamonjy ny manao izay zavatra tsy ho vita.

## Tsy nandà Izy

"Teny amin'ny tendrombohitra nantsoina hoe Kalvary, raha iny nijery iny ireo mpanara-dia izay tsy nanana hery intsony, dia nofantsihana teo amin'ny hazofijaliana ilay vatany naratra. Nesoesoina sy nozonina ary norabirabiana tsy nisy indrafo Izy. . . .

"Nandalo ireo ora nijalijaliana ary nihakely ny ainy. Nivoaka avy teo amin'ireo molony maina ny teny hoe,—Raiko ô, eo an-tananao no atolotro ny fanahiko; ary rehefa niteny izany Izy, dia afaka ny ainy.—. . .

"Afaka nandà ny Tompo tamin'ny ora farany. Saingy tsy nanao izany Izy. Nidina tambanin'ny zava-drehetra Izy mba hahafahany mamonjy ny zavatra rehetra. Napetraka haingana nefa tamin'ny fomba malefaka tao amin'ny fasana nindramina iray ny vata-mangatsiakany."

**Filoha Thomas S. Monson (1927–2018), "Nitsangana Izy!" *Liahona,* mey 2010, 89.**

**Fampiharana ho an'ny tena manokana:**
Nizaka fanaintainana izay nampijalijaly, fanirery, ary hakiviana Izy, kanefa naharitra hatramin'ny farany ny Mpamonjy ary nahavita ny diany tety an-tany tamin'ny fomba mendrika, ary nangataka mihitsy aza Izy ny mba hamelan'ny Rainy an'ireo izay nanombo azy. Noho ny ohatra tonga lafatra nasehony dia afaka miatrika ny fitsapana sy fahoriana mianjady amintsika amin'ny fomba mendrika isika ary afaka maharitra hatramin'ny farany koa isika miaraka amin'ny fanampiany.



*NY FITANJOZORANA NANKANY KALVARY,* NATAON'I BERNARDO CAVALLINO, CHRYSLER MUSEUM OF ART

*NY FANDEVENANA,* NATAON'I CARL HEINRICH BLOCH



## Ireo vavolombelon'ny Fitsanganany tamin'ny maty maro

"Izaho dia mino ireo vavolombelon'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty maro, izay hita ao amin'ny Testamenta Vaovao ny zavatra niainan'izy ireo sy ny fijoroany ho vavolombelona, dia i Petera sy ireo namany tao amin'ny Roambinifololahy, ary i Maria Magdalena malala sy madio, ankoatra ny hafa. Mino ireo fijoroana ho vavolombelona hita ao amin'ny Bokin'i Môrmôna aho, ny an'i Nefia ilay Apôstôly niaraka tamin'ny valalabemandry tsy voalaza anarana tao amin'ny tanin'i Soafeno, ankoatra ny hafa. Ary mino ny fijoroan'i Joseph Smith sy i Sidney Rigdon ho vavolombelona aho, izay taorian'ireo tenivavolombelona maro, dia nanambara ilay fijoroana ho vavolombelona lehibe amin'izao fotoampitantanana farany izao manao hoe—Fa velona Izy! Fa hitanay Izy.—Eo ambany fijerin'ny maso matsilony, dia mijoro ho vavolombelona koa aho fa i Jesoa avy any Nazareta no ilay Mpanavotra nitsangana tamin'ny maty, ary ambarako fa marina ny zavatra rehetra izay vokatry ny *fisian'ny* Fitsanganany tamin'ny maty. Enga anie ianareo hahazo finoana matanjaka sy fahatoniana noho ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona toy izany."

**Loholona D. Todd Christofferson ao amin'ny Kolejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Ny Fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty," *Liahona,* mey 2014, 114.**

**Fampiharana ho an'ny tena manokana:** Na dia tsy anisan'ireo izay nahita ilay vatana nitsangana tamin'ny maty sy tonga lafatra an'ilay Mpanavotra aza isika dia mbola afaka mijoro ho vavolombelona momba Azy amin'izao fotoana izao. Afaka ny ho laharam-pahamehana eo amin'ny fiainantsika foana Izy, na rahoviana na rahoviana ary na aiza na aiza misy antsika. Isaky ny manolotra ny fontsika sy ny tanantsika mba hanompoana ny hafa isika; mampiseho hamoram-panahy, hatsaram-panahy sy fanajana amin'ny rehetra; miaro ny fahamarinana; mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny filazantsara, dia mijoro ho vavolombelona marin'i Jesoa Kristy isika.

### Tsy voatery handeha irery isika

"Isan'ny fampiononana lehibe amin'izao vaninandro Paska izao ny hoe, na dia nandeha irery tanteraka tamin'ny lalana lavitra sy mitokana aza i Jesoa, dia tsy voatery hanao izany *isika*. Ny dia manirery izay nataony dia nitondra namana maro eo amin'ilay lalantsika izay mitovy endrika amin'izany lalana izany fa somary kely: ilay fiahiana feno famindrampon'ny Ray any An-danitra, ilay fiarahana mafy orina amin'ilay Zanany Malalany, sy ilay fanomezan'ny Fanahy masina izay lehibe indrindra, ny anjelin'ny lanitra, ny olona ao amin'ny fianakaviana na ny eto an-tany na ny any ambadiky ny voaly, ny mpaminany sy ny apôstôly, ny mpampianatra, ny mpitarika, ary ny namana. Ireo rehetra ireo ary ny ankoatra izay dia nomena mba ho namana mandritra ny diantsika eto an-tany noho ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy sy ny Famerenana amin'ny laoniny ny filazantsarany. Nolazaina mafy toy ny feon'ny anjomara avy eny an-tampon'i Kalvary ilay fahamarinana fa isika dia tsy mba havela irery velively na tsy hampiana, na indraindray aza isika mety mahatsiaro ho toy izany. . . .

"... Enga anie isika hijoro eo anilan'i Jesoa Kristy—amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny zavatra rehetra, ary amin'ny toerana rehetra, mba ho eo [isika], ary mandrapahafaty mihitsy aza,—satria tsy hihambahambana fa toy izany no nijoroany teo anilantsika rehefa *maty* ho antsika Izy sy tsy maintsy nijoro irery tanteraka."

**Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Tsy mba nisy niaraka Taminy,"** ***Liahona,*** **mey 2009, 88.**

**Fampiharana ho an'ny tena manokana:** Amin'ity Paska ity, dia tsarovy ilay dia farany nataon'ny Mpamonjy irery. Nanao sorona ny zavatra rehetra nananany Izy mba hahafahanao sy ny olona rehetra eto an-tany ho lasa madio sy hanana ny fiainana mandrakizay. Mianarà avy amin'ny ohatra tonga lafatra nasehony. Tazony ao an-tsainao sy ao am-ponao Izy. Ary tsarovy lalandava fa tsy irery velively ianao. Noho Izy nizaka ilay diany farany tao anatin'ny fanirery tanteraka, dia tsy handao anao Izy. Tsy misy fetra ary tsy miova ny fitiavany anao, ary vonona foana ny hanolotra fiadanana sy fampiononana ary fanantenana ho anao Izy rehefa manohy ny dianao manokana ianao. Maharitra mandrakizay ny Sorompanavotana natolony ary nomena anao izany. ■

Jereo ny fomba hanampian'ny andro Paska fahizay antsika hahatakatra ny Paska ao amin'ny **lds.org/go/41817.**



SOMBINY AVY AMIN'NY *MIARAHA-MANDEHA AMIKO*, NATAON'I GREG OLSEN, TSY AZO ADIKA
RAVEHIVAVY, NAHOANA *HIANAO NO MITOMANY?* NATAON'I MARK R. PUGH



# NDEHA ISIKA hizara NY FAHALALANTSIKA MIKASIKA NY MPAMONJY IRAY



**Nosoratan'ny Loholona Gary E. Stevenson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

*Ny hafatsika dia hafatra mikasika ny fiadanana ary ianareo no iraka hitory izany. Afaka manao izany amin'ny alalan'ireo fitaovana vaovao sy mampientanentana atolotry ny teknôlôjia ianareo.*

Isika no Fiangonan'i Jesoa Kristy, izay naorina amin'izao andro farany izao. Isika amin'izao andro farany izao dia nomena andraikitra izay mitovy amin'ny zavatra nandidian'ny Tompo ny mpianany fahiny mba hataon'izy ireo, dia ny: "[Handeha] any amin'izao tontolo izao, ka [hitory] ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra" (Marka 16:15).

I Nefia mpaminany fahiny dia namintina fohy izany asa anirahana izany sy izany hafatra izany ary ny tanjona ao ambadik'izany: "Ary miresaka an'i Kristy isika, mifaly amin'i Kristy, mitory an'i Kristy, maminany ny amin'i Kristy, ary manoratra araka ny faminaniantsika mba hahafantaran'ny zanatsika ny loharano azony andrandraina ho famelana ny fahotany" (2 Nefia 25:26).

Hitantsika ao amin'ny Bokin'i Môsià fa i Benjamîna Mpanjaka izay mpaminany fahiny ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia namory ny vahoakany nanerana ny tany teo amin'ny toerana nisy ny tempoly, dia nampanangana tilikambo iray ary nampianatra azy ireo. Rehefa nampianatra azy ireo izy, dia naminany mikasika izao androntsika izao koa izy: "Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, ka ny fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay" (Môsià 3:20).

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES; *SARIN'I KRISTY*, NATAON'I HEINRICH HOFMANN



**1830**

*Tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna miisa* ***5.000*** *natao printy*

1850

1870


1890



***Hira sy teny voalahatra*** *nanomboka tamin'ny* **1929,** *ary manakaiky ny fampitana faha-***5000** *amin'izao fotoana izao.*

1950

**1974**



2010

2030

*Amin'izao fotoana izao: Tahadikan'ny Bokin'i Môrmôna miisa* ***175 TAPITRISA*** *no natao printy*

### "Ny fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray"

Ny iray amin'ireo fanomezana sarobidy indrindra tokony hotehirizina eo anivon'ny fianakaviantsika sy tokony homena ny hafa dia ny "fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray," na momba an'i Jesoa Kristy.

Tamin'ny fiantombohan'ny fitantanan'ny fotoam-pahafenoana dia tonga teo amin'ny olombelona rehetra ny fahaizana amam-pahalalana sy ny fitobahan'ny fivoarana ara-teknôlôjia. Nentiny niaraka taminy ny vanim-potoan'ny fivelaran'ny indostria sy ireo fitaovam-pifaneraserana, izay nanome fahafahana ny mba hahatanterahan'ny faminanian'i Benjamîna Mpanjaka.

Amin'ny maha-mpikambana iray ahy ao amin'ny Kôlejin'ny Apostôly Roambinifolo, izay antsoina hoe vavolombelona manokan'ny "anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao" (F&F 107:23) miaraka amin'ny andraikitra manokana ao amin'ny kômity misahana ny fifandraisana amin'ny any ivelany sy ao amin'ny kômitin'ny sampandraharaha misahana ny fifaneraserana, dia afaka mifantoka amin'ny fanatanterahana izany faminaniana izany aho, mba hiparitahan'ny "fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray" manerana an'izao tontolo izao, amin'ny alalan'ny fampiasana ireo teknôlôjia farany indrindra eo am-pelatanantsika.

### "Eran'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary ny mponina tsirairay"

"Ireo zanabolana ireo dia fanombohana ihany amin'izay homanin'ny hoavy mikasika ny fampitana manerana an'izao tontolo izao. . . . Mino aho fa tsy andrin' Andriamanitra izay hametrahana eo an-tanantsika ireo teknôlôjia vaovao izay tsy azontsika olona tsy matihanina veroka akory."
**Filoha Spencer W. Kimball**

Raha araka ny tantara dia nanome fahafahana ho an'ny hafatry ny Famerenana amin'ny laoniny hiely manerana an'izao tontolo izao ny fivoarana teo amin'ny fanaovana printy, ny famoronana ny radiô sy ny fahitalavitra. Mahita ohatra maro maneho izany isika, ary ny sasany amin'izany dia tsaroantsika ao an-tsaintsika.

Nandritra ny 10 taona taorian'ny Fahitana Voalohany ary iray volana talohan'ny nananganana ny Fiangonana dia Bokin'i Môrmôna miisa 5000 no navoaka. Nanomboka tamin'izay dia mihoatra ny 175 tapitrisa no natao printy.

Isaky ny alahady maraina dia afaka mihaino na mijery ny fampitana ny *Music and the Spoken Word (Hira sy teny voalahatra),* ianao izay efa manakaiky ny fampitana faha-5000 izao. Ny fampitana voalohany dia natao mivantana tamin'ny radiô tamin'ny 1929. Ny fampitana voalohany ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny fahitalavitra dia natao tamin'ny 1949.

Ny mahavariana dia nanomboka nilaza an'ireo zavatra ho avy ny Filoha David O. McKay (1873–1970): "Zava-baovao hita mifono hery matanjaka, izay na ho fitahiana na ho famotehana ny olombelona, ka ny andraikitra eo an-tsoroky ny olona mba hifehy azy ireo no andraikitra faran'izay lehibe indrindra napetraka eo an-tanan'olombelona hatramin'izay. . . . Ity vanim-potoana ity dia feno loza tsy misy fetra ary koa fahafahana manao zavatra maro dia maro."[1]

Tamin'ny 1974, ny Filoha Spencer W. Kimball (1895–1985) dia namaritra ny fahitany andro iray izay ho avy: "Ny Tompo dia nanome an'izao tontolo izao . . . zanabolana maro. Napetraka any an-danitra ambony any izy ireo, ka mandefa famantarana ny fampitana saika any amin'ny faritra rehetra eto ambonin'ny tany. . . . Azo antoka fa ireo zanabolana ireo dia fanombohana ihany amin'izay homanin'ny hoavy mikasika ny fampitana manerana an'izao tontolo izao. . . . Mino aho fa tsy andrin' Andriamanitra izay hametrahana eo an-tanantsika ireo teknôlôjia vaovao izay tsy azontsika olona tsy matihanina veroka akory."[2]

Eo anatrehan'ny fivoarana ara-teknôlôjia eo amin'ny fifandraisana sy ny fitaovam-pampahalalana izay tonga haingana taorian'ny fivoaran'ny internet, dia toa vavolombelon'ny fahatanterahana ara-bakitenin'ireo faminanian'i Benjamîna Mpanjaka sy ny Filoha Mckay ary ny Filoha Kimball isika amin'izao androm-piainantsika izao.

Misy koa ny lamina mazava amin'ny fampiasana ireo teknôlôjia ireo mba hanorenana ny fanjakan'ny Tompo eto an-tany. Te hizara ohatra amin'izany aminareo aho.

### Ny LDS.org sy ny Mormon.org

Tamin'ny 1996, dia nanomboka tamin'ny fomba ôfisialy nampiasa ny tranonkala ny Fiangonana mba ho fitaovana handefasana

hafatra sy hifaneraserana. Nanomboka tamin'izay ka hatramin'izao dia misy tranonkala miisa 260 eo ho eo no iantohan'ny Fiangonana, ka tafiditra ao anatin'izany ireo tranonkala izay saika misy any amin'ny firenena rehetra ahitana mpikamban'ny Fiangonana mipetraka, ary amin'ny fitenin'izy ireo izany.

Hizara ohatra roa efa be mpahafantatra amin'ireo tranonkala ireo aho. Ny voalohany dia ny LDS.org, naorina tamin'ny 1996, izay mandray mpitsidika 24 tapitrisa mahery isan-taona amin'izao fotoana izao, ary eo amin'ny mpitsidika iray tapitrisa eo ho eo isan-kerinandro. Mpikambana maro no mahita ny fandaharam-pampianarana mba hampianarana sy ireo lahatenin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany teo aloha ao amin'izy io. Faharoa ny Mormon.org, izay tranonkala natao mba hampahafantarana ny filazantsara amin'ireo mpifanolobodirindrina amintsika sy namantsika izay tsy mpikambana ao amin'ny Fiangonana. Io tranonkala io dia mandray mpitsidika miavaka mihoatra ny 16 tapitrisa isan-taona.

## Applications ho an'ny finday

Mazava ho azy fa mivoatra faran'izay haingana ny teknôlôjia ka mitaky ezaka lehibe sy loharanompitaovana mba hahafahana manaraka izany. Tamin'ny alalan'ny famoronana ny smartphones dia tonga ny hery hifehezana sy hampiasana données maro dia maro ao anatin'ny fitaovana iray entin-tanana. Ny ankamaroan'izany données izany dia narafitra hiendrika applications ho an'ny finday, na "apps." Navoaka tamin'ny 2007 ny application voalohany izay iantohan'ny Fiangonana.

Maro dia maro ireo ohatra mikasika ny fampiasana ireo applications ho an'ny finday izay mahasoa mba hampielezana ny "fahalalantsika mikasika ny Mpamonjy iray." Tsy hamaritra ny votoatin'ireo applications maro izay mora hitanareo aho akory, fa ireto misy ohatra sasantsasany izay tena efa fantatrareo:

- Bibliothèque de l'Évangile (Tahirim-bokin'ny Filazantsara)
- Mormon Channel
- Outils SDJ (Fitaovana OAF)
- Musique SDJ (Mozika OAF)
- Arbre familial (Tetiarana)

Ampiasain'ny mpampiasa an-tapitrisany imbetsaka tokoa ireo isan-kerinandro.

## Tambazotra ifaneraserana

Raha faritana, ny atao hoe tambazotra ifaneraserana dia teknôlôjia fehezina amin'ny alalan'ny solosaina izay manome fahafahana ny olona tsirairay sy ny fikambanana hijery sy hamorona




ary hizara fampahalalana, hevitra ary endrika hafa enti-mampiseho zavatra amin'ny alalan'ny fiarahamonina sy tambazotra toy ireny azo tsapain-tanana ireny izay noforonin'ny logiciel.

Nanomboka tamin'ny taona 2010 teo dia nanomboka tena nampiasa araka ny tokony ho izy ny tambazotra ifaneraserana ny Fiangonana mba hanatanterahana ny fampielezana "ny fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray." Fitaovampifandraisana amin'ny endrika numérique izay mandeha haingana sy mora miovaova izany. Toa tsy misy toa azy raha eo amin'ny hafainganan'ny fiovana.

Ny zavatra iray tsikaritra eo amin'ny tambazotra ifaneraserana dia raha vantany vao mahafantatra sehatra iray sy mahazo aina amin'izany ny olona iray, dia efa misy anankiray vaovao sy lehibe kokoa ary heverina ho mahafinaritra kokoa na tsara kokoa tonga sahady.

Hamaritra sehatry ny tambazotra ifaneraserana miisa dimy izay ampiasain'ny Fiangonana toy ny fantsona ifandraisana aho:

1. Ny Facebook dia ampiasain'ny olona miisa 2 miliara mahery manerana an'izao tontolo izao. Ireo mpampiasa no manorina ny tambazotrana namana ifandraisana en ligne eto.

2. Ny Instagram dia tranonkala ifaneraserana izay mifantoka amin'ny sary sy horonan-tsary.

3. Ny Pinterest dia toy ireny tabilao fametrahana afisy manakaiky ny tena izy ireny. Ireo sary jeren'ny maso izay antsoina hoe "pins" dia mipetaka eo amin'ilay tabilao eto. Mety ho fehezan-teny manentana ny fanahy izany na sary mandrisika ny tena hivoatra.

4. Ny Twitter dia tambazotra ifaneraserana izay manome fahafahana ireo mpampiasa azy handefa sy hamaky hafatra fohy ahitana tarehintsoratra

*Tamin'ny alalan'ny famoronana ny smartphones dia tonga ny hery hifehezana sy hampiasana données maro dia maro ao anatin'ny fitaovana iray entin-tanana.*

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



*Tamin'ny aogôsitra 2016, dia nametraka horonan-tsary iray tao amin'ny Instagram ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, ka nampianatra an'i Erik zafikeliny lahy mikasika ireo fitsipiky ny filazantsara izy tamin'izay tao anatin'ny, azonareo an-tsaina ve?, efitry ny mpanamory fiaramanidina iray!*

miisa 280 izay antsoina hoe "tweets."

5. Ny Snapchat dia mampiseho sary sy horonan-tsary fohy izay manjavona eo no ho eo ihany na ao anatin'ny 24 ora.

Raha ara-drafitra mivelatra, dia mampiasa ireo tambazotra ifaneraserana ireo amin'ny fomba mahery vaika isika.

### FACEBOOK

Mety tsaroanareo ilay hafatra tena tsara mikasika ny harerahan-tsaina amam-panahy nozarain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo taona vitsy lasa izay.[3] Nisy horonan-tsary fohy noforonina avy amin'io lahateniny io izay navoaka ka nojeren'ny olona roa tapitrisa mahery tao amin'ny Facebook fotsiny, niaraka tamin'ny fanehoan'ny olona hoe tiako sy ny fizaran'ny olona izany tamin'ny hafa ary ny fanoratan'ny olona hevitra izay mankasitraka izany izay miisa an'arivony.[4]

### INSTAGRAM

Tamin'ny aogôsitra 2016, dia nametraka horonan-tsary iray tao amin'ny Instagram ny Filoha Dieter F. Uchtdorf, ka nampianatra an'i Erik zafikeliny lahy mikasika ireo fitsipiky ny filazantsara izy tamin'izay tao anatin'ny, azonareo an-tsaina ve?, efitry ny mpanamory fiaramanidina iray![5] Nankafizin'olona an'arivony ny zavatra napetraky ny Filoha Uchtdof tao, ary maro dia maro ny fanoratana hevitra nanohana izany.

Ny Fiangonana koa dia namoaka tao amin'ny kaonty Instagram tamin'ny nôvambra 2017, horonan-tsary iray ahitana ny Loholona Dallin H. Oaks sy ny Loholona M. Russell Ballard mamaly ny fanontaniana napetraky tovovavy tokan-tena iray mikasika ny fanaovan'ny rahavavy asa fitoriana. Io zavatra napetraka io dia nojeren'ny olona miisa 112.000 mahery.

### PINTEREST

Ao anatin'ny Pinterest ny olona dia afaka mahita pins an-jatony avy amin'ny LDS.org ary maro hafa koa aza avy amin'ireo mpikambana manokana, izay manentana ny fanahin'ny hafa.

Ohatra, maro no mizara teny avy amin'ireo mpaminany, na taloha na amin'izao fotoana izao. Misy pin iray an'ny Filoha Thomas S. Monson izay mivaky toy izao: "Betsaka ireo zavatra eo amin'ny fiainana izay miankina amin'ny toetrantsika."[6]

### TWITTER

Ny tweet iray izay nozarain'ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo tamin'ny marainan'ny Paska tamin'ny herintaona dia nojeren'ny olona indray alina sy roa hetsy. Nasehon'ny Loholona Bednar fa ny hafatra tsotra sy fohy iray hoe: "Tsy ato Izy fa efa nitsangana" (Matio 28:6), dia afaka ny hisy fiantraikany lalina sy maharitra.

### SNAPCHAT

Farany, niseho tao amin'ny Snapchat ireo sary sy teny izay nizara ny iray tamin'ireo hafatry ny Filoha Monson tao amin'ireo hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany.

### Ireo loza mety hitranga avy amin'izy ireo

Rehefa nidera ny zava-tsoa entin'ireo teknôlôjia ireo sy nampiseho ny fampiasana azy araka ny tokony ho izy aho, dia mihevitra fa tsara koa ny miresaka mikasika ny sasany amin'ireo loza mety hitranga avy amin'izy ireo.

Tokony hahatsapa tena isika rehetra eo amin'ny fotoana azo atokana ho an'ny tambazotra ifaneraserana na ho an'ny fampiasana ireo applications ho an'ny finday. Ny fampiasana ny tambazotra ifaneraserana koa dia mety hampihena ny fifandraisana ifanatrehan-tava, izay mety hanakana ny fivelaran'ny fifaneraserana amin'olona ho an'ny ankamaroan'ny tanorantsika.

Ny loza mety hitranga avy amin'ireo zavatra mamoa fady ao anatiny koa dia tokony hantitranterina. Misy ny fitomboan'ny aretimifindran'ny fiankinan-doha amin'ny pôrnôgrafia eo amin'ny fiarahamonina izay misy fiantraikany sy mikendry amin'ny fomba ratsy

na dia ireo mpikambana ao amin'ny Fiangonana sy ny fianakaviana aza.

Farany dia manolotra loza roa fanampiny miaraka mety hitranga aho, izay manipy ny haratony saika eny amin'ny olona rehetra, ka tafiditra ao anatin'izany ireo zatovovavy, sy ireo reny sy vehivavy manambady teraka tao anatin'ireo taona taorian'ny taona 1980 sy teo antenantenan'ny taona 2000. Omeko an'ireto anarana ireto ireo loza roa mety hitranga ireo "zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra" ary "fampitahana manimba." Mihevitra aho fa ny fomba tena tsara hamaritana ireo loza roa mety hitranga ireo dia amin'ny alalan'ny fanomezana ohatra.

Raha resahina amin'ny ankapobeny, ireo sary izay apetraka ao amin'ny tambazotra ifaneraserana dia mirona mankany amin'ny fampisehoana ny fiainana amin'ny endriny tena tsara ary matetika amin'ny fomba izay mifanohitra amin'ny zava-misy mihitsy aza. Matetika no feno sary tena tsara mampiseho ny trano voahaingo, fialan-tsasatra mahafinaritra ary fikarakarana sakafo mafilotra ao anatin'izy ireo. Mazava ho azy fa ny loza dia olona maro no lasa kivy satria toa tsy mahavita zavatra tsara tahaka izany zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra izany izy ireo, izay toy ireny tena izy ireny.

Rehefa nahazo hevitra avy tamin'ny sarina "crêpe" iray nankalazana fitsingerenan'ny taona nahaterahana ny zanaky ny iray tampo amiko anankiray, dia nametraka ny sarin'ny crêpe mitovy amin'izany izay nandramany natao izy vao haingana. Mba tsy hamelana izany hiteraka faneriterena tafahoatra dia naleony nanapa-kevitra mba hanome famporisihana ny hafa tamin'ny alalan'ny fametrahana tao amin'ny "Pinterest ilay sarin'ny crêpe nataony izay tsy nahomby" (jereo ny sarin'ilay crêpe).

Enga anie isika mba hahay hijery ny lafiny mampihomehy kokoa sy tsy ho kivikivy rehefa mahita sary izay mety maneho zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra ary matetika loatra no mitarika any amin'ny fampitahana manimba.

Araka ny hita dia tsy hoe famantarana izao androntsika izao fotsiny izany fa, raha dinihina ny tenin'i Paoly, dia efa niseho taloha ihany koa izany: "Fa tsy hendry ireny, . . . manohatra ny tenany amin'ny tenany sy mampitaha ny tenany amin'ny tenany [ireny]" (2 Korintiana 10:12).

Vao haingana ny Loholona J. Devn Cornish ao amin'ny Fitopololahy no nanome torohevitra koa izay nifanojo amin'ny ilàna azy: "Mampijaly ny tenantsika amin'ny tsy misy antony fotsiny isika amin'ny alalan'ny fifaninanana sy ny fampitahana. Mitsara amim-pahadisoana ny maha-izy azy antsika amin'ny alalan'ireo *zavatra* izay ananantsika sy tsy ananantsika isika ary amin'ny *alalan'ny hevitry ny hafa*. Raha tsy maintsy manao fampitahana isika dia ndeha isika taloha sy isika amin'izao fotoana izao no hampitahaintsika, ary izay tiantsika hahatongavana amin'ny ho avy mihitsy aza."[7]

Mamelà ahy ianareo hizara iray amin'ireo tsiambaratelon'ny fianakavianay izay hita ato anatin'ity sarin'ny fianakaviana (jereo ao amin'ny pejy manaraka ny sary) izay nalaina taona maro lasa ity, talohan'ny fahatongavan'ny tambazotra ifaneraserana. Raha nalaina tamin'izao fotoana izao ity, dia tena ho napetraka tao amin'ny tambazotra ifaneraserana mihitsy, satria mampiseho fianakaviana iray ahitana ankizilahy maha-te-ho tia, manao akanjo mirindra tsara ny lokony, ary hendry tsara izay mifaly amin'ny fahafahana miaraka maka sarimpianakaviana milamina. Te-hahafantatra ny tena tantara marina ve ianao?

Mbola tsaroako ilay antso an-tariby avy tamin'ny vadiko "Gary a! Aiza ianao? Aty ivelan'ny toerana fakan'ilay mpaka sary sary izahay. Efa vonona ny halaina sary izahay. Tsy mora ny nampiakanjo sy nandamina ary nanomana ny ankizy rehetra. Efa akaiky ve ianao?"

Tena hadinoko izany ary mbola tsy niala tao

*Olona maro no lasa kivy satria toa tsy mahavita araka ny zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra izy ireo, izay toy ireny tena izy ireny.*




*Zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra*



*Fampitahana manimba*




amin'ny birao akory aza aho! Tara antsasakadiny aho ary tsy nandeha araka ny tokony ho izy loatra ny zava-drehetra nandritra ny tsy nahateo ahy, ary efa saika nikorontana mihitsy aza.

Inona no nitranga? I Craig zanako lahimatoa dia nihazakazaka eran'ny tokotany ary nahita hazo paoma, ka naka paoma ary nanomboka nitoraka an'ireo ankizilahy hafa tamin'izany. Notorahany tamin'ny paoma ny lamosin'ilay zanakay lahy fahatelo ka nianjera izy ary nanomboka nitomany.

Teo am-pitrangan'izany tamin'io fotoana io ihany koa, dia nipetraka ny zanako lahiaivo ka niakatra kely ny patalohany. Hitan'ireo ankizy hafa fa ba kiraro fanaovana fanatanjahan-tena ny ba kirarony fa tsy ilay ba kiraro fitondra miangona efa napetraky ny reniny mba hanaovany. Nanontanian'ny reniny izy hoe: "Nahoana no tsy nanaovanao ireo ba kiraro fitondra miangona?"

Hoy izy hoe: "Tsy tiako izy ireo e! Marokoroko."

Ary raha teo am-piresahana taminy izy dia nihazakazaka eran'ny tokotany ilay zanakay lahy roa taona, ary voafingan-javatra ka nianjera dia nandeha ra ny orony. Ary nisy ra nitete teo amin'ilay akanjony fotsy ambony mivalom-bozona ka nisy tasy. Tamin'izay aho vao tonga. Ny hany fomba azo hamonjena ilay sary dia ny namadika ilay akanjo mivalom-bozona mba hanafenana tasin-dra rehefa maka sary.

Ny niafarany rehefa nihodinkodina nihazakazaka sy nitoraka paoma ilay zanakay lahimatoa dia nianjera ka nisy tasina bozaka ngeza be teo amin'ny lohaliny. Noho izany ny sandriny tao anatin'ilay sary dia napetraka tamin-kafetsena mba hanaronana ilay tasina bozaka.

Ho an'ilay zanakay lahy fahatelo indray dia niandry 20 minitra izahay mba tsy ho menan'ny ranomaso intsony ny masony.

Ary mazava ho azy fa ny tasina ra teo amin'ilay zanakay faralahy tamin'izay dia tao an-damosin'ny lobany.

Ny zanakay lahiaivo indray tamin'izay dia nasaina nametraka tamin-kafetsena ny tanany teo an-tampon'ny ba kirarony fotsy mba hifanaraka ny zavatra hanaovana rehetra.

Raha ho ahy indray dia ho bedin'ny vadiko aho satria ny fahatarako no nahatonga an'izany rehetra izany.

Noho izany rehefa mahita ity sarin'ny fianakavianay izay kanto ity ianareo ka mitaraindraina hoe: "Nahoana ary izahay no tsy afaka mifandamina dia mahavita sarina fianakaviana tonga lafatra toy ny azy ireo?" Dia fantatrareo tsara kokoa izao ny tena marina!

## Tambazotra ifaneraserana sy asa fitoriana

Araka ny hitanareo dia mila mitandrina isika amin'ireo loza mety hitranga, ka tafiditra ao anatin'izany ny zava-misy namboarina araka izay eritreretina mba homena endrika tonga lafatra ary ny fampitahana manimba. Izao tontolo izao raha ny mahazatra dia tsy mamirapiratra araka ny ahitana azy ao amin'ny tambazotra ifaneraserana. Na izany aza dia maro ny soa azo sy ny mbola ho azo avy amin'ireo seha-pifaneraserana ireo.

Tamin'ny 2017 dia nisy ny torolalana vaovao nomen'ny Departemanta misahana ny asa fitoriana mikasika ny fomba mandaitra ahafahana mampiasa ny tambazotra ifaneraserana eo amin'ny asa fitoriana. Ireo fitaovana amin'ny endrika numériques maro eo am-pelatanantsika dia azo ampiasaina amin'ny fomba mahery vaika, mora sy tsotra ary faran'izay mahomby.

Misy applications maro dia maro ho an'ny fampiasana ny teknôlôjia araka ny tokony ho izy sy amin'ny fomba manentana ny fanahy. Tokony manao izay azontsika atao isika mba hampianarana ny taranaka vao misondrotra ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny teknôlôjia sy mba hampitandremana sy hisorohana ny fampiasana tsy araka ny tokony ho izy izany ary ireo loza mety hitranga mifandray amin'izany koa. Izany dia tokony

hanampy antsika hanana toky fa ireo soa azo avy amin'ny teknôlôjia dia ho lehibe kokoa noho ireo loza mety hitranga mifandray amin'izany.

### "Akory ny hatsaran'ireo mitondra teny soa mahafaly"

Nandritra ny fotoana nisaintsainako sy nivavahako lalina momba ity hafatra ity, dia nifoha aloha be aho indray maraina niaraka tamin'ny hira iray sy ny tonony tsotra tao an-tsaiko: "Akory ny hatsaran'ireo mitondra teny soa mahafaly izay mitory ny filazantsaran'ny fiadanana amintsika."[8]

Ny hafatsika dia hafatra mikasika ny fiadanana ary ianareo no mpitondra teny soa mahafaly hitory izany. Afaka manao izany ianareo amin'ny alalan'ireo fitaovana vaovao sy mampientanentana atolotry ny teknôlôjia. Miaina ao anatin'ny tontolo iray miavaka ao anatin'ny fahafenoan'ny fotoampahasoavana isika miaraka amin'ny fahafahana mitory ny filazantsaran'ny fiadanana amin'ny fomba mora ho antsika ara-bakiteny.

Manana teny mifono faminaniana avy amin'ireo mpaminany fahiny isika, izay mamaritra mazava ny androntsika ary manome torolalana ho an'izao androntsika izao: "Ary ankoatra izany, dia lazaiko aminareo fa ho avy ny fotoana, ka ny fahalalana ny Mpamonjy dia hiely patrana eran'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay" (Môsià 3:20).

Manana teny izay tonga eo amintsika amin'ny alalan'ny fanambarana ho an'izao andro maoderina izao koa isika, izay miteny ho an'izao androntsika sy toe-javatra iainantsika izao ary manome torolalana momba izany. Hindramiko ny tenin'ny Loholona Bednar hoe: "Ary mino aho fa tonga ny fotoana ho antsika mpianatr'i Kristy hampiasana ireo fitaovana tena tsara ireo araka ny tokony ho izy sy amin'ny fomba mahomby kokoa mba hijoroana ho vavolombelona momba an' Andriamanitra ilay Ray Mandrakizay, sy ny drafitry ny fahasambarana ho an'ny zanany ary momba ny Zanany, dia i Jesoa Kristy, amin'ny maha-Mpamonjy an'izao tontolo izao Azy; mba hitoriana ny maha-tena misy ny Famerenana ny filazantsara amin'ny laoniny amin'ny andro farany; ary hanatanterahana ny asan'ny Tompo."[9]

Manasa ny tsirairay aminareo aho mba handinika tsara ny andraikitrareo mba hitory ny filazantsaran'ny fiadanana amin'ny maha-mpitondra teny soa mahafaly anareo. Ndeha isika tsirairay hanao ny anjarantsika amin'ny fizarana "ny fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray" eran'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay. Ny fomba tena hanaovana izany dia ny fanaovana dingana iray isaky ny mandeha ary amin'ny fomba iray manokana izay tena mety aminao sy ny fianakavianao. Enga anie ianareo tsirairay ka hanana ny faharisihana hampiasa ny blog, hametraka sary ao amin'ny Pinterest, hizara zavatra, hametraka zavatra, hinamana, handefa tweet, hanao snap ary hanakisakisaka amin'ny tanany mankany ambony na ambany ao anatin'ny tambazotra ifaneraserana, amin'ny fomba izay hanome voninahitra sy fanajana ny sitrapon'ny Raintsika any An-danitra be fitiavana ary hitondra fahalalana ny Mpamonjy ho an'ny fianakavianao sy ireo olon-tianao ary namanao, ka tafiditra ao anatin'izany ireo namanao ao amin'ny tambazotra ifaneraserana. ■

*Avy tamin'ny lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny vehivavy tao amin'ny Oniversite Brigham Young, "The Knowledge of a Savior" (Ny fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray) tamin'ny 5 mey 2017.*

*Ndeha isika tsirairay hanao ny anjarantsika amin'ny fizarana "ny fahalalana mikasika ny Mpamonjy iray" eran'ny firenena, ny foko sy ny samy hafa fiteny ary mponina tsirairay.*

**FANAMARIHANA**


1. David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, Oct. 1966, 4.
2. Spencer W. Kimball, "When the World Will Be Converted," *Ensign,* Oct. 1974, 11, 10.
3. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Tahaka ny vilany ariana," *Liahona,* nôv. 2013, 40–42.
4. Jereo ny Jeffrey R. Holland, "Mormon Message: Like a Broken Vessel," June 20, 2016, mormonnewsroom.org.
5. Jereo ny "President Uchtdorf Relates Flying to Gospel in Post and Video with Grandson," Sept. 30, 2016, LDS.org.
6. Thomas S. Monson, "Living the Abundant Life," *Liahona,* Jan. 2012, 4.
7. J. Devn Cornish, "Manana fahatsarana ampy ve aho? Ho tonga any ve aho?" *Liahona,* nôv. 2016, 33.
8. "How Lovely Are the Messengers," hymnary.org.
9. David A. Bednar, "Flood the Earth through Social Media," *Liahona,* Aug. 2015, 50; jereo koa ny David A. Bednar, "Sweep the Earth as with a Flood" (video), LDS.org.


*Miaina ao anatin'ny tontolo iray miavaka ao anatin'ny fahafenoan'ny fotoam-pahasoavana isika miaraka amin'ny fahafahana mitory ny filazantsaran'ny fiadanana amin'ny fomba mora ho antsika ara-bakiteny.*



SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES





TOKO 3

# Ireo takela-bolamena

*Ity no toko faha-3 ao amin'ny boky vaovao miisa efatra misy ny fitantarana ny tantaran'ny Fiangonana izay mitondra ny lohateny hoe* Olomasina: Ny tantaran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy amin'izao andro farany izao. *Io boky io dia hisy amin'ny fiteny miisa 14 ka hatao printy sy ho hita ao amin'ny fizarana Histoire de l'Église ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile, ary en ligne ao amin'ny olomasina.lds.org. Ireo toko maro manaraka dia havoaka ao anatin'ireo laharana ho avy mandra-pivoakan'ny boky 1 amin'ny faramparan'ity taona ity. Hisy amin'ny fiteny miisa 47 ireo toko ireo ao amin'ny application Bibliothèque de l'Évangile, ary ao amin'ny olomasina.lds.org. Ny toko faha-2 dia mamaritra ny Fahitana Voalohany hitan'i Joseph, ka nahitany ny Ray sy ny Zanaka tamin'ny lohataonan'ny taona 1820.*

Telo taona sy fijinjana telo izay no lasa. Nanokana ny ankamaroan'ny fotoana nanajary ny tany sy namadika bainga i Joseph ary nikarama tamin'olona mba hanangonana vola ho an'ny fandoavana lelavola isan-taona eo amin'ny fananan'ny fianakaviana. Tsy nahafahany nianatra matetitetika ilay asa ary ny ankamaroan'ny fotoana tsy niasany dia niarahany tamin'ny fianakaviany sy ireo mpiasa hafa.

Mbola tanora sy tsy dia ampy fahamatorana loatra i Joseph sy ny namany. Nanao hadalana izy ireo indraindray ary hitan'i Joseph fa ny hoe voavela heloka indray mandeha dia tsy midika fa tsy mila miverina mibebaka intsony izy. Ary tsy namaly ny fanontaniana rehetra akory ny fahitana goavana hitany na nampitsahatra mandrakizay ny fisafotofotoantsainy.[1] Noho izany dia niezaka nanakaiky an' Andriamanitra izy. Namaky ny Baiboliny izy sy natoky ny herin'i Jesoa Kristy mba hamonjy azy ary nankatò ny didin'ny Tompo mba tsy hiditra ho mpikambana amin'izay fiangonana nisy.

Toy ny olona maro tao amin'ilay faritra, anisan'izany ny rainy, dia nino i Joseph fa Andriamanitra dia afaka manambara fahalalana amin'ny alalan'ny fampiasana zavatra toy ny tehina sy ny vato, tahaka ny nataony tamin'i Mosesy, Aharôna, ary ireo olona hafa ao amin'ny Baiboly.[2] Indray andro raha nanampy mpifanolobodirindrina iray nangady lavadrano iray i Joseph dia nahita vato kely iray nilevina lalina tao anaty tany. Noho ny fahafahantarany fa indraindray ny olona nampiasa vato manokana mba hikarohana zavatra very na harena miafina, dia nanontany tena i Joseph raha toa ka tsy ilay vato toy izany ity hitany ity. Rehefa nijery izany izy dia nahita zavatra izay tsy hitan'ny maso voajanahary.[3]

Nahavariana ireo olona tao amin'ny fianakaviana ny fananan'i Joseph fanomezam-pahasoavana nampiasa ilay vato, ary noraisin'izy ireo ho toy ny mariky ny fahazoana sitraka avy amin' Andriamanitra izany.[4] Saingy na dia nanana fanomezam-pahasoavana ho mpahita aza izy dia mbola tsy natoky i Joseph hoe faly taminy Andriamanitra. Tsy nahatsapa intsony ilay famelan-keloka sy fiadanana tsapany taorian'ny fahitany ny Ray sy ny Zanaka izy. Fa kosa nahatsiaro tena matetika ho meloka noho ny fahalemeny sy ny tsy fahatanterahany.[5]

Ny 21 septambra 1823, dia nitsotsotra tao amin'ny rihantrano ambany tafo izay efitrano fandriana nitambaran'izy sy ireo rahalahiny i Joseph. Taraiky izy vao nandeha natory satria nihaino ny fianakaviany niresaka momba ireo fiangonana isan-karazany sy ireo fotopampianarana nampianarin'izy ireo. Natory amin'izay ny olona rehetra ary nangina ny trano.[6]

Nanomboka nivavaka i Joseph tao anatin'ilay efitranony maizina, ka nitalaho mafy tamin' Andriamanitra mba hamelany ny fahotany. Naniry ny hifandray tamin'ny iraka iray avy any an-danitra izy izay afaka manamafy ny fijoroany eo anatrehan'ny Tompo sy afaka manome azy ilay fahalalana ny filazantsara izay nampanantenaina azy tao amin'ilay ala kely. Fantatr'i Joseph fa efa namaly ny vavaka nataony Andriamanitra teo aloha ary nanana fahatokiana tanteraka fa hamaly indray Izy.

Raha teo am-pivavahana i Joseph, dia nisy hazavana niseho teo akaikin'ny fandriany ary nihanazava izany mandra-pandrakotr'izany ny efitrano iray manontolo. Nitraka i Joseph ary nahita anjely iray nitsingevaheva. Nanao akanjo fotsy tsy nisy dian-jaitra izay lava hatreny amin'ny hatotanany sy ny kitrokeliny ilay anjely. Nisy hazavana

NIANTSO AHY TAMIN'NY ANARAKO IZY, NATAON'I MICHAEL MALM

namirapiratra avy aminy ary nanjelatra tahaka ny tselatra ny endriny.

Natahotra i Joseph tamin'ny voalohany, nefa tsy ela dia nisy fiadanana nameno azy. Niantso azy tamin'ny anarany ilay anjely ary nampahafantariny hoe izy no Morônia. Nilaza izy fa navelan' Andriamanitra ny fahotan'i Joseph ary manana asa hampanaovina azy Izy tamin'izay. Nambarany fa ny anaran'i Joseph Smith dia sady hankalazaina no hoharatsiana eo anivon'ny olon-drehetra.[7]

Niresaka mikasika ireo takela-bolamena nilevina tany amin'ny havoana iray tsy lavitra i Môrônia. Voasokitra eo amin'ireo takelaka ireo ny rakitsoratry ny vahoaka iray fahagola izay niaina tany Amerika. Miresaka mikasika ny fiavian'izy ireo ilay rakitsoratra ary mitantara ny famangian'i Jesoa Kristy azy ireo sy ny fampianarany ny fahafenoan'ny filazantsara azy ireo.[8] Nilaza i Môrônia fa niaraka nalevina tamin'ireo takelaka ireo ny vato mpahita anankiroa izay taty aoriana dia nantsoin'i Joseph hoe Orima sy Tomima, na fandikana. Nanomana ireo vato ireo ny Tompo mba handikana ilay rakitsoratra. Ireo vato mazava ireo dia niaranofatorana sy naraikitra tamin'ny saron-tratra iray.[9]

Ny ambin'ny famangiana dia nilazan'i Môrônia ireo faminaniana avy ao amin'ny bokin'i Isaia, bokin'i Joela, Bokin'i Malakia ary ny Asan'ny Apostoly ao amin'ny Baiboly. Nanazava izy fa ho avy tsy ho ela ny Tompo ary tsy hahatanteraka ny tanjon'ny nahariana azy ireo ny fianakaviamben'ny olombelona raha tsy havaozina indray aloha ny fanekempihavanan' Andriamanitra fahiny.[10] Nilaza i Môrônia fa nosafidin' Andriamanitra i Joseph mba hanavao ilay fanekempihavanana, ary raha misafidy ny ho mahatoky amin'ireo didin' Andriamanitra izy, dia ho lasa ilay olona iray hanambara ny mikasika ilay rakitsoratra eo amin'ireo takelaka.[11]

*Nilaza tamin'i Joseph i Môrônia fa nofidin' Andriamanitra i Joseph mba hanavao ny fanekempihavanana ary raha misafidy ny ho mahatoky amin'ny didy nomen' Andriamanitra izy, dia izy no ho ilay hanambara ny rakitsoratra eo amin'ireo takelaka.*

Talohan'ny nandehanany dia nodidin'ilay anjely i Joseph mba hikarakara an'ireo takelaka ireo ary tsy hampiseho izany na amin'iza na amin'iza raha tsy rehefa mahazo torolalana ary nampitandremany izy fa hofongorana raha toa ka tsy mankatò izany torohevitra izany. Dia niangona nanodidina an'i Môrônia ilay hazavana ary niakatra tany an-danitra izy.[12]

Raha teo am-pandriana nisaintsaina ilay fahitana i Joseph, dia nisy hazavana nanenika indray ilay efitrano ary niseho indray i Môrônia ka nanome ilay hafatra teo aloha ihany. Dia lasa izy, ary niseho indray mandeha indray, dia nampita fanintelony ilay hafany.

"Mitandrema ianao ry Joseph," hoy izy. "Rehefa azonao ireo takelaka dia ho feno haizina ny sainao, ary hiditra haingana ao an-tsainao ireo karazan-javatra ratsy rehetra mba hanakana anao tsy hitandrina ireo didin' Andriamanitra." Teo am-panoroana an'i Joseph izay olona hanohana azy, dia namporisika azy i Môrônia mba hilaza amin'ny rainy ny mikasika ireo fahitana ireo.

Nampanantena ilay anjely hoe: "Hino ny teny rehetra holazainao izy."[13]

Ny ampitson'izany dia tsy niteny na inona na inona momba an'i Môrônia i Joseph na dia fantany aza fa mino ny fahitana sy ny anjely ny rainy. Fa nandany ny maraina kosa niaraka nanao fijinjana tamin'i Alvin tany amin'ny saha iray tsy lavitra izy.

Mafy ilay asa. Niezaka nanaraka ny hafainganampiasan'ny rahalahiny i Joseph rehefa nampisavilivily ny antsim-pinjinjana nandroso sy niverina teo amin'ireo varimbazaha avo izy ireo. Saingy ny famangian'i Môrônia dia tsy nampatory azy nandritra ny alina iray manontolo, ary niverina foana tany amin'ilay rakitsoratra fahiny sy ilay havoana nandevenana izany ny sainy.

Tsy ela dia najanony ilay asa ary tsikaritr'i Alvin izany. "Tsy maintsy manohy miasa isika," hoy izy tamin'i Joseph tamin'ny feo mafy, "raha tsy izany dia tsy ho vita ny asantsika."[14]

Niezaka niasa mafy sy haingana kokoa i Joseph, saingy na inona na inona nataony dia tsy naharaka an'i Alvin izy.

Fotoana kely taty aoriana, dia tsikaritr'i Joseph Rainy fa toa hatsatra i Joseph ary nijanona tsy niasa intsony izy. "Mandehana mody," hoy izy, noho ny finoany fa narary ny zanany.

Nankatò ny rainy i Joseph ary nivilavila nandeha nody. Kanefa rehefa niezaka ny hiampita fefy iray izy dia niakarapoka tamin'ny tany, tena vizana.

Raha izy mbola nandry mba hanangona hery iny, dia nahita indray an'i Môrônia nijoro teo amboniny izy, voahodidina hazavana. Nanontany izy hoe: "Nahoana no tsy nolazainao tamin'ny rainao ny zavatra nolazaiko anao?"

Nilaza i Joseph fa natahotra izy sao tsy hino azy ny rainy.

"Hino anao izy," hoy i Môrônia nanome toky azy, dia naveriny indray ilay hafatra nolazainy ny alina talohan'izany.[15]

Nitomany i Joseph Rainy rehefa nolazain'ilay zanany lahy taminy ny mikasika ilay anjely sy ilay hafatra. "Fahitana avy amin' Andriamanitra izany," hoy izy. "Araho izay voalaza tao anatin'izany."[16]

Tonga dia nandeha tany amin'ilay havoana i Joseph. Nasehon'i Môrônia azy nandritra ny alina tamin'ny alalan'ny fahitana ilay toerana nanafenana ireo takelaka, ka fantany ny lalana tokony haleha. Teo amin'ny dimy kilaometatra niala avy teo amin'ny tranony no nisy ilay havoana izay anisan'ny lehibe indrindra tao amin'ilay faritra. Nalevina tao ambanin'ny vato lehibe boribory iray ireo takelaka, izay tany amin'ny ilany andrefan'ilay havoana tsy dia lavitry ny tampony.



SARIN'NY HAVOAN'I KOMÔRÀ AVY ENY AMBONY ARY NY FARITRA MANODIDINA, NATAON'I CRAIG DIMOND

***Ny Havoan'i Komôrà izay any akaikin'i Palmyra, New York, dia eo amin'ny 4,8 km any atsimo atsinanan'ny toeram-piompiana sy fambolen'ny fianakaviana Smith. Fantatr'i Joseph ny lalana haleha mba hahitana ireo takelaky ny Bokin'i Môrmôna izay nalevina tany satria efa nasehon'i Môrônia tao anaty fahitana ilay havoana.***

Nieritreritra mikasika ireo takelaka ireo i Joseph teny am-pandehanana. Na dia fantany aza fa masina izy ireo dia sarotra ho azy ny nanohitra ny sainy tsy hieritreritra ny mety ho vidin'izany. Efa nandre tantara mikasika ireo harena sarobidy nafenina izay nambenan'ireo fanahy mpiambina izy, saingy tsy nitovy tamin'ireo tantara ireo i Môrônia sy ireo takelaka noresahiny. I Môrônia dia iraka avy any an-danitra notendren' Andriamanitra mba hanolotra soa aman-tsara ilay rakitsoratra amin'ilay mpahita nofinidiny. Ary tsy ny mahavolamena an'ireo takelaka no maha-sarobidy azy fa noho ny fijoroan'izy ireo ho vavolombelona momba an'i Jesoa Kristy.

Mbola nandeha ihany anefa ny eritreritr'i Joseph hoe, nahafantatra tsara toerana iray ahitana harena sarobidy izy mba hanafahana ny fianakaviany amin'ny fahantrana amin'izay.[17]

Rehefa tonga teo amin'ilay havoana i Joseph dia hitany ilay toerana tao anatin'ilay fahitana ary nanomboka nangady ny tao ambanin'ilay vato izy mandra-pazava ny sisiny. Dia nahita rantsan-kazo lehibe iray izy ary nampiasainy ho toy ny fanoitra izany mba hanaingana ilay vato sy hanipazana izany eny amin'ny faritra ilany iray.[18]

Tao ambanin'ilay vongam-bato dia nisy vata iray izay vita amin'ny vato ny manodidina azy sy ny fanambaniny. Rehefa nijery ny tao anatiny i Joseph dia nahita ireo takelabolamena sy vato mpahita ary saron-tratra.[19] Feno soratra fahiny ireo takelaka ireo ary natambatra tamin'ny alalan'ny mpandravitra boribory anankitelo teo amin'ny sisiny anankiray. Ny takelaka tsirairay dia teo amin'ny 15 santimetatra ny sakany ary 20 santimetatra ny halavany, ary nanify izany. Nisy ampahany tamin'ireo takelaka koa izay toa nisy tombokase ka tsy nisy afaka namaky izany.[20]

Variana i Joseph ary nanontany tena indray hoe ohatrinona no mety ho vidin'ireo takelaka. Notakariny izy ireo, ary nahatsapa fandonana izay nampihovotrovotra azy izy. Nosintoniny haingana ny tanany, saingy rehefa niverina nanakatra indroa ireo takelaka izy dia nisy nampihovotrovotra foana.

Nihiaka izy hoe: "Nahoana no tsy mety azoko ity boky ity?"

"Satria tsy nitandrina ny didin'ny Tompo ianao," hoy ny feo iray teo akaiky teo.[21]

Nitodika i Joseph, dia nahita an'i Môrônia. Niverina indray mandeha tao an-tsainy ilay hafatra voarainy ny alina talohan'izany, ary takany fa hadinony ny tena tanjon'ilay rakitsoratra. Nanomboka nivavaka izy ary notairin'ny Fanahy Masina ny sainy sy ny fanahiny.

"Jereo," hoy i Môrônia nandidy azy. Nisy fahitana iray hafa naseho an'i Joseph, ka nahita an'i Satana voahodidin'ireo mpanara-dia azy tsy tambo isaina izy. "Naseho daholo ireto rehetra ireto, ny tsara sy ny ratsy, ny madio sy ny tsy madio, ny voninahitr' Andriamanitra sy ny herin'ny haizina," hoy ny nambaran'ilay anjely, "mba hahafantaranao rahatrizay ireo hery anankiroa ka mba tsy ho voatarik'ilay anankiray izay ratsy na ho resiny ianao."

Nasainy nanadio ny fony i Joseph sy nampatanjaka ny sainy mba handray ilay rakitsoratra. Nanazava i Môrônia hoe: "Raha toa ka azo ireo zavatra masina ireo dia tsy maintsy tamin'ny alalan'ny vavaka sy ny fahatokiana teo amin'ny fankatoavana ny Tompo" izany. "Tsy napetraka tato mba hanangonana tombontsoa sy harena ho voninahitr'izao tontolo izao izy ireo. Voahidy amin'ny tomboky ny fivavaky ny finoana izy ireo."[22]

Nanontany ny fotoana ahafahany mahazo ireo takelaka i Joseph.

"Ny faharoa amby roapolon'ny volana septambra ho avy izao," hoy i Môrônia, "raha toa ka mitondra ilay olona tokony hoentina ianao."

"Iza ilay tokony hoentina?" Hoy i Joseph nanontany.

"Ny zokinao lahimatoa."[23]

Efa hatramin'ny fahakeliny no nahafantaran'i Joseph fa afaka miantehitra amin'ny zokiny lahimatoa izy. Dimy amby roapolo taona i Alvin tamin'izany ary afaka nanangana ny toeram-piompiany sy famboleny manokana raha tiany. Saingy nisafidy ny hijanona tao amin'ny toeram-piompiana sy fambolena an'ny fianakaviana izy mba hanampy ny ray aman-dreniny ho tafapetraka soa amantsara sy ho voaro eo amin'ny taniny noho izy ireo efa nihaantitra. Olona matotra sy niasa mafy izy ary tena tian'i Joseph sy nankafiziny tokoa.[24]

Mety nahatsapa i Môrônia fa nila ny fahendren'ny rahalahiny sy ny tanjany i Joseph mba ho lasa ilay karazan'olona azon'ny Tompo ianteherana amin'ireo takelaka.

Reraka i Joseph rehefa nody tamin'io hariva io. Saingy nitangorona nanodidina azy ny fianakaviany raha vao niditra ny varavarana izy, liana te hahafantatra ny zavatra hitany tany amin'ilay havoana. Nanomboka niresaka mikasika ireo takelaka tamin'izy ireo i Joseph, saingy najanon'i Alvin izany rehefa tsikariny fa tena vizana i Joseph.

"Ndeha isika hatory," hoy izy, "dia hifoha maraina isika ary handeha hiasa." Hanana fotoana betsaka hihainoana ny ambin'ny tantaran'i Joseph izy ireo ny ampitso. "Raha ataon'i Neny aloha ny sakafontsika hariva," hoy izy, "dia hanana takariva lava tsara isika ary hipetraka daholo izahay rehetra mba hihaino anao hiresaka."[25]

Ny ampitso hariva dia nozarain'i Joseph ny zavatra nitranga tany amin'ilay havoana ary nino azy i Alvin. Amin'ny maha-lahimatoa azy ao amin'ny fianakaviana dia efa nahatsapa foana ho tompon'andraikitra tamin'izay nahasoa ara-batana ireo ray aman-dreniny efa nihaantitra i Alvin. Efa nanomboka nanangana trano lehibe kokoa ho an'ny fianakaviana aza izy sy ireo rahalahiny mba hahafahan'izy ireo miaina tsara kokoa.

I Joseph indray tamin'izay no toa nikarakara ny zavamahasoa azy ireo ara-panahy. Isaky ny alina dia nahaliana ny fianakaviany ny resaka nataony momba ireo takelabolamena sy ny olona nanoratra azy ireo. Lasa nifanakaiky kokoa ny fianakaviana ary feno fiadanana sy fifaliana ny tokantranon'izy ireo. Nahatsapa ny rehetra fa hisy zavatra mahatalanjona hitranga.[26]

Indray marainan'ny fararano, roa volana latsaka taorian'ny famangian'i Môrônia, dia tonga tao an-trano i Alvin ary nanaintaina mafy azy ny vavoniny. Rehefa nitanondrika tao anatin'ny fanaintainana izy, dia niangavy ny rainy mba hitady fanampiana. Rehefa tonga ny dokotera tamin'ny farany, dia nomeny fatran-dranom-panafody betsaka i Alvin, saingy vao mainka nampihombo ny aretina izany.

Teo am-pandriana nandritra ny andro maro i Alvin, nijalijaly noho ny fanaintainana. Niantso an'i Joseph izy noho ny fahafantarany fa mety ho faty izy. "Ataovy izay tratran'ny herinao mba hahazoana ireo rakitsoratra," hoy i Alvin. "Aoka ianao ho mahatoky amin'ny fandraisana torolalana sy amin'ny fitandremana ny didy rehetra izay omena anao."[27]


Maty izy fotoana fohy taorian'izay ary nandrakotra ny trano ny alahelo. Nandritra ny fandevenana dia niteny tamin'ny fomba miolaka ilay mpitondra fivavahana fa lasa any amin'ny helo i Alvin, ka nampiasainy ny fahafatesany mba hampitandremana ny hafa mikasika ny zavatra hitranga raha tsy hoe mirotsaka hamonjy azy ireo Andriamanitra. Tezitra mafy i Joseph Rainy. Tovolahy tsara toetra ny zanany lahy ary tsy nino izy hoe hohelohin' Andriamanitra izy.[28]

Nifarana ny firesahana mikasika ireo takelaka rehefa lasa i Alvin. Mpanohana tena mahatoky ny antso masina nomena an'i Joseph izy ka ny firesahana mikasika izany dia nampahatsiahy ny fahafatesany. Tsy zakan'ny fianakaviana izany.

Nalahelo mafy an'i Alvin i Joseph ary tena mafy ho azy ny fahafatesany. Nanantena ny hiantehitra tamin'ilay zokiny lahimatoa izy mba hanampy azy haka ny rakitsoratra. Nahatsapa ho toy ny nafoy izy tamin'izay.[29]

Rehefa tonga tamin'ny farany ilay andro hiverenana tany amin'ilay havoana dia nandeha irery tany i Joseph. Niahiahy izy rehefa tsy teo i Alvin hoe hanankina aminy ireo takelaka ve ny Tompo? Kanefa nieritreritra izy fa afaka mitandrina ny didy rehetra nomen'ny Tompo azy araka ny torohevitra

***Sarivongan'i Môrônia mitsangana eo an-tampon'ny Havoan'i Komôrà ho fahatsiarovana ny toerana izay nahitan'i Joseph Smith voalohany ireo takelaky ny Bokin'i Môrmôna ny alin'ny 22 septambra 1823, ary nahazoany azy ireo efa-taona katroka taty aoriana.***



nomen'ny rahalahiny azy. Nazava ny torolalana nomen'i Môrônia mikasika ny fakana ireo takelaka. "Tsy maintsy alainao ho eo amin'ny tananao izy ireo ary tonga dia modia haingana," hoy ilay anjely, "dia ampirimo izy ireo."[30]

Rehefa tany amin'ilay havoana dia ningain'i Joseph tamin'ny fanoitra ilay vato, dia notakariny ilay vata vita amin'ny vato, dia navoakany ireo takelaka. Nisy eritreritra tonga tao an-tsainy: ireo zavatra hafa tao anatin'ilay vata dia sarobidy ary tokony hafenina mialoha ny hodiany. Napetrany ireo takelaka dia nihodina mba hanakatona ilay vata izy. Saingy rehefa niverina teo amin'ireo takelaka izy dia tsy teo intsony izany. Nitaintaina izy ka dia nandohalika sy nitalaho mba hahafantatra izay nisy azy ireo.

Niseho i Môrônia ary nilaza tamin'i Joseph fa tsy nahay nanaraka ireo torolalana indray izy. Tsy hoe napetrany fotsiny ireo takelaka raha tokony hapetraka amin'ny toerana azo antoka izany aloha, fa navelany koa tsy ho tazan'ny masony izany. Na dia vonona tokoa hanao ny asan'ny Tompo aza ilay tovolahy mpahita, dia tsy mbola afaka niaro ilay rakitsoratra fahiny izy.

Diso fanantenana tamin'ny tenany i Joseph, saingy nasain'i Môrônia niverina haka ireo takelaka izy ny taona manaraka. Nampianatra azy bebe kokoa mikasika ny drafitry ny Tompo ho an'ny fanjakan' Andriamanitra izy sy ilay asa lehibe izay manomboka mivelatra.

Dia nidina ny havoana tamin'alahelo indray i Joseph rehefa lasa ilay anjely, ary niahiahy ny amin'izay ho eritreretin'ny fianakaviany rehefa tonga ao an-trano tsy nitondra na inona na inona izy.[31] Rehefa niditra ny trano izy dia efa niandry azy izy ireo. Tonga dia nanontanian'ny rainy raha azony ireo takelaka.

"Tsia," hoy izy. "Tsy azoko izy ireo."

"Hitanao ve izy ireo?"

"Hitako izy ireo saingy tsy afaka naka azy ireo aho."

"Ho nalaiko izy ireo," hoy i Joseph Rainy, "Raha izaho no teo amin'ny toeranao."

"Tsy fantatrao izay lazainao," hoy i Joseph. "Tsy azoko izy ireo satria tsy navelan'ilay anjelin'ny Tompo haka izany aho."[32] ■

Misy lisitra feno maneho ireo asasoratra amin'ny teny Anglisy ao amin'ny saints.lds.org.

Ny teny hoe *Lohahevitra* ao amin'ny fanamarihana dia manondro fampahalalana fanampiny en ligne ao amin'ny olomasina.lds.org.

**FANAMARIHANA**

1. Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 4–5, ao amin'ny *JSP,* H1:220 (andran-tsoratra 2); Joseph Smith History, circa Summer 1832, 1, ao amin'ny *JSP,* H1:11.
2. "Joseph Smith as Revelator and Translator," ao amin'ny *JSP,* MRB:xxi; Turley, Jensen, and Ashurst-McGee, "Joseph the Seer," 49–50; jereo koa ny Môsià 8:17; Almà 37:6–7, 41; ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 10:1, 4 (Revelation, Spring 1829, at josephsmithpapers.org).
3. Bushman, *Rough Stone Rolling,* 48–49; Bushman, "Joseph Smith as Translator," 242. **Lohahevitra:** Seer Stones (Vato mpahita)
4. Lucy Mack Smith, History, 1845, 95; jereo koa ny Almà 37:23.
5. Joseph Smith History, circa Summer 1832, 4, ao amin'ny *JSP,* H1:13–14; Joseph Smith—Tantara 1:28–29; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 5, ao amin'ny *JSP,* H1:218–20 (andra-tsoratra 2).
6. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 3, [10].
7. Joseph Smith History, circa Summer 1832, 4, ao amin'ny *JSP,* H1:13–14; Joseph Smith—Tantara 1:29–33; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 5, ao amin'ny *JSP,* H1:218–22 (andra-tsoratra 2); Pratt, *Interesting Account,* 6, ao amin'ny *JSP,* H1:524; Hyde, *Ein Ruf aus der Wüste,* 17–20. **Lohahevitra:** Angel Moroni (Anjely Môrônia)
8. Joseph Smith, Journal, 9–11 nôv. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:88.
9. Joseph Smith—Tantara 1:35; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 5, ao amin'ny *JSP,* H1:222 (andran-tsoratra 2); Joseph Smith History, circa Summer 1832, 4, ao amin'ny *JSP,* H1:14; Oliver Cowdery, "Letter IV," *LDS Messenger and Advocate,* Feb. 1835, 1:65–67; Turley, Jensen, and Ashurst-McGee, "Joseph the Seer," 49–54; "Mormonism—No. II," *Tiffany's Monthly,* jolay 1859, 164. **Lohahevitra:** Seer Stones (Vato mpahita)
10. Joseph Smith—Tantara 1:36–41; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 5–6, ao amin'ny *JSP,* H1:222–26 (andra-tsoratra 2); Joseph Smith, Journal, 9–11 nov. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:88–89.
11. Oliver Cowdery, "Letter IV," *LDS Messenger and Advocate,* Feb. 1835, 1:78–79; Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 3, [11].
12. Joseph Smith—Tantara 1:42–43; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 6, ao amin'ny *JSP,* H1:226 (andran-tsoratra 2).
13. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 3, [10]–[11]; Oliver Cowdery, "Letter IV," *LDS Messenger and Advocate,* Feb. 1835, 1:79–80; Oliver Cowdery, "Letter VII," *LDS Messenger and Advocate,* Jolay 1835, 1:156–57; Joseph Smith—Tantara 1:44–46; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 6–7, ao amin'ny *JSP,* H1:230–32 (andran-tsoratra 2); Joseph Smith, Journal, 9–11 nôv. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:88–89.
14. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 3, [11]; jereo koa ny Smith, *William Smith on Mormonism,* 9.
15. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, book 3, [11]; Smith, *Biographical Sketches,* 82; Joseph Smith—Tantara 1:48–49; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 7, ao amin'ny *JSP,* H1:230–32 (andra-tsoratra 2); Joseph Smith, Journal, 9–11 nôv. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:89.
16. Joseph Smith, Journal, 9–11 nôv. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:89.
17. Oliver Cowdery, "Letter VIII," *LDS Messenger and Advocate,* ôkt. 1835, 2:195–97. **Lohahevitra:** Treasure Seeking (Fitadiavana harena sarobidy)
18. Oliver Cowdery, "Letter VIII," *LDS Messenger and Advocate,* ôkt. 1835, 2:195–97; Joseph Smith—Tantara 1:51–52; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 6–7, ao amin'ny *JSP,* H1:230–32 (andra-tsoratra 2); jereo koa ny Packer, "A Study of the Hill Cumorah," 7–10.
19. Joseph Smith—Tantara 1:52; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 7, ao amin'ny *JSP,* H1:232 (andran-tsoratra 2). **Lohahevitra:** Gold Plates (Ireo takela-bolamena)
20. Joseph Smith, "Church History," *Times and Seasons,* 1 mar. 1842, 3:707, ao amin'ny *JSP,* H1:495.
21. Oliver Cowdery, "Letter VIII," *LDS Messenger and Advocate,* ôkt. 1835, 2:197–98; jereo koa ny Pratt, *Interesting Account,* 10, ao amin'ny *JSP,* H1:527–29.
22. Oliver Cowdery, "Letter VIII," *LDS Messenger and Advocate,* ôkt. 1835, 2:198-99.
23. Knight, Reminiscences, 1; Joseph Smith, Journal, 9–11 nôv. 1835, ao amin'ny *JSP,* J1:89; Joseph Smith—Tantara 1:53–54; Joseph Smith History, 1838–56, volume A-1, 7, ao amin'ny *JSP,* H1:232–34 (andran-tsoratra 2); jereo koa ny Jessee, "Joseph Knight's Recollection of Early Mormon History," 31.
24. Joseph Smith, Journal, 23 aog. 1842, ao amin'ny *JSP,* J1:116–17.
25. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 3, [12]; boky 4, [3]; Smith, *Biographical Sketches,* 83.
26. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [1]–[3]; Smith, *Biographical Sketches,* 86–87; jereo koa ny Lucy Mack Smith, History, 1845, 89; sy Bushman, *Refinement of America,* 425–27. **Lohahevitra:** Joseph Sr. and Lucy Mack Smith Family (Ny fianakavian'i Joseph Rainy sy i Lucy Mack Smith)
27. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [3]–[5].
28. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [6]–[8]; "Fanambarana farany nataon'i Wm. B. Smith," *Zion's Ensign,* 13 jan. 1894, 6.
29. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [7]; Joseph Smith, Journal, 23 aog. 1842, ao amin'ny *JSP,* J2:116–17.
30. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [2]–[3].
31. Lucy Mack Smith, History, 1844–45, boky 4, [2]–[3]; Smith, *Biographical Sketches,* 85–86; Knight, Reminiscences, 1; Joseph Smith—Tantara 1:54; Lucy Mack Smith, History, 1845, 88; jereo koa ny Jessee, "Joseph Knight's Recollection of Early Mormon History," 31.
32. Smith, *Biographical Sketches,* 86.



MANAKATRA NY FIVAVAHANA

# Silamo

**Nosoratan'i Daniel C. Peterson**
Prôfesora misahana ny fianarana ambony momba ny fivavahana Silamo sy ny Arabo ao amin'ny Oniversite Brigham Young

*Fanamarihana: Satria zava-dehibe ny mahatakatra ireo olona avy amin'ny finoana hafa, dia nahatsapa ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana fa tena hanampy ny fanomezana ny ambangovangony mikasika ny tantaran'ny fivavahana Silamo sy ny fampianarany, izy izay fivavahana lehibe indrindra faharoa eto amin'izao tontolo izao.*


Saika tsy misy andro iray, na noho ny antony tsara na ratsy izany, tsy ahitana ny Silamo sy ny Mozolmana ao anatin'ireo lohatenim-baovao. Mazava ho azy fa maro ireo tsy Mozolmana, tafiditra ao anatin'izany ireo Olomasin'ny Andro Farany, no liana na miahiahy mihitsy aza. Misy zavatra iraisantsika amin'ireo Mozolmana mpiara-monina amintsika ve? Afaka miara-miaina sy miara-miasa ve isika?

Voalohany, dia mety hanampy ireo zava-niseho sasantsasany ara-tantara.

Tamin'ny 610 taorian'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy dia nisy Arabo mpivarotra teo anelanelan'ny efapolo hatramin'ny enimpolo taona teo, izay nantsoina hoe Mahomet, nianika ny havoana teo ambonin'ny tanàna nahaterahany dia i La Mecque mba hisaintsaina sy hivavaka mikasika ny fisafotofoana ara-pivavahana nanodidina azy. Taorian'izany dia nilaza izy fa nahita fahitana izay niantso azy ho mpaminany iray eo anivon'ny olony. Io zava-niseho io no nanamarika ny fiantombohan'ilay fivavahana izay fantatra amin'ny hoe Silamo (iss-LAAM) izay teny iray midika hoe "fanoavana" (an' Andriamanitra). Ny mpino iray ao amin'ny fivavahana Silamo dia antsoina hoe Mozolmana (MUSS-lim) izay midika hoe "olona manoa."

**Rafi-bato madinika samy hafa volo tamin'ny taonjato faha-19 izay mampiseho ny Kaaba any La Mecque, ilay tanàna izay nahaterahan'i Mahomet ary tanàna faran'izay masina indrindra ao amin'ny tontolo Silamo.**

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES




**Ny habetsaky Silamo maneran-tany isaky ny firenena, izay natao isan-tapitrisa (Pew Research Center, 2009).**


Taorian'izany dia nilaza i Mahomet fa nandray fanambarana maro mandrapahatonga ny fahafatesany izay 25 taona latsaka taty aoriana. Ny voalohany nizarany izany dia ireo mponina tao amin'ny tanàna nahaterahany, ka nampitandrina ny amin'ireo fitsarana avy any an-danitra izay ho avy izy; niantso ny olona nihaino azy mba hibebaka sy hitondra araka ny tokony ho izy ny mananotena, sy ny kamboty ary ny mahantra; ary nitory ny fitsanganan'ny rehetra amin'ny maty sy ny fitsaran'Andriamanitra farany.

Saingy nianjadian'ny fanarabirabiana sy ny fanenjehana tena mafy izy sy ny mpanara-dia azy ka voatery nitsoaka tany amin'ny tananàn'i Médine izy ireo izay eo amin'ny efatra andro eo mankany avaratra raha mitaingina rameva.

Dia niova tanteraka ny anjara asan'i Mahomet tany.[1] Raha mpitory sy mpampitandrina fotsiny ihany izy dia lasa mpanao lalàna sy mpitsara ary mpitarika ara-pôlitika tao amin'ny tanàna Arabo iray izay manan-danja ary rehefa nandeha ny fotoana dia lasa mpitarika ara-pôlitika tao amin'ny Péninsule arabique. Io fiorenan'ny fikambanana mpino anankiray tany am-piandohana io dia nahafantarana ny Silamo ho fivavahana mifototra amin'ny lalàna sy ny fahamarinana izay mitoetra eo anivon'ireo fitsipika tena miavaka sy manan-danja ijoroany.

Nisy vondrona anankiroa lehibe nipoitra teo anivon'ireo mpanara-dia an'i Mahomet taorian'ny nahafatesany tamin'ny 632 taorian'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy, izay nisaraka tamin'ny voalohany noho ny fanontaniana hoe iza no hisolo azy mba ho mpitarika ny fikambanana Silamo.[2] Ny vondrona lehibe indrindra tamin'izy ireo dia lasa nantsoina hoe Sunnite (milaza izy ireo fa manaraka ny *sunna,* na ny fomba amam-panaon'i Mahomet ary malala-tsaina ihany eo amin'ny lafin'ny fifandimbiasan-toerana). Ilay iray hafa, izay nivelatra nanodidina an'i 'Ali, vinantolahin'i Mahomet, dia nantsoina hoe *shi'at 'Ali* (ny vondrona an'i 'Ali) ary fantatra tsotra fotsiny amin'ny ankapobeny hoe Shi'a. Ireo Shi'a (izay fantatra amin'ny hoe Chiite na Chiite Musulmans) dia mino fa ny zo handimby an'i Mahomet mba ho mpitarika ilay fikambanana dia an'ny havana akaiky indrindran'ny Mpaminany Mahomet, dia i 'Ali sy ireo mpandova azy.

Na dia teo aza ny tsy fitoviankevitra toy izany dia efa lasa miray hina bebe kokoa ny antokom-pinoana Silamo raha eo amin'ny lafiny ara-pinoana noho ny Kristianina erantany. Ankoatra izany, nandritra ny taonjato maro taorian'ny 800 taorian'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy teo ho eo, dia ny sivilizasiôna Silamo angamba no tena nivoatra indrindra teo amin'ny lafin'ny siansa, fitsaboana, matematika ary filôzôfia.



**Ny Mozolmana dia mandray ny Coran ho tenin'i Allah nomena mivantana an'i Mahomet.**

## Loharano nipoiran'ny fotopampianarana sy fomba amam-panao Silamo

Ireo fanambarana nambaran'i Mahomet dia natambatra ao anatin'ny boky iray antsoina hoe Qur'an na Coran (avy amin'ny matoanteny Arabo hoe *qara'a,* "mamaky" na "mitanisa"), folo taona na roapolo taona talohan'ny nahafatesany. Ny Coran izay ahitana toko miisa 114, dia tsy tantara momba an'i Mahomet. Tsy tantara mihitsy izany, mitovitovy amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Ireo Mozolmana dia mandray izany ho toy ny teny (sy ireo teny) nomen' Andriamanitra mivantana an'i Mahomet.[3]

Ireo Kristianina mamaky izany dia hahita lohahevitra efa fantatr'izy ireo. Izany ohatra dia miresaka momba ny faharian' Andriamanitra an'izao tontolo izao tao anatin'ny fito andro, ny fametrahana an'i Adama sy i Eva tao amin'ny Saha Edena, ny fakam-panahy nianjady tamin'izy ireo tamin'ny alalan'ny devoly, ny fahalavoan'izy ireo, ary ny fiantsoana filaharana mpaminany taty aoriana (ny ankamaroan'izy ireo dia miseho koa ao amin'ny Baiboly). Ireo mpaminany ireo dia voafaritra ho *Mozolmana* ao anatin'ny Coran izay nampandefitra ny sitrapon'izy ireo teo anatrehan' Andriamanitra.

I Abrahama, izay faritana ho naman' Andriamanitra, dia resahina matetika ao amin'ny lahatsoratra.[4] (Ankoatra ireo zavatra hafa, izy dia inoana ho nandray fanambarana izay nosoratany saingy very izany.[5]) Mitana anjara toerana ao anatin'izany koa i Mosesy sy i Farao ary ny fifindra-monin'ny zanak'i Isiraely.

Ny tena mahagaga dia voalaza inefatra amby telopolo ao amin'ny Coran i Maria, renin'i Jesoa, raha intsivy ambin'ny folo kosa ao amin'ny Testamenta Vaovao. (Raha ny marina dia izy irery ihany no vehivavy voalaza ao amin'ny Coran.)

Ny fampianarana iray ao amin'ny Coran izay miverimberina dia ny fotopampianarana *tawhid* (taw-HEED), izay teny mety azo adika hoe "mônôteisma" na, raha ara-bakiteny kokoa, dia hoe "tokana." Izany dia maneho ny iray amin'ireo fitsipika tena manan-danja an'ny Silamo: fa tsy misy afa-tsy andriamanitra tokana ihany. "Tsy manan-janaka izy ary tsy zanak'olona hafa izy," hoy ny ambaran'ny Coran, "ary tsy misy hafa mitovy aminy."[6] Ny zavatra aterak'izany dia azo antoka fa ilay zavatra faran'izay tsy mampitovy ny Silamo sy ny Kristianina: Ny Mozolmana dia tsy mino ny fananan'i Jesoa Kristy toetra maha-andriamanitra ary tsy mino ny Fanahy Masina. Izany koa dia maneho fa raha noharian' Andriamanitra koa ny olombelona rehetra, dia tsy zanany isika araka ny fotopampianarana Silamo.

Kanefa ny Mozolmana dia mino fa i Jesoa dia mpaminanin' Andriamanitra izay tsy nanota, sy nateraky ny virjiny iray ary natao hitana anjara asa lehibe ao anatin'ireo zavatra hitranga amin'ny



Mozolmana eo amin'ny roa tapitrisa eo no manao fivahinianana masina any La Mecque isan-taona.

Mandohalika mivavaka indimy isan'andro ny Mozolmana.



andro farany. Resahina matetika ary amim-panajana ao amin'ny Coran Izy.

### Fampianarana sy fomba amampanao fototra an'ny Mozolmana

Ilay antsoina hoe "Ireo andry dimy ijoroan'ny Silamo", izay tsy ao anaty Coran fa tena voafintina fohy ao amin'ny fanambarana iray izay nisy noho i Mahomet raha araka ny nampitain'ny lovantsofina, dia maneho ireo fotopampianarana fototra sasantsasany an'ny Silamo:

**1. Fijoroana ho vavolombelona**

Raha misy fanekem-pinoana iraisana ao amin'ny Silamo dia ny *shahada* (sha-HAD-ah) izany, izay "fanekem-pinoana," na "fijoroana ho vavolombelona." Io teny io dia ilazana raikitsoratra Arabo izay rehefa nadika dia manao toy izao manaraka izao: "Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy andriamanitra hafa afa-tsy Andriamanitra [Allah] ihany ary iraka avy amin' Andriamanitra i Mahomet." Ny shahada no fomba hidirana ao amin'ny Silamo. Ny fitanisana izany miaraka amin'ny finoana amin-kitsimpo dia fanehoana fa te ho lasa Mozolmana.


Ny teny Arabo mitovy amin'ny hoe *Andriamanitra* dia *Allah*. Fanafohezana ny teny hoe *al-* ("ilay") sy *ilah* ("andriamanitra") izany, tsy anaran-tsamirery izany fa anaramboninahitra, ary misy ifandraisany akaiky amin'ilay teny Hebreo hoe *Elohima* izany.

Satria tsy misy fisoronana an'ny Silamo dia tsy misy ireo ôrdônansin'ny fisoronana. Dia tsy iray monja koa ny "fiangonana" Silamo. Noho izany ny fitanisana ny shahada amin'ny lafiny iray dia mitovy amin'ny batisa ho an'ny Silamo. Ny tsy fisian'ny rafitry ny mpitantana ôfisialy iraisana maneran-tany dia mifono zavatra hafa. Ohatra, tsy misy mpitantana maneran-tany ho an'ny tontolo Mozolmana. Tsy misy olona izay miteny ho an'ny fikambanana iray manontolo. (I Mahomet dia saika raisin'izao tontolo izao ho toy ny mpaminany farany.) Midika koa izany fa tsy misy fiangonana izay ahafahana manala ireo mpampihorohoro na "mpanaraka hevi-diso" tsy ho mpikambana ao anatiny.

**2. Vavaka**

Maro ireo tsy mpino Mozolmana no mahafantatra ilay fomba fivavaka indimy isan'andro fanaon'ny Mozolmana antsoina hoe *salat* (sa-LAAT) izay ahitana fiankohofan'ny vatana amin'ny isa efa voafaritra. Ny fitanisana andininy voasoratra ao amin'ny Coran sy ny fikasihan'ny handrina ny tany dia mampiseho ny fanoavana an' Andriamanitra. Misy vavaka mandeha ho azy kokoa, antsoina hoe *du'a,* izay azo atolotra amin'ny fotoana rehetra ary tsy mitaky fiankohofana.

Ho an'ny vavaky ny mitataovovona isaky ny zoma, dia takina ny lehilahy Mozolmana ary entanina ny vehivavy Mozolmana mba hivavaka any amin'ny mosquée (avy amin'ny teny Arabo hoe *masjid,* na "toerana fiankohofana"). Rehefa ao dia misaraka ny lehilahy sy ny vehivavy, mitandahatra izy ireo ary mivavaka ka tarihin'ilay imam (ee-MAAM, avy amin'ny teny Arabo hoe *amama,* izay midika hoe "eo anoloan'ny") ao amin'ilay mosquée, dia mihaino toriteny fohy. Ny zoma anefa dia tsy dia mitovy amin'ny Sabata. Na dia mifantoka amin'ny *yawm al-jum'a* ("ny andro fiangonana") na zoma aza




Ny 85 isan-jaton'ny ao amin'ny tontolo Mozolmana dia Sunnites (jereo ny Pew Research Center). Ny Chiites dia saika vitsy an'isa na aiza na aiza afa-tsy any Azerbaïdjan, Bahreïn, sy Iran ary Irak.

ny “faran’ny herinandro” any amin’ny ankamaroan’ny firenena Mozolmana, dia tsy raisina ho fahotana ny fiasana amin’izany andro izany.

**3. Fiantrana**

Ny *Zakat* (za-KAAT, midika hoe “izay manadio”) dia mariky ny fanolorana fanomezana amim-pitiavana mba hanohanana ny mahantra ary koa ireo mosquées sy ireo andraikitra hafa sahanin’ny Silamo. Amin’ny ankapobeny dia eo amin’ny 2,5 isan-jaton’ny totalin’ny harenan’ny Mozolmana iray izany izay ambonin’ny vola farafahakeliny tokony harotsaka. Any amin’ny firenena Mozolmana sasany dia angonin’ny andrimpanjakana izany. Any amin’ny hafa dia atao an-tsitrapo izany.

**4. Fifadian-kanina**

Isan-taona ireo Mozolmana mahafoy tena dia tsy misakafo sy misotro rano ary tsy manao firaisana aranofo vao manomboka miposaka ny masoandro mandra-pilentik’izany mandritra ny fandalovan’ny volana iray mandra-pahatonga ny iray hafa ao anatin’ny volan’ny Ramadan iray manontolo. Matetika koa izy ireo no manolo-tena manao asa fiantrana manokana ho an’ny mahantra ary mamaky ny Coran mandritra ilay volana.[7]

**5. Fivahinianana amin’ny toerana masina**

Ireo Mozolmana izay manana ny harena sy ny enti-manana ahafahana manao izany dia tokony hanatanteraka ilay fivahinianana any La Mecque farafahakeliny indray mandeha eo amin’ny fiainan’izy ireo. (Tafiditra ao anatin’izany raha ny mahazatra nefa tsy takina ny fitsidihina an’i Médine, izay tanàna faharoa tena masina indrindra amin’ny Silamo.) Ho an’ireo Mozolmana mahatoky dia fotoana tena masina sy mampihetsi-po izany, mitovy amin’ny fanatrehan’ny tena manokana ny fihaonamben’ny Fiangonana maneran-tany na ny fidirana voalohany indrindra ny tempoly.

## Ireo olana sasantsasany misy amin’izao fotoana izao

Ireo ahiahy telo lehibe ankehitriny ho an’ny olona tsy Mozolmana mikasika ny Silamo dia ny herisetra ara-pivavahana; ny lalàna Silamo na *shari‘a;* ary ny fitondran’ny Silamo ny vehivavy.

Ireo mpankasitraka ny herisetra ara-pôlitika sasany dia nampiasa ny teny hoe *jihad* mba hoentina hilazana manokana ny hoe “ady masina,” kanefa “asa mivaingana azo tanterahina,” ny dikany raha ny marina izay mifanohitra amin’ny fanaovana vavaka sy fandalinana soratra masina “tsotra fotsiny.”

Niovaova ny fahatakaran’ireo mpahay lalàna sy manam-pahaizana Mozolmana ny jihad. Raha ireo loharanon-dalàna mahazatra ohatra dia manohana fa ny miaramila jihad azo ekena dia tsy maintsy miaramila miaro ary ny mpanohitra dia tsy maintsy ampitandremana aloha ary omena fahafahana hampitsahatra ireo fihetsika mihantsy ady. Ireo mpahay lalàna sasany sy manam-pahaizana Mozolmana hafa amin’izao fotoana izao dia manohitra fa ny jihad dia afaka manao izay zavatra azo tanterahana mba hitondra soa ho an’ny fikambanana Silamo na mba hampivoarana bebe kokoa an’izao tontolo izao amin’ny ankapobeny. Voalaza fa i Mahomet dia nanavaka tsara ny “jihad ambony” sy ny “jihad ambany.” Ilay farany io hoy izy dia fanaovana ady. Saingy ilay jihad ambony dia fiadiana amin’ny tsy fahamarinana sy ny fanoheran’ny olona tsy hiaina amim-pahamarinana koa.

Amin’izao fotoana izao ny mpampihorohoro silamo dia manamafy ny fototra ijoroana ara-pinoana, kanefa tena mampiseho ireo olana ara-tsôsialy sy ara-pôlitika ary aratoekarena izany izay zara raha misy ifandraisany na tsy misy ifandraisany



**Vondrom-behivavy Mozolmana miara-mivondrona ho an’ny iftar, izay sakafo hariva ary fotoana hamaranan’ny Mozolmana ny fifadian-kanin’ny Ramadan ataon’izy ireo isan’andro rehefa milentika ny masoandro.**



**Ny vehivavy Mozolmana sasany dia manao ilay saron-doha hijab ho mariky ny fahamaotinana sy ny fanolorantena amin'i Allah na mba hanehoana ampahibemaso ny maha-Mozolmana azy ireo.**

mihitsy amin'ny finoana izany raha ny marina.[8] Ankoatra izany dia zavadehibe ny manamarika fa ny maro an'isa ao amin'ny tontolo Mozolmana dia tsy niaraka tamin'ireo mpampihorohoro ao anatin'ny herisetrany.[9]

Ny *Shari'a* dia zavatra iray hafa mampiahiahy ny olona tsy Mozolmana. Avy amin'ny Coran sy ny *hadith*, izay tatitra fohy mikasika ny zavatra nolazain'i Mahomet sy ireo mpiara-miasa taminy akaiky indrindra sy nataony izay manome maodelin'ny fitondrantena Mozolmana ary koa manampy sy manazava andininy avy ao amin'ny Coran, dia fitsipipitondrantenan'ny Mozolmana.[10] Ny lalàna mifehy ny akanjon'ny lehilahy sy ny vehivavy (toy ny *hijab,* na voaly) dia hita ao amin'ny shari'a. Raha nohamafisina izany any amin'ny firenena Mozolmana sasantsasany, dia miankina amin'ny safidin'ny tsirairay kosa izany any amin'ny firenena hafa. Ny Shari'a koa dia miresaka zavatra tahaka ny fahadiovan'ny vatana manokana, ny fotoana hivavahana sy ny tokony ho ao anatin'ny vavaka ary ireo lalàna mikasika ny fitantanana ny fanambadiana sy ny fisarahampanambadiana ary ny fandovana. Noho izany rehefa mampiseho ao anatin'ny fanadihadiana ireo Mozolmana fa te ho fehezin'ny lalàna shari'a izy ireo, dia mety fanambarana pôlitika no ataon'izy ireo na mety tsy izany. Mety milaza fotsiny izy ireo fa maniry ny hiaina fiainana Mozolmana marina.

Olona maro tsy Mozolmana no rehefa mieritreritra ny fitondran'ny silamo ny vehivavy, dia tonga dia mieritreritra ny fananana vady maro sy ny voaly. Saingy tena sarotra kokoa ny zava-misy ara-kolontsaina. Andininy maro ao amin'ny Coran no manambara fa mitovy amin'ny lehilahy ny vehivavy, kanefa misy ny sasany toa manome andraikitra ambany azy ireo. Azo antoka fa misy fomba amampanao any amin'ny firenena silamo maro, matetika avy amin'ny kolontsain'ny foko nialoha ny Silamo na ireo fombafomba efa nisy teo aloha, izay mandray ny vehivavy ho toy ny mpanaraka ambokony. Kanefa miovaova ny fomba fijerin'ny Mozolmana ny vehivavy.

## Ny fahitan'ny Olomasin'ny Andro Farany ny Silamo

Na dia samy hafa aza ny finoantsika, dia ahoana no ahafahan'ny Olomasin'ny Andro Farany miroso eo amin'ny fanorenana fifandraisana amin'ny Mozolmana?

Voalohany indrindra dia tokony ho fantatsika ny fananan'ny Silamo zo mba "hanompo na manao ahoana na manao ahoana, na aiza na aiza, ary na inona na inona sitrany" (Fanekempinoana 1:11). Tamin'ny 1841, ireo Olomasin'ny Andro Farany tao amin'ny filankevitry ny tanànan'i Nauvoo dia nandany era lalàna iray mikasika ny fahalalahana ara-pivavahana izay manome antoka ny "fandeferana malalaka sy ny fahazoana tombontsoa mitovy" ho an'ireo "Katôlika, Piresbiteriana, Batista, Olomasin'ny Andro Farany, mpikambana ao amin'ny antokompivavahana Quakers, mpikambana ao amin'ny antokom-pivavahana Episkôpaly, mpikambana ao amin'ny antokom-pivavahana Mpampanjaka ny hevitry ny rehetra, mpikambana ao amin'ny antokom-pivavahana manome fahafahana ny rehetra mba hino izay tiany, mpikambana ao amin'ny antokom-pivavahana manaraka an'i Mahomet [Mozolmana], ary ireo antokom-pivavahana sy fiangonana hafa rehetra na iza na iza izany."[11]

Tokony hotsaroantsika koa fa ireo mpitarika antsika ao amin'ny Fiangonana amin'ny ankapobeny dia naneho fankasitrahana miavaka tsara an'ilay nanorina ny fivavahana Silamo. Tamin'ny 1855, ohatra, nandritra ny fotoana iray nanamelohan'ny Kristianina maro an'i Mahomet ho toy ny antikiristy, dia nizara lahateny lava ny Loholona George A. Smith (1817–75) sy ny Loholona Parley P. Pratt (1807–57) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo izay tsy hoe naneho fahatakarana ny tantaran'ny Silamo tamin'ny fomba mifono fampahalalana maro sy ara-drariny fotsiny izay niavaka tokoa fa nidera an'i Mahomet koa. Nilaza ny Loholona Smith fa i Mahomet "dia azo antoka fa natsangan' Andriamanitra mba hitory ny fanoherana ny fanompoan-tsampy", ary naneho fironam-po tamin'ny Silamo izy, izay toy ny Olomasin'ny Andro farany, dia manana fahasarotana eo amin'ny "fahazoana tantara marina" voasoratra mikasika azy ireo. Rehefa tonga dia nandray fitenenana taorian'izay ny Loholona Pratt, dia naneho ny fitiavany ireo fampianaran'i Mahomet izy sy ireo fitsipi-pitondrantena sy rafitra manorina ny fiarahamonina Silamo.[12]

Nisy fanambarana ôfisialy kokoa avy amin'ny Fiadidiana Voalohany izay nivoaka vao haingana tamin'ny

1978. Nilaza manokana an'i Mahomet ho anisan'ireo "mpitondra fivavahana lehibe teto amin'izao tontolo izao" izany, izay toa azy ireo dia "nandray ampahany tamin'ny hazavan' Andriamanitra izy. Nanoratra ny Filoha Spencer W. Kimball, N. Eldon Tanner, sy Marion G. Romney hoe: "Nomen'Andriamanitra fahamarinana ara-pitondrantena [ireo mpitarika ireo] mba hanazava ny firenena iray manontolo sy hitondra fahatakarana ambony ho an'ny olona tsirairay."[13]

## Manao asa miainga amin'ny fototra iraisana

Na dia miharihary fa misy ireo zavatra manan-danja tsy mampitovy ny Olomasin'ny Andro Farany sy ny Mozolmana, indrindra ny maha-Andriamanitra an'i Jesoa Kristy sy ny anjara asany amin'ny maha-Mpamonjy Azy ary ny fiantsoana ireo mpaminany maoderina, dia misy zavatra maro itoviantsika. Isika ohatra dia samy mino fa tompon' andraikitra ara-pitondrantena eo anatrehan' Andriamanitra, sy tokony hikatsaka fahamarinan-toetran'ny tena manokana ary fiaharamonina tsara sy marina, ary hitsangana amin'ny maty sy hoentina eo anoloan' Andriamanitra mba hotsaraina.


Ny Mozolmana sy ny Olomasin'ny Andro Farany dia samy mino ny maha-zava-dehibe ny fianakaviana mafy orina sy ilay didy masina mba hanampy ny mahantra sy ny sahirana ary isika dia mampiseho ny finoantsika amin'ny alalan'ny asa maneho ny maha-mpianatra. Toa tsy misy antony tsy ahafahan'ny Olomasin'ny Andro Farany sy ny Mozolmana miaradalana miaina izany, ary raha misy ny fahafahana miseho eo anoloan'izy ireo, dia afaka miara-miasa mihitsy aza izy ireo any amin'ireo fiarahamonina, izay ahitana fa mihabetsaka izy ireo no lasa mpifanolobodirindrina ao anatin'ity izao tontolo izao ity izay mihamitombo ny tsy finoana. Afaka miaraka maneho isika fa ny finoana dia afaka ny ho hery matanjaka hanaovana ny tsara fa tsy loharanon'ny ady tsotra fotsiny na loharanon'ny herisetra mihitsy, araka ny filazan'ireo mpitsikera sasany.

Ny Coran dia manolotra fomba hiarahana miaina amim-piadanana na dia eo aza ireo zavatra tsy mampitovy antsika: "Raha ny sitrapon'Andriamanitra dia afaka nampiray anareo tao anatin'ny fiarahamonina iray monja Izy. Saingy naniry ny hisedra anareo tamin'ny zavatra nomeny anareo Izy. Noho izany, aoka ianareo hifaninana amin'ny fanaovana asa tsara. Hiverina any amin' Andriamanitra daholo ianareo rehetra ary hampahafantatra anareo ny mikasika ireo zavatra tsy nitovianareo hevitra Izy."[14] ■



### FANAMARIHANA

1. Raha ny marina tamin'ny 622 taorian'ny nahaterahan'i Jesoa Kristy, taona nanaovan'i Mahomet *Hijra* na fifindra-monina tany Médine, no taona fototra iaingan'ny (*Hijri*) tetiandron'ny Mozolmana, ary ireo fanambarana voangona ao amin'ny Coran dia voasokajy hoe tany La Mecque na tany Médine.
2. Tao anatin'ny taonjato maro dia nihanisaraka ireo vondrona roa noho ireo olana fanampiny hafa koa.
3. Ny zavatra tena niavaka anefa, na dia azo atao aza ny fandikana ny Coran amin'ny fiteny maro, dia ilay amin'ny teny Arabo tany am-piandohana ihany no raisina ho ilay Coran sy soratra masina ankatoavina.
4. Jereo ny Coran 4:125.
5. Jereo ny Coran 53:36-62; 87:9-19; jereo koa ny Daniel C. Peterson, "News from Antiquity," *Ensign,* Jan. 1994, 16–21.
6. Jereo ny Coran 112:3-4. Ireo dikanteny avy ao amin'ny Coran dia avy amin'i Daniel C. Peterson.
7. Ireo edisiônan'ny Coran nankatoavina dia misy fizarana miisa 30 izay mitovy noho io antony io indrindra.
8. Jereo mba hahitana ohatra ny Robert A. Pape, *Dying to Win: The Strategic Logic of Suicide Terrorism* (2005); Graham E. Fuller, *A World without Islam* (2010); Robert A. Pape sy James K. Feldman, *Cutting the Fuse: The Explosion of Global Suicide Terrorism and How to Stop It* (2010).
9. Jereo ny Charles Kurzman, *The Missing Martyrs: Why There Are So Few Muslim Terrorists* (2011); jereo koa ny John L. Esposito and Dalia Mogahed, *Who Speaks for Islam? What a Billion Muslims Really Think* (2008); James Zogby, *Arab Voices: What They Are Saying to Us, and Why It Matters* (2010).
10. Somary mitovy amin'ny lalàna rabbinique ao amin'ny fivavahana Jiosy izany.
11. Ordinance in Relation to Religious Societies, Tanànan'i Nauvoo, [Illinois] foiben'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, 1 martsa 1841.
12. Jereo ny *Journal of Discourses,* 3:28–42.
13. Taratasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 15 feb. 1978. Tao anatin'ny fitondrany fanitsiana tao amin'ny *Introduction to the Qur'an* (1970) nataon'i Richard Bell, i W. Montgomery Watt, izay manam-pahaizana manana ny maha-izy azy momba ny Silamo ary pretra Angilikana, dia nanolotra fomba azo atao iray izay ahafahan'ny Kristianina mpino iray hanana fomba fijery ny Coran ho toy ny manentana ny fanahy izy.
14. Coran 5:48; ampitahao amin'ny 2:48.



# INTY ILAY TOERANA

Ny raiko, izay Kristianina mahatoky, dia nampianatra ahy hino an'i Jesoa Kristy. Nanampy ahy ho tafavoaka velona nandritra ny ady an-trano telo taona tao Nigéria io finoana io tamin'ny faramparan'ny taona 60 fony aho tao amin'ny tafika. Taty aoriana anefa dia lasa niroaroa saina aho ka tsy nandeha nivavaka intsony.

Rehefa nankany Etazonia aho tamin'ny 1981 mba handranto fianarana dia tsapako fa nila an' Andriamanitra teo amin'ny fiainako aho. Nandritra ny roa taona dia nivavaka tany amin'ny fiangonana isankarazany tao Boston Massachusetts aho, saingy tsy nisy nahasarika ahy izy ireo. Tsy nahatsapa ny Fanahy aho ka dia tsy nitady intsony.

Fotoana fohy taorian'ny nahatongavan'i Mabel vadiko avy any Nigéria taty amiko tamin'ny 1984, dia nanomboka nanana faniriana niredareda ny hanakaiky kokoa an' Andriamanitra indray aho, ary hiditra ho mpikambana ao amin'ny fiangonana iray. Ny namako iray izay nitsidika anay avy any Nigéria dia tsy nahafantatra hoe nitady fiangonana iray aho, fa niresaka tamiko momba ny fiangonana iray izy, izay reny fa manana boky antsoina hoe ny Bokin'i Môrmôna.

Taorian'izay dia nanohy nitady fiangonana aho. Nahita fiangonana iray aho, izay antsoina hoe Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany. Nahaliana ahy ilay teny hoe *olomasina*. Tsy fantatro hoe nisy fiangonana iray nahitana mpikambana nantsoina hoe olomasina. Tamin'izay alahady izay dia nanapa-kevitra ny hanadihady ny momba izany aho.

Tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo izay natrehako, dia nihira fihirana tamin'ny fomba feno fanajana ireo mpiangona, nanamasina mofo sy rano ny mpisorona, ary notarihina tamim-pilaminana sy tamim-panetrentena ilay fivoriana. Taorian'izay, rehefa nandeha teo an-dalantsara aho ka nandinika ilay fivoriana, dia nahare ny anarako.

"Simeon a!" hoy ny feon'ny Fanahy, "inty ilay toerana."

Tamin'izay fotoana izay indrindra dia nisy misiônera roa nanatona. Nampahafantatra ny tenany sy ny Bokin'i Môrmôna izy ireo. Nijery azy ireo aho dia niteny hoe: "Tsy misy zavatra fantatro momba ny Bokin'i Môrmôna, fa mahafantatra ny Baiboly aho. Vonona aho."

Nanomboka nampianatra ahy momba ny drafitry ny famonjena izy ireo. Iray volana latsaka taorian'izay dia natao batisa aho. Niditra ho mpikamban'ny Fiangonana ny vadiko fotoana fohy taorian'izay. Taona vitsy taorian'izay dia nofehezina tany amin'ny Tempolin'i Washington D.C. izahay ary nofehezina taminay ny zanakay dimy.

Maro ny zavatra nambara tamiko tao amin'ny tempoly, fa ireo teny reko fony aho nandeha voalohany tany ampiangonana dia nohamafisina tamiko im-betsaka tao anatin'ny fanambarana tao amin'ny tempoly manao hoe: "Inty ilay toerana." Ny fiantraikan'izany teny nambaran'ny Fanahy Masina izany dia nanova tanteraka ny fiainako sy ny fiainan'ny vady aman-janako. ■

Simeon Nnah, Aba, Nigéria

Tao amin'ny tempoly, dia nohamafisina tamiko im-betsaka ireo teny reko fony aho nandeha voalohany tany am-piangonana.

SARY NATAON'I ALLEN GARNS



Isak'izay nahita fialan-tsiny aho dia nihanihena ny famakiako soratra masina mandra-pahatonga ahy zara raha namaky akory aza.

# AHOANA NO AHAFAHAKO MANATSARA NY FANDALINAKO SORATRA MASINA MBA HAHALIANA KOKOA?

Tafaverina nody avy nanao asa fitoriana vao telo volana monja aho no nanomboka sahirana tamin'ny famakiana soratra masina.

Namaky ny soratra masina isan'andro aho nandritra ny asa fitoriana nataoko ary nampanantena ny hanohy izany rehefa miverina mody. Kanefa rehefa nandeha ny fotoana dia toa nisy zavatra nanakana foana. Na izaho nanana enti-mody maro be, na be asa be dia tsy nanam-potoana, na reraka be loatra fotsiny. Isak'izay nahita fialan-tsiny aho dia nihanihena ny famakiako soratra masina mandra-pahatonga ahy zara raha namaky akory aza.

Nanokatra ny Bokin'i Môrmôna aho indray alina dia nivonona ny hamaky andininy iray ihany. Nampahatsiahy ahy ilay andininy novakiko fa ny soratra masina dia mirakitra "ny teny mahafinaritra izay an' Andriamanitra, eny, dia ny teny izay manasitrana ny fanahy maratra" (Jakôba 2:8).

Nisaintsaina io andininy io aho dia tonga saina ny amin'ny fiantraikany ratsy avy amin'ny tsy firaharahiana ny fandalinana soratra masina teo amiko. Nahatsapa rarin-tsaina bebe kokoa aho tany an-tsekoly, tsy niraharaha kokoa tany am-piangonana, ary nihanalavitra kokoa an' Andriamanitra. Nila ilay tenin' Andriamanitra manasitrana ao amin'ny soratra masina ny fanahiko. Fantatro fa nila nandamina indray ny laharampahamehako aho.

Nangataka sosokevitra tany amin'ireo namako, ny fianakaviako, ary ny mpitarika tao amin'ny Fiangonana aho mba hanatsarako ny fandalinako soratra masina mba hahaliana kokoa. Nisy zavatra telo hitako fa tena nanampy.

Voalohany, tonga saina aho fa tsy nahomby ho ahy ny famakiana soratra masina tamin'ny alina. Ny fandalinana amin'ny maraina dia namela ahy hisaintsaina nandritra ny andro ny fotopampianarana sy ny fitsipika novakiko ny maraina.

Faharoa, nampianarina isika mba hamaky soratra masina miaraka amin'ny fianakaviantsika, saingy hatramin'ny nianarako tany amin'ny sekoly ambaratonga ambony sy naha-lavitra ny fianakaviako ahy, dia nanomboka niara-namaky soratra masina tamin'ireo mpiray trano tamiko sy ireo namako aho. Nanampy ahy hijanona ho tompon'andraikitra izany, ary nitarika ho amin'ny fifanakalozan-kevitra momba ny filazantsara.

Fahatelo, nanomboka nanoratra ireo bitsiky ny Fanahy sy ireo eritreritra voaraiko nandritra ny fandalinana soratra masina aho. Nanampy ahy hifantoka tamin'ny zavatra novakiko izany ary nanampy ahy hahafantatra tsara kokoa ny feon'ny Fanahy.

Raha vantany vao lasa laharampahamehana teo amin'ny fiainako indray ny fandalinana soratra masina, dia hitako fa nanana fotoana sy hery bebe kokoa aho hanatanterahana ny zavatra rehetra nilaiko novitaina. Ny manan-danja indrindra dia nahatsapa ho akaiky kokoa an' Andriamanitra indray aho rehefa namaky sy nisaintsaina ny soratra masina. Ankehitriny aho rehefa manokana fotoana hamakiana soratra masina dia mahatsapa fiadanana sy mahazo fanasitranana ho an'ny fanahiko. ■

Sarah Keenan, Utah, Etazonia

SARY NATAON'I BRADLEY CLARK



Hitako teo amin'ny fandriana harato nifatotra teo amin'ny hazona manga mbola tanora anankiroa ilay nenitoako sy ny zanany kely dimy volana.

# "MITSAMBIKÌNA AO ANATIN'NY RENIRANO!"

Indray andro dia nangataka ahy ny renibeko mba hanatitra sakafo izay namboariny tany amin'ny nenitoako. Sabotsy tolakandro nafana tamin'izay ary zavatra maro hafa no tiako hatao toy izay handeha hirahin'ny renibeko. Nasaiko nangataka ny iray amin'ireo zafikeliny hafa izy mba handeha any eo amin'ny toerako, kanefa niziriziry izy hoe izaho ihany.

Lasa ny adiny iray ary nanomboka nahatsapa aho fa tokony hanao izay nangatahin'ny renibeko. Nalaiko ny sakafo dia nandeha tany amin'ny tranon'ny nenitoako aho. Tena lavitra izany ary rehefa tonga aho dia tsy nikasa ny hijanona maharitra.

Hitako teo amin'ny fandriana harato nifatotra teo amin'ny hazona manga mbola tanora anankiroa ilay nenitoako sy ny zanany kely dimy volana. Teo akaikin'ny renirano iray izay nikoriana tao ambadiky ny trano ireo hazo ireo. Nandeha teny amin'izy ireo aho mba hanome ilay sakafo. Kanjo tapaka ireo tady nihazona ilay fandriana harato. Nikodiadia tany amin'ilay reninrano ny nenitoako sy ny zanany kely. Raikitahotra mafy aho. Tsy nahay nilomano aho ary tsy nisy olona afaka nanampy teo amin'ny manodidina. Tsy fantatro izay tokony hatao.

Tonga aho dia naheno ny feon'ny Fanahy nanao hoe: "Mitsambikìna!"

Tsy nieritreritra intsony aho fa tonga dia nitsambikina. Soa ihany fa hitako tao anatin'ny segondra vitsy monja ilay zazakely ary afaka nivoaka tao anatin'ny rano ny nenitoako. Rehefa nivoaka avy tao anaty rano niaraka tamin'ilay zazakely aho dia tsy nino ny zavatra vao nitranga teo. Nitsambikina tao anatin'ilay renirano aho nefa tsy nahay nilomano, saingy noho ny fihainoako ny Fanahy dia tsy nilentika izaho sy ilay zazakely zanaky ny nenitoako.

Tsapako ny maha-zava-dehibe ny fahatsapana sy ny fihainoana ny fitarihana sy ny fitaomana omen' Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Feno fankasitrahana aho fa nanao izay nangatahin'ny renibeko ihany tamin'ny farany ary nitondra ilay sakafo tany amin'ny tranon'ny nenitoako. Fantatro fa tsy maintsy manao ezaka mba hahatsapa ireo bitsika arapanahy isika mba hahafahantsika ho lasa tanan' Andriamanitra mba hanampiana ny zanany. ■

Elvin Jerome Laceda, Pampanga, Philippines

SARY NATAON'I GARY ALFONSO



# MAHATSAPA HO TOY NY ANY AN-TRANO INDRAY

Tsy vonona ny handray ilay antso an-tariby avy tamin'ny anadahiko aho. "Vao nodimandry teo i Neny," hoy izy. "Nianjera izy dia voadona ny lohany."

Tena taitra aho. Lasa ny reniko, kanefa vao ny omaly alin'izay aho no niresaka taminy. Nanontany tena foana aho hoe nahoana no nitranga izany. Tsy azoko mihitsy ny antony tsy maintsy nandaozany ahy. Tezitra aho! Tsy afaka tao an-tsaiko ny hatezerako nandritra ny herinandro maromaro.

Taty aoriana dia nanapa-kevitra aho ny amin'izay homeko tsiny amin'izany. Hadisoan' Andriamanitra izany. Nesoriny lavitra ahy aloha loatra izy. Be dia be ireo zava-nitranga manan-danja teo amin'ny fiainako izay tsy hitan'ny reniko, ka nihevitra aho fa Izy no nahatonga izany. Tsy mpikamban'ny Fiangonana aho tamin'izany, kanefa Kristianina nahatoky aho. Raha tokony hiantehitra tamin' Andriamanitra aho mba hahazo tanjaka, dia naleoko nanome lamosina Azy sy nanaisotra Azy teo amin'ny fiainako.

Tena nalahelo ny reniko aho. Rehefa nihalehibe aho dia toerana azo antoka ny tokantrano nisy ahy sy ny ray aman-dreniko. Na taiza no nisy ahy na inona ny zavatra nataoko dia nahatsapa ho toy ny tany an-trano aho isak'izay niresaka tamin'ny reniko na niaraka taminy. Ankehitriny dia tsy eo intsony izany fahatsapana ho toy ny "any an-trano" izany.

Lasa ny taona, ary efa saika tsy nanam-pinoana intsony aho. Niezaka nanakatra ny antony tsy maintsy nahafatesan'ny reniko aho, saingy tsy nisy na inona na inona nitondra fiadanana ho ahy. Avy eo, tokotokony ho nandritra ny herinandro teo ho eo, dia niverimberina tato an-tsaiko ity eritreritra ity: Nila nikatsaka fahatakarana avy amin' Andriamanitra aho. Notantaraiko tamin'ny namako iray tena tiako izay mpikamban'ny Fiangonana izany. Nanontany ahy izy raha mba tiako ny hianatra bebe kokoa momba ny fivavahany.

Tsy fantatro teo no ho eo, fa namoha ahy tamin'ny torimaso lalina ny Fanahy. Arakaraka ny nahafantarako zavatra bebe kokoa momba ny filazantsara no nahatsapako fa nahita toerana azo antoka indray aho. Niverina ilay fahatsapana ho toy ny "any an-trano."

Natao batisa tamin'ny mey 2013 aho. Feno fankasitrahana aho fa niverina ny finoako. Tsy manome lamosina an' Andriamanitra intsony aho izao. Nikatsaka ny hanana fifandraisana matanjaka Aminy kosa aho. Mbola malahelo noho ny fahalasanan'ny reniko tampoka aho, kanefa noho ny finoako an' Andriamanitra dia fantatro fa mbola ho "ao an-trano" mandrakizay miaraka amin'ny reniko sy ny fianakaviako indray aho. ■

Judy Rascher, Colorado, Etazonia

*Rehefa lasa liana tamin'ny filazantsara Rakotomalala, dia tany Antsirabe izay tanàn-dehibe 50 km miala ny tanàna misy azy ao Sarodroa no nisy ny fiangonana akaiky indrindra. Nahita fomba hanaovana ilay dia isaky ny alahady Rakotomalala sy ny namany iray.*

*Amin'izao fotoana izao dia manana trano kely fivavahana i Sarodroa izay ahitana mpikambana 100 mahery manatrika isaky ny alahady. Hitan-dRakotomalala ny nandraisan'ny tanàna kely misy azy ny filazantsara. Misiônera efatra avy ao Sarodroa no efa nanompo ary miha-mitombo hatrany ny isan'ny mpikambana ao amin'ny Fiangonana.*

**CODY BELL, MPAKA SARY**



# Rakotomalala Alphonse

*Sarodroa, Madagasikara*

Naniry ny handeha hivavaka aho, saingy tsy nanam-bola handehanana amin'ny fiara fitateram-bahoaka. Niresaka tamin-dRazafindravaonasolo namako aho, dia nilaza izy fa afaka mitaingina ny bisikiletako izahay. Nandeha bisikileta nandritra ny adiny roa tamin'ny dia mandroso avy any Sarodroa nankany Antsirabe izahay isaky ny alahady. Rehefa reraka nivoy ny bisikileta aho dia nitaingina tao aoriana, ary izy indray no nanomboka nivoy izany. Dia rehefa reraka izy, dia nifamadika indray izahay.

Taty aoriana dia lasa mpikamban'ny Fiangonana izaho sy ny fianakavian-dRazafindravaonasolo. Nivavaka tany Antsirabe izahay mandra-pisokatry ny sampana iray tao Sarodroa. Faly ery izahay rehefa afaka nivavaka tao amin'ny tanànanay ihany!

Raha hijery ny sarin-dRakotomalala sy Razafindravaonasolo bebe kokoa dia jereo ao amin'ny **lds.org/go/41845.**


Tristan
alpas



**Nosoratan'ny Loholona Ulisses Soares**
Ao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy

# Lalana mankany amin'ny tena fahasambarana

Irin'ny Ray any An-danitra, mihoatra ny zavatra hafa rehetra, ny hahazoantsika fahasambarana marina sy maharitra.

"Ny fahasambarantsika no endrik'ireo fitahiana rehetra nomeny antsika, toy ny fampianaran'ny filazantsara, ny didy, ny ôrdônansin'ny fisoronana, ny fifandraisan'ny fianakaviana, ny mpaminany, ny tempoly, ny hatsaran'ny fahariana, ary na hatramin'ireo fahafahana handalo fitsapana ihany koa aza. . . . Nandefa ny Zanakalahy Malalany Izy mba hanatanteraka ny Sorompanavotana mba hahafahantsika ho sambatra eto amin'ity fiainana ity ary handray ny fahafenoan'ny fifaliana any amin'ny mandrakizay."[1]

Misy zavatra tadiavin'ny olona manerana izao tontolo izao. Ny tena tadiavin'izy ireo, fa saingy amin'ny fombany manokana, dia ny fahasambarana. Raha ny fahamarinana manokana no resahina, dia maro no tsy mahita fahasambarana "noho ny tsy fahafantarany izay ahitana izany fotsiny" (F&F 123:12).

Noho ny tsy fahafantaran'izy ireo ny toerana hitadiavana ny fahasambarana marina sy maharitra, dia mitady izany ao anatin'ny zavatra izay mitondra fahafinaretana mandalo fotsiny ihany izy ireo raha ny marina, toy ny fividianana zavatra, ny fikatsahana voninahitra sy dera avy amin'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fitondrantena tsy mendrika, na ny fifantohana amin'ny hatsarana sy ny hakanton'ny endrika ivelany.

Matetika ny fahafinaretana dia ampifangaroina amin'ny fahasambarana. Toa arakaraka ny hikatsahan'ny olona fahafinaretana mandalo no mahatonga azy ireo tsy dia faly loatra. Mazàna ny fahafinaretana dia maharitra ao anatin'ny fotoana fohy monja.

Hoy ny Filoha David O. McKay (1873–1970) hoe: "Eny tokoa, mety hahazo izany fahafinaretana mandalo izany ianao, saingy tsy afaka mahita fifaliana, ary tsy afaka mahita fahasambarana. Ny fahasambarana dia tsy hita raha tsy amin'ilay lalana efa nalehan'ny olona maro teo aloha ihany, izay tery, na dia ety aza, izay mitondra mankany amin'ny fiainana mandrakizay."[2]

Indrisy anefa fa sarotra ny mahita ny fahasambarana ho an'ny maro. Ny mpahay siansa dia mahafantatra fa "ny fahasambarana, izay mihoatra lavitra ny toe-tsaina miandrandra zavatra tsara fotsiny, dia fahatsapana ho metimety tsara ka tafiditra ao anatin'izany ny fananana fiainana tsara, izany hoe fiainana misy lanjany sy fahatsapana fahafaham-po lalina."[3]

Ny voka-pikarohana dia maneho fa ny fahasambarana dia tsy azo avy amin'ny fanovaovana haingankaingana ny zavatra iainana. Ny fahazoana fahasambarana kosa raha ny mahazatra dia ahitana ezaka natao efa hatry ny ela mba hahazo zavatra manan-danja kokoa eo amin'ny fiainana. Ny fahasambarana dia faritan'ny fahazarana, ny fitondrantena, ary karazana fomba fisainana izay azontsika fehezina avy hatrany amin'ny alalan'ny asa ataontsika avy amin'ny nahim-po. Ny ankamaroan'ny fahasambarantsika raha ny marina dia "ny tenantsika ihany no mibaiko azy."[4]

**Enga anie isika tsirairay avy samy hifidy ny hitia ny Tompo sy hanaraka ny lalany mankany amin'ny fahasambarana.**

Andeha hojerentsika ny mahazava-dehibe ny sasany amin'ireo

MPIVADY MANOLOANA NY TEMPOLIN'I OAKLAND CALIFORNIE

lalana hahazoana fahasambarana hita ao amin'ny soratra masina sy ampianarin'ireo mpaminany sy apôstôly maoderina. Ny fandehanantsika amim-pahatokiana sy tsy tapaka eo amin'ireo lalana ireo dia hamela antsika hianoka ny fahasambarana ao anatin'ny dia izay miandry antsika.

## Hatsaran-toetra

Ny voalohany amin'ireo lalana ireo dia ny hatsaran-toetra, izay fomba fisainana sy fitondrantena izay mifototra amin'ny fenitra arapitondrantena ambony. Tafiditra ao anatin'izany ny fahadiovampitondrantena, izay mahatonga anao ho mendrika ny hiditra ao amin'ny



tempoly masin'ny Tompo. Ny olona manana hatsaran-toetra dia mahay miaina amim-pahamendrehana ao anatin'ny fahanginana sy manana tanjaka ao anaty. Matoky tena izy ireo satria mendrika ny handray ny Fanahy Masina sy hotarihiny. Manomboka amin'ny faniriana sy ny eritreritra ny hatsaran-toetra, ary fitambaran'ny fanapahan-kevitra sy asa madinidinika an'arivony atao isan'andro izany.

"Aoka handravaka tsy an-kijanona ny eritreritrao ny hatsaram-panahy dia hihamahery ny fahatokian-tenanao eo anatrehan' Andriamanitra; ary ny fotopampianaran'ny fisoronana dia hitsika ao amin'ny fanahinao toy ny ando avy any an-danitra.

"Ny Fanahy Masina no ho namanao lalandava, ary ho tehimpiandrianan'ny fahamarinana sy ny marina ka tsy hiovaova ny tehimpiandriananao; ary ny fanapahana dia ho fanapahana maharitra mandrakizay, ary tsy mitady fitaovampamoretana no hikorianany mankany aminao mandrakizay mandrakizay" (F&F 121:45–46).

Nampianatra ny Filoha Thomas S. Monson (1927-2018) fa "tsy misy finamanana izay sarobidy mihoatra ny fahadiovana ara-pisainana sy arapitondrantena an'ny tenanao, ary tena fahatsapana tsara ny mahafantatra fa mijoro amim-pahadiovana amin'ny toerana efa voatokana hijoroanao ianao ary matoky tena fa mendrika ny hijoro eo."[5]

## Ny fahamarinan-toetra

Lalana faharoa hahazoana fahasambarana ny fahamarinan-toetra. Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott (1928–2015) tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo hoe:

*"Fantaro fa ny fahasambarana maharitra dia avy amin'ny maha-izy anao, fa tsy avy amin'ny zavatra ananananao.*

"Ny tena fifaliana dia avy amin'ny toetra feno fahamarinana, ary izany dia avy amin'ny fomba fandraisana fanapahan-kevitra marina tsy tapaka. . . . Ny fanapahan-kevitra marina raisinao no mamaritra ny maha-izy anao sy ny zavatra manan-danja aminao. Manamora ny fanaovana zavatra tsara izany. Mba hahazoana fahasambarana dieny izao sy mandritra ny fiainanao, dia ankatoavy tsy tapaka ny Tompo."[6]

Rehefa mandalina ny soratra masina isika dia mianatra fa ny fampanantenana nomen'ny Tompo antsika dia mamporisika antsika hiaina amim-pahamarinana. Ireo fampanantenana ireo dia manolokolo ny fanahintsika, mitondra fanantenana ho antsika amin'ny alalan'ny famporisihana antsika tsy hilavo lefona na dia miatrika ireo olantsika isan'andro eo amin'ny fiainana aza isika ao anatin'ny tontolo izay mampihen-danja ny soatoavina tsara sy marina. Noho izany dia mila maka antoka isika fa mitarika antsika eny amin'ny lalana miverina any amin'ny Raintsika any An-danitra ny eritreritsika sy ny tenintsika ary ny asantsika.

## Fahatokiana

Lalana fahatelo hahazoana fahasambarana ny fahatokiana. Tena ilaina ny mahatakatra fa mitahy antsika arakaraka ny finoantsika Andriamanitra. Izany finoana izany no loharanon'ny fiainana miaraka amin'ny fananana tanjona sy fomba fijery araka an' Andriamanitra. Ny finoana dia fitsipika mifantoka amin'ny asa izay mitaona ny fahazotoana. Miseho amin'ny alalan'ny fihetsika tsara asehontsika sy ny faniriantsika hanao an-tsitrapo ny zavatra rehetra izay asain' Andriamanitra sy i Jesoa Kristy ataontsika izany. Mahatonga antsika handohalika hivavaka izany mba hitalahoana fitarihana avy amin'ny Tompo sy hamporisihana antsika hitsangana ka hanao asa amim-pahatokian-tena mba hanatanterahana ireo zavatra mifanaraka amin'ny sitrapony.

Rehefa manohy ny dianao ianao dia hozahana toetra mba hahitana raha toa ianao ka hanao ny zavadrehetra handidin'ny Tompo Andriamanitra anao (jereo ny Abrahama 3:25). Ampahany amin'ny zavatra iainana eto an-tany izany. Izany dia hitaky ny hibosesehanao handroso miaraka amin'ny finoana mafy orina an'i Kristy, sady tarihin'ny Fanahy, sy ny fahatokiana fa hanome izay ilainao Andriamanitra.

Tadidio fa tsy tokony hampihendanja ny finoanao ianao, na dia amin'ny fotoana tena sarotra aza. Rehefa mafy orina ianao dia hampitombo ny fahafahanao handresy ireo olan'ny fiainana ny Tompo. Homena fahafahana hifehy ireo eritreri-dratsy ianao ary hampitombo ny hery hahafahanao mandresy, na dia ireo izay hita ho toy ny sakana tsy hay resena aza.

## Fahamasinana

Ny fahamasinana, izay lalana iray hafa mankany amin'ny fahasambarana, dia mifandray amin'ny fahatanterahana ara-panahy sy arapitondrantena. Ny fahamasinana dia milaza fahadiovam-po sy eritreritra. Inona no asa azontsika atao isan'andro mba hamahanantsika ny tenantsika ara-panahy mba hahafahantsika mampitombo ny toetra araka an' Andriamanitra tahaka izany?

Namaly ny Filoha Harold B. Lee (1899–1973) hoe: "Amin'ny alalan'ny fampiharana no hampitomboantsika ny toetrantsika ara-panahy. . . . Tokony hanazatra isan'andro ny fanahintsika isika amin'ny alalan'ny vavaka, amin'ny fanaovana asa soa isan'andro, amin'ny alalan'ny fizarana amin'ny hafa. Tokony hamahana ny fanahintsika isan'andro isika amin'ny alalan'ny fandalinana soratra masina isan'andro, amin'ny alalan'ny [takarivan'ny mpianakavy], amin'ny alalan'ny fanatrehana ireo fivoriana, amin'ny alalan'ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo. . . .

"Ny lehilahy marina dia miezaka mampisondrotra ny tenany satria fantany fa mila mibebaka isan'andro izy."[7]

Ny singa iray hafa manan-danja amin'ny fahamasinana dia mifandray amin'ny fanaovana sy ny fanajana ny fanekempihavanana any amin'ny tempoly. Raha mahatoky isika dia afaka mampisondrotra antsika mihoatra ny fetran'ny herintsika manokana sy ny fomba fijerintsika ireo fanekempihavanana ireo. Ny fitahiana nampanantenaina rehetra ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia afaka ny ho azontsika amin'ny alalan'ny fahatokiantsika amin'ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana ataontsika eo anatrehan'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ao amin'ny tempoly. Anisan'ny lamin'ny fiainana "ao amin'ny toetry ny fahasambarana" ny fanorenana tempoly mba hitsaohana sy hanaovana fanekempihavanana amin'ny Tompo (jereo ny 2 Nefia 5:16, 27).

TEMPOLIN'I PROVO CITY CENTER

Ny zavatra iray manan-danja tokony hotadidina momba ity lalana ity dia tokony hitandrina tsara isika ka hampitombo ny fiainana ara-panahy sy hadio fitondrantena.

**Fankatoavana**

Mifandray amin'ireo lalana hafa mankany amin'ny fahasambarana ny fitandremana ny didin' Andriamanitra rehetra. Rehefa avy nisaraka tamin'ny Lamanita ny Nefita dia niroborobo fatratra izy ireo rehefa nitandrina ireo lalàna sy fitsipika ary ny didin'ny "Tompo tamin'ny zavatra rehetra, araka ny lalàn'i Mosesy" (2 Nefia 5:10). Io lamina io dia singa iray hafa manandanja amin'ny fiainana "ao amin'ny toetry ny fahasambarana."

Nampianatra ny Filoha Monson hoe: "Rehefa mitandrina ny didy isika dia ho sambatra kokoa sy hahafapo kokoa ary ho tsotra kokoa ny fiainantsika. Ho mora zakaina kokoa ireo fanamby sy olana, ary handray ireo fitahiana nampanantenain' [Andriamanitra] isika."[8] Hoy koa izy hoe: "Ny fahalalana katsahintsika, ny valinteny izay tadiavintsika, ary ny hery izay irintsika hananana mba hiatrehana ireo fanamby eo amin'izao tontolo izao izay manahirana sy miovaova dia afaka ny ho azontsika rehefa mankatò amim-pahavononana ny didin'ny Tompo isika."[9]

Nananatra antsika ny Mpamonjy hoe:

"Raha tia ahy hianareo dia hitandrina ny didiko. . . .

"Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy" (Jaona 14:15, 21).

**Fahafoizan-tena ho an'ny hafa sy fitiavana**

Ny lalana tsara indrindra mankany amin'ny fahasambarana dia ny lalan'ny fahafoizan-tena ho an'ny hafa sy ny fitiavana. Fitiavana izay manana fiheverana, fahalianana, ary fiantrana lehibe ho an'ny olombelona rehetra. Ny fitiavana no lalana mitondra mivantana any amin'ny fahasambarana izay hanatsara sy hitahy ny fiainantsika sy ny fiainan'ny hafa. Izany dia midika, araka ny nilazan'ny Mpamonjy azy, fa maneho fitiavana ianao, eny fa na dia amin'ny fahavalonao aza (jereo ny Matio 5:44).

Rehefa manao izany ianao dia hanatanteraka ilay didy lehibe kokoa mba ho tia an' Andriamanitra. Ianao dia ho afaka ny tsy hiraharaha ireo zavatra ratsy mitranga, ireo zavatra maharikoriko, ireo zavatra tsy mampahomby, ary ireo zavatra tsy mahafinaritra. Ny fahasambarana marina sy maharitra dia tsy azo raha tsy rehefa misafidy ny "[hitia] an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra sy ny sainao rehetra ary ny herinao rehetra" isika (Matio 22:37; jereo koa ny Deoteronomia 6:5; Marka 12:30; Lioka 10:27).

Enga anie isika tsirairay avy samy hifidy ny hitia ny Tompo sy hanaraka ny lalany mankany amin'ny fahasambarana, izay "antony sy fomba namolavolana ny fisiantsika."[10] ■

*Avy tamin' ny lahateny tamin'ny lanonana fizarana diplaoma iray mitondra ny lohateny hoe "Lalana hahitana ny fahasambarana" izay natao tao amin'ny Oniversiten'i Brigham Young–Hawaï tamin'ny 8 jona 2017.*



**FANAMARIHANA**


1. "Happiness," Gospel Topics, topics.lds.org.
2. David O. McKay, ao amin'ny Conference Report, Oct. 1919, 180.
3. "Happiness," *Psychology Today,* psychologytoday.com/basics/happiness.
4. "Happiness," *Psychology Today.*
5. Thomas S. Monson, "Ohatra amin'ny fahamarinana," *Liahona,* mey 2008, 65.
6. Richard G. Scott, "Making the Right Decisions," *Ensign,* May 1991, 34.
7. *Teachings of Presidents of the Church: Harold B. Lee* (2000), 176, 178.
8. Thomas S. Monson, "Tandremo ny didy," *Liahona,* nôv. 2015, 83.
9. Thomas S. Monson, "Mitondra fitahiana ny fankatoavana," *Liahona,* mey 2013, 92.
10. Joseph Smith, ao amin'ny *History of the Church,* 5:134.


Fantaro ny tena fahasambarana ao amin'ny **lds.org/go/41849.**

# Fanambadiana, vola, ary finoana

**Nosoratan'i Sunday Chibuike Obasi**

Nanatrika ny fivorian'ny tanora tokan-tena tao Kumasi Ghana aho, tsy hitady olon-tiana akory, satria efa vita fifamofoana aho, fa noho ny fahatsapako fa nila famporisihana bebe kokoa aho ary ilay fivoriana no ho toerana tsara hahitana izany. Mazava ho azy fa novalina tany amin'ilay fivoriana ny vavaka nataoko rehefa avy nanao lahateny momba ny maha-zava-dehibe ny fanambadiana any amin'ny Tempoly Rahavavy Call, izay misiônera zokiolona nomena andraikitra hiara-hiasa amin'ny tanora tokan-tena.

Rehefa akaiky hifarana ilay resadresaka dia niova tampoka ny endriny, ka hoy izy hoe: "Tsy mila vola ianareo mba hahafahana manambady, finoana no hany ilainareo." Tsapako ho toy ny niresaka tamiko mivantana izy, saingy tsy neritreretiko hoe tena azo ampiharina amiko tokoa izany satria tsy maintsy nividy zavatra maromaro izahay mba hanomanana ilay fampakarambady. Niteny anakampo aho hoe: "Amin'ny fomba ahoana no ahafahako tsy hila vola fa finoana fotsiny ihany?"

Nieritreritra izany imbetsaka aho nandritra ilay herinandro. Nandritra izany dia nanontany tena aho hoe: "Fa angaha moa Andriamanitra voafetra amin'ny zavatra azony atao? Tamin'ny voalohany dia nieritreritra aho hoe tsia, saingy taorian'izay dia nieritreritra aho hoe eny. Kanefa taorian'izay dia tonga ny fanontaniana fanampiny hoe: "Fa nahoana moa Izy no ho voafetra raha manana ny hery rehetra?" Ny Fanahy no nampianatra ahy ny valiny: Miankina amin'ny fankatoavantsika Azy ny fitahiana avy amin' Andriamanitra. Tsy voafetra Izy amin'ny fahafahany mitahy antsika, kanefa tokony hanao izay hiavian'ireo fitahiana ireo isika amin'ny alalan'ny fampiharana finoana hanao ny zavatra asainy ataontsika.

Taty aoriana dia niantso an'i Priscilla fofombadiko aho mba hiresaka momba ilay drafitra naroso momba ny fanambadianay. Na dia tsy nanam-bola aza izahay, dia nanapa-kevitra ny hifidy daty hanaovana ny fanambadianay, kanefa tsy afaka nanapa-kevitra ny amin'ny daty iray manokana izahay. Nifanaiky izahay fa tokony hanontany ny evekany izy ny amin'izay daty malalaka ao amin'ny kalandirien'ny paroasy sy ny tsatòka. Tamin'ireo daty roa natolony, dia nifidy ny 27 septambra 2014 izahay, izay nidika fa zara raha nanana fito herinandro izahay mialoha ilay datin'ny fanambadiana!

**Tsy nanam-potoana firy izaho sy ny fofombadiko talohan'ny fanambadianay, ary tsy dia nanam-bola firy, kanefa nanana zavatra manan-danja kokoa noho izany izahay: finoana.**

Nanontany i Priscilla hoe: "*Obim* [izay midika hoe "ry foko" amin'ny fiteny Igbo], manam-bola ve ianao? Tsy manam-potoana firy intsony isika."

Novaliako hoe: "Tsia, fa mba manana finoana ihany aho."

Nihomehy izy dia niteny hoe: "Tsy maninona izany. Andao hifady hanina sy hivavaka." Notohizany tamin'ny fitenenana ny 1 Nefia 3:7 tamin'ny teniny manokana hoe: "Hanomana lalana ho antsika ny Tompo satria nandidy antsika hanambady Izy."

Tao anatin'izay herinandro izay dia nomena ahy ny karamako avy amin'ny asa iray nataoko volana maromaro teo aloha. Dia niteny tamiko avy eo i Priscilla fa te hanokatra orinasa kely izy mba hahazoana vola bebe kokoa. Nividy poaketram-behivavy efa niasa tamin'ilay vola azoko izy, dia namerina nivarotra izany. Rehefa avy nividy ny sasany tamin'ireo zavatra tao anatin'ny lisitr'ireo zavatra tena nilaina izy, dia mbola nanana indroa avo henin'ilay vola nomeko azy.

Nandritra io fotoana io dia tsy nisy asa azoko natao. Tsy nisy azoko ireo asa nampanantenain'ny olona ahy.



Roa herinandro sisa no nananana y kanefa mbola nisy zavatra nilainay novidina. Nandroso sosokevitra ny fofombadiko ny hanemorana ilay daty. Ny hany nolazaiko dia hoe: "Efa misy fahagagana miala any."

Roa andro monja mialoha ny andro hanambadiany dia nitranga ilay fahagagana: Nomena ahy ny karamako tamin'ny asa iray izay nataoko tao anatin'ny roa herinandro mialoha izay. Nianatra ihany koa aho fa rehefa manam-pinoana sy miasa mafy dia hitahy antsika ny Tompo mba hanatanterahana ny tanjona mendrika ananantsika.

Nankany amin'ny banky izahay haka vola tamin'ilay seky ary avy eo dia nankany an-tsena nividy ny sisa tamin'ireo zavatra tena nilaina tao anatin'ny oram-be, izay noraisinay ho toy ny fankatoavan' Andriamanitra ny fanehoanay finoana.

24 ora latsaka taorian'izay dia notanterahina ny fanambadianay. Rehefa nasaina nifanolotra voady izahay dia tsy mbola nisy fahatsapana nitovy tamin'izay tsapako tamin'izay teo amin'ny fiainako. Nahatsapa ho tena nahatontosa zavatra lehibe aho ka nanjary nino fa afaka hanao ny zavatra rehetra amin'ny alalan'ny finoana nanomboka tamin'izay fotoana izay. Nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Accra Ghana izahay taty aoriana.

Na dia mety mila vola *kely* hanomanana fanambadiana aza ianao dia ny finoana no zavatra manan-danja indrindra ilainao. ■

*Mipetraka any amin'ny Faritr'i Ashanti Ghana ny mpanoratra.*



# “Raha tsapako ho toy ny mihavery izany ny finoako, dia inona no azoko atao?”

*Iray amin'ireo tanjon'ny Fiangonana ny mikolokolo sy mamboly ny voan'ny finoana, eny fa na dia ao anatin'ireo tany fasiky ny ahiahy sy ny tsy fahazoana antoka aza indraindray.*

*“. . . Miangavy anareo aho hoe ny ahiahinareo aloha no ahiahio alohan'ny hiahiahianareo ny finoanareo.”*


**Filoha Dieter F. Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, “Andao hiaraka aminay,” ôkt. 2013 fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.**



## Vakio ny Soratra Masina

Rehefa manana fahasahiranana aho eo amin'ny fahatsapana ny Fanahy, dia manampy ahy ny famakiana ny soratra masina sy ny fijerena ny finoana ananan'ny tsirairay. Manome finoana ahy izany. Mety tena fohy ireo vavaka nataonao. Miezaha manao izany amin-kitsimpo kokoa dia hanampy anao mba hahazoana ilay finoanao indray ny Ray any An-danitra.


*Chris B.,14 taona, Oregon, Etazonia*



## Kolokoloy ilay voan'ny finoana

Fantatro fa afaka mivavaka amin'ny Ray aho ary mangataka Azy mba hanampy ahy hihazona ilay finoana namboleko. Tsy maintsy manao ireo zavatra rehetra tokony hatao aho mba hikolokoloana izany, toy ny famakiana ny soratra masina, mikatsaka traikefa ara-panahy, manisa ireo fitahiana azoko ary mangataka fanampiana avy amin'ny fianakaviako. Amin'izay afaka manomboka maniry indray ilay finoako. Tsy hitranga haingana izany fa dingana izay mitaky fotoana. Mila manana faharetana sy fahatokiana ny Tompo aho.

*Elías B., 18 taona, Mendoza, Argentine*



**Iaraho vahana izany**
Rehefa tsapako ho toy ny mihavery izany ny finoako dia miresaka amin'ny raiko sy ny reniko aho dia miaraka mamaha izany izahay. Indraindray izahay dia mihira hira mankahery aorian'izany mba hahafahanay mahatsapa ny Fanahy.

*Emmalie C., 15 taona, Colorado, Etazonia*

**Anontanio ny ray aman-dreninao**
Ankoatra ny fivavahana mivantana amin'ny Ray any An-danitra dia afaka manontany ny ray aman-drenintsika isika mikasika ny fomba ahafahantsika miverina any Aminy sy mahazo indray ny finoantsika.

*Elías S., 12 taona, Paysandú, Uruguay*

**Mivavaha, mifandraisa amin'ny hafa ary mamakia soratra masina**
Satria efa nihozongozona ny finoako dia ireto misy zavatra telo nataoko mba hamerenana izany indray. Voalohany, nivavaka aho. Nandaitra tsara ny nivavaka mba hahazo hery sy mba hahafantatra izay tokony hataoko. Faharoa, niresaka tamin'ireo namana akaiky aho dia nanampy ahy tanteraka izy ireo rehefa nila izany aho. Fahatelo, namaky soratra masina aho. Maro amin'izy ireo no miresaka mikasika ny finoana ary afaka manampy antsika hahazo izany indray.

*Jack J., 14 taona, Floride, Etazonia*

*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



## Nahoana Andriamanitra no mamela ny hisian'ny ady?

Ny ady dia efa nisy hatrizay teo amin'ny tantaran'ny zanak'olombelona teto amin'ity tany ity efa ho hatrany am-piandohana. Kanefa ny Tompo, ilay Andrian'ny Fiadanana, dia tsy maniry ny hiadiantsika. Mitomany Izy rehefa mifidy ny tsy hifankatia sy "tsy manam-pitiavana [ny olona], ary mankahala ny iray ra aminy" (Mosesy 7:33), ary manimba ny tany amin'ny alalan'ny herisetra (jereo ny Genesisy 6:11–13). Ireo olona izay miteraka ady eto an-tany ny faharatsiany dia hotsaraina noho ny asany.

Nandidy ny olony ny Tompo mba "[Handà] ny ady ary [hitory] ny fandriampahalemana" (F&F 98:16). Kanefa, rehefa miady ireo firenena dia nilaza ihany koa ny Tompo fa indraindray isika dia hamarinina amin'ny fiarovana ny fianakaviantsika, ny firenentsika ary ny fahafahantsika amin'ny fandravana, ny didy jadona, ary ny tsindry hazo lena (jereo ny Almà 43:47; Almà 46:12–13; F&F 134:11). Ary ny Olomasin'ny Andro Farany izay manompo ao amin'ny tafiky ny fireneny dia mankatò ilay fitsipika momba ny "fanoavana ny mpanjaka . . . , ny filoha, ny mpanapaka, ary ny mpitsara" (Fanekem-pinoana 1:12).


***Raha hijery bebe kokoa momba izany dia jereo ny Gordon B. Hinckley, "War and Peace," fihaonamben'ny Fiangonana apr. 2003; "War," Gospel Topics, topics.lds.org.***

***Fanontaniana ho avy***

"Ahoana no ahafahan'ny tsodranon'ny patriarika noraisiko manampy ahy handray fanapahan-kevitra?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin'ny 15 mey 2018 ao amin'ny liahona.lds.org (tsindrio ny "Submit an Article or Feedback").

Arakaraky ny halavany sy ny votoatiny no hamoahana ny valinteny.



# NY

*Araho ny ohatra nasehon'i Joseph Smith sy ny lamin'ny Famerenana amin'ny laoniny.*

# VAVAKA

## FANALAHIDY HAHAZOANA FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA SY FANALAHIDIN'NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY



**Nosoratan'ny Loholona Robert D. Hales (1932–2017)**
Tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

*Halalino ny soratra masina. Mandohaliha dia mivavaha. Mangataha amim-pinoana. Henoy ny Fanahy Masina.*

Amin'ny andraikitsika amin'ny maha-mpitarika ao amin'ny Fiangonana antsika, dia matetika isika no ametrahana fanontaniana hoe: "Ahoana no andraisako fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy naverina tamin'ny laoniny?"

Ny fahazoana fijoroana ho vavolombelona sy ny fiovam-po dia manomboka amin'ny fandalinana sy ny vavaka, ary avy eo ny fiainana ny filazantsara amim-paharetana sy amim-pahavitrihana ary ny fanasana sy ny fahatokiana ny Fanahy. Ny fiainan'i Joseph Smith sy ny lamin'ny Famerenana amin'ny laoniny dia ohatra tena tsara hanaovana izany dingana izany. Eto [am-pizarako] . . . ireo zava-nitranga nandritra ny Famerenana amin'ny laoniny dia tadiavo ireo dingana izay mitondra mankany amin'ny fijoroana ho vavolombelona. . . .



SOMBINY AVY AMIN'NY *NY FANIRIAN'NY FOKO II*, NATAON'I WALTER RANE   SARY AVY AMIN'NY GETTY IMAGES



## Fifanjevoana lehibe

I Joseph Smith dia teraka tamin'ny 23 desambra 1805 tao Sharon, Vermont, Etazonia. Teraka tao anatin'ny fianakaviana tia nivavaka sy nandalina ny Baiboly izy. Fony izy zatovo dia lasa liana tamin'ny fivavahana izy ary nahita "fifanjevoana lehibe" mahakasika ny fotopampianaran'i Kristy, izay nahitana "pasitera [nifanditra tamina] pasitera, ary niova fo tamina niova fo" (Joseph Smith—Tantara 1:6).

Io fifanjevoana io . . . dia nanomboka taonjato maromaro talohan'izay tao anatin'ilay nantsoina hoe Apôstazia Lehibe. "Tsy ho avy" ny andron'i Kristy hoy ny Apôstôly Paoly "raha tsy efa tonga aloha ny fihemorana" (2 Tesaloniana 2:3).

Am-polo taonany vitsivitsy taorian'ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty dia novonoina ireo apôstôliny, nolotoina ny fampianarany, ary nesorina teto ambonin'ny tany ny fisoronana. Kanefa, rehefa nahita izao androntsika izao i Paoly dia naminany hoe: "Ny andro voatendry, [dia hanangona] ny zavatra rehetra ho iray ao amin'i Kristy [Andriamanitra]" (Efesiana 1:10). Hamerina amin'ny laoniny ny tena Fiangonan'i Kristy eto an-tany indray Izy. . . .

## Nahazo valiny i Joseph

I Joseph . . . , teo amin'ny faha-14 taonany, dia tafalatsaka tao afovoan'ny "horakoraka teo amin'ny hevitra [ara-pivavahana]." Matetika izy no nanontany tena hoe: "Raha marina ny anankiray amin['ireo fiangonana ireo], dia iza izany? Ary ahoana no hahafantarako azy?" (Joseph Smith—Tantara 1:10).

Nandalina ny Baiboly i Joseph mba hahazoana valiny. "Ary raha misy ianareo tsy manam-pahendrena," hoy izy raha namaky tao amin'ny Epistily nosoratan'i Jakoba, "aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany" (Jakoba 1:5).

Mba hanarahana ny torolalana nomen'i Jakoba dia nandeha tany anaty alakely teo akaikin'ny tranony i Joseph dia nivavaka. Rehefa niantso an' Andriamanitra izy dia nisy "andrimpahazavana . . . nidina" namiratra lavitra noho ny masoandro amin'ny mitataovovonana, ary nisy "Olona roa" niseho. "Niteny . . . , ny anankiray Taminy, niantso [an'i Joseph] tamin'ny anara[ny] sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*" (Joseph Smith—Tantara 1:16–17).

Niresaka tamin'i Joseph Andriamanitra ilay Ray sy i Jesoa Kristy Zanany. Namaly ny fanontaniany Izy ireo. Nampianatra azy Izy ireo fa tsy eto an-tany intsony ny tena Fiangonan'i Kristy. Nianatra i Joseph fa nisaraka sady olona roa samy hafa ireo mpikambana ao amin'ny Andriamanitra ireo. Nahafantatra ny anarany Izy ireo, ary vonona ny hamaly ny vavaka nataony Izy ireo. Nisokatra ny lanitra, nifarana ilay vanim-potoan'ny haizina, ary naverina tamin'ny laoniny indray ny fahazavan'ny filazantsara.

Tahaka an'i Joseph, dia maro amintsika no mikatsaka manokana ny fahazavan'ny fahamarinana. . . . Tahaka an'i Joseph, dia tsy maintsy manadihady ny soratra masina isika, mivavaka, . . . manetry tena, ary [mianatra] mampihatra finoana.

## I Môrônia sy ireo takela-bolamena

Nandritra ireo telo taona taorian'ny Fahitany Voalohany dia [nilaza i Joseph fa matetika izy no nahatsapa ho kivy noho ny fahalemeny sy ny tsy fahatanterahany]. Saingy tsy very finoana izy na nanadino ny herin'ny vavaka.

Tamin'ny 21 septambra 1823, teo amin'ny faha-17 taonany, dia nandohalika i [Joseph] "ho famelana ny fahota[ny] . . . rehetra" . . . mba [hahafantarany] "ny toerany eo anoloa[n' Andriamanitra]" (jereo ny Joseph Smith—Tantara 1:29). Teo am-pivavahany dia nisy hazavana . . . nipoitra, tsy nitsaha-nitombo "mandrapahatongan ['ilay efitrano] hazava bebe kokoa noho ny amin'ny mitataovovonana" (andininy 30). Tao anatin'izany hazavana izany, dia indro nisy olona iray nijoro nanao akanjo lava "fotsy mangatsakatsaka fatratra" (andininy 31). Nantsoiny tamin'ny anarany i Joseph dia nampahafantatra ny tenany fa izy no Môrônia. Nilaza izy "fa manana asa ampanaovina [an'i Joseph] Andriamanitra", ary niresaka taminy momba ny rakitsoratra fahiny "voasoratra amin'ny takela-bolamena," izay lasa ho ny Bokin'i Môrmôna rehefa voadika. Nitahiry ny rakitsoratry ny fahafenoan'ny filazantsara ilay boky. (Jereo ny andininy 33–34.) . . . I Joseph dia notarihina ho any . . . amin'izany rakitsoratra izany, izay nalevina . . . [tao] amin'ny havoana akaiky teo . . . dia i Komôrà.

Ny ampitson'io dia hitan'i Joseph ireo takelaka, saingy tsy mbola tonga ny fotoana hamoahana azy ireo. Nanome torolalana an'i Joseph i Môrônia ny hihaona aminy teo amin'ilay toerana indray isaky ny herintaona katroka mandritra ireo efa-taona ho avy (jereo ny andininy 52–53). Nankatò i Joseph. Isan-taona izy dia nandeha teo amin'ilay havoana izay nanomezan'i Môrônia azy "torolalana" (andininy 54) mahakasika

ny Famerenana amin'ny laoniny ny Fiangonan'i Kristy.

Nandray ireo takelaka i Joseph tamin'ny 22 septambra 1827, teo amin'ny faha-21 taonany. Izy ihany koa dia nandray fitaovana fahiny handikana azy ireo, izay antsoina hoe Orima sy Tomima. Nanomboka ny asa fandikanteny i Joseph tamin'ny alalan'ny fampiasana io fitaovana masina fandikanteny io, niaraka tamin'ny Fanahy Masina.

## Nitranga ny Famerenana amin'ny laoniny

Teo amin'ny faha-23 taonany, dia teo am-pandikana ireo takelaka i Joseph rehefa tonga teo amin'ny andininy iray momba ny batisa ho famelana ny fahotana izy sy i Oliver [Cowdery mpitantsorany]. . . . Naniry ny hahafantatra misimisy kokoa izy ireo. Fantatr'i Joseph ny zavatra tokony hatao.

Tamin'ny 15 Mey 1829, dia nandeha tany an'ala [i Joseph sy i Oliver] mba hangataka fanazavana tamin'ny Tompo. Raha mbola nivavaka izy ireo dia niseho taminy tao anatin'ny "rahon'ny hazavana" i Jaona Mpanao Batisa (Joseph Smith—Tantara 1:68). Izy . . . dia nanao batisa ny Mpamonjy fony fahavelony, [ary] izy no nitana ny fanalahidin'ny fisoronana nilaina mba hanatanterahana izany ôrdônansy izany amin'ny alalan'ny fahefan' Andriamanitra.

Nametra-tanana teo ambony [lohan'i Joseph ary avy eo teo amin'ny lohan'i Oliver] i Jaona ary nanome ny Fisoronana Aharôna tamin'ny [tsirairay avy] tamin'izy ireo (jereo ny F&F 13; Joseph Smith—Tantara 1:68–69). . . . Tamin'ny faramparan'ny volana mey na voalohandohan'ny volana jona 1829, dia nomen'ny Apôstôly isany Petera, Jakoba ary Jaona an'i Joseph sy i Oliver ny Fisoronana Melkizedeka na ny fisoronana ambony kokoa.

Vita tamin'io jona io ihany koa ny fandikana ny Bokin'i Môrmôna, ary navoaka ilay boky tamin'ny 26 martsa 1830. . . . Andro maromaro taty aoriana, tamin'ny 6 aprily, dia natsangana tamin'ny fomba ôfisialy ny Fiangonana. . . . Araka ny faminanian'i Paoly dia tafatsangana indray teto an-tany ny fiangonan'i Kristy fahiny.

Saingy tsy mbola tapitra ny Famerenana amin'ny laoniny. . . . [Ny Tempolin'i Kirtland, ny tempoly voalohany tato anatin'ity fotoampitantanana ity,] dia notokanana . . . tamin'ny 27 martsa 1836. Herinandro taorian'izay, ny 3 aprily, dia nisy fivoriana natao tao. Taorian'ny vavaka masina sy mangina, . . . dia [niseho tamin'i Joseph sy i Oliver] i Jesoa Kristy Tompo. . . . Niseho [tao amin'ny Tempolin'i Kirtland] koa i Mosesy sy i Elià ary i Elia ary [nanome ny fanalahidin'ny fisoronana] an'i Joseph (jereo ny F&F 110).

## Lamina mba harahintsika

Ry rahalahy sy anabavy, hitantsika ve ilay lamina? Ny zava-nitranga lehibe rehetra tao anatin'ny Famerenana amin'ny Laoniny, dia ny Fahitana Voalohany, ny nisehoan'i Môrônia sy ny fivoahan'ny Bokin'i Môrmôna, ny famerenana tamin'ny laoniny ny fisoronana, ary ny nisehoan'i Jesoa Kristy [tao amin'ny] tempoly masiny, dia nialohavan'ny vavaka. . . .

Efa [imbetsaka] aho no nahatsapa ilay fijoroana ho vavolombelona nataon'ny Fanahin' Andriamanitra izay tsy azo lavina tahaka ny afo nirehitra tato am-poko, fa marina ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. . . . [Raha tsy mahafantatra ireo zavatra ireo ao anatinao ianao] dia mandroso sosokevitra aho ny hanekenao ilay fanasana nataon'i Môrônia ao amin'ny Bokin'i Môrmôna hoe: "Ary rehefa handray ireto zavatra ireto ianareo, dia ta hamporisika anareo aho ny mba hanontanianareo an' Andriamanitra, Ilay Ray Mandrakizay, amin'ny anaran'i Kristy, raha tsy marina ireto zavatra ireto; ary raha manontany amin-kitsimpo ianareo, omban'ny tena finiavana, sady manam-pinoana an'i Kristy, dia haneho ny fahamarinan'izany aminareo Izy amin'ny herin'ny Fanahy Masina. Ary amin' ny herin'ny Fanahy Masina dia azonareo fantarina ny fahamarinan'ny zava-drehetra" (Môrônia 10:4–5). . . .

. . . Araho ny ohatra nasehon'i Joseph Smith sy ny lamin'ny Famerenana amin'ny laoniny. Halalino ny soratra masina. Mandohaliha dia mivavaha. Mangataha amim-pinoana. Mihainoa ny Fanahy Masina. . . .

Ary mampanantena amin'ny anaran'i Jesoa Kristy aho fa "Raha . . . mangataka [amin'ny Ray any An-danitra] amin'ny finoana [ianareo], sady matoky fa hahazo izany, no mazoto amin'ny fankatoavana ny didi[n'ny Tompo], dia hampahafantarina anareo marimarina tokoa ireo zavatra ireo" (1 Nefia 15:11). ■

*Nalaina avy tamin'ny lahateny natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tamin'ny ôktôbra 2003.*



SOMBINY AVY AMIN'NY *NISEHO TAMIN'NY MPAMINANY JOSEPH SMITH SY I OLIVER COWDERY I JESOA KRISTY*, NATAON'I WALTER RANE    *FAMERENANA AMIN'NY LAONINY NY FISORONANA MELKIZEDEKA*, NATAON'I WALTER RANE

# INONA, NAHOANA, *ary* TAMIN'NY FOMBA AHOANA:

## FANAZAVANA AMIN'NY ANTSIPIRIANY NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

**Nosoratan'i Faith Sutherlin Blackhurst**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Mody ataovy hoe manao dia mandritra ny herinandro any amorondranomasina miaraka amin'ny fianakavian'ny namanao ianao. Nahazo fahafinaretana be ianao, kanefa manomboka malahelo ny fianakavianao. Dia nandefa hafatra an-tsoratra ho anao ny dadanao mba hahafantarany izay mitranga any, ary izay mihitsy no nilainao mba hahatsapanao fa tiana sy misy mahatsiaro ianao.

Mitovitovy amin'izany ny fiainana eto an-tany. Tsy mandefa hafatra an-tsoratra ho antsika Andriamanitra, kanefa lavitra ny fonenantsika any an-danitra isika, ka noho izany dia fomba iray hampitan'ny Ray any An-danitra ny fitiavany antsika ny fanirahana mpaminany.

### FOTOAMPITANTANANA

Ny mpaminany no mitarika ny antsoina hoe vanim-potoan'ny *fotoampitantanana,* rehefa (1) manana mpitarika mpihazona ny fisoronana iray farafahakeliny eto an-tany Andriamanitra ary (2) io mpitarika io, izay mpaminany, dia mianatra momba ny drafitry ny famonjena mivantana avy amin' Andriamanitra. Avy eo ilay mpaminany dia mampianatra, na *mizara,* ny filazantsara amin'ny olona.

Noho ny soratra masina dia mahafantatra ny mombamomba ny maro amin'ireo fotoampitantanana isika. Anisan'ireo manan-danja ny an'i Adama, Enôka, Noa, Abrahama, Mosesy, Jesoa Kristy, ary Joseph Smith. Nanomboka fotoampitantanana iray ny Tompo tamin'ny alalan'ny tsirairay avy tamin'ireo mpaminany ireo.



SARY NATAON'I BEN SIMONSEN

*Mba hampianarana ny filazantsara, dia tokony ho afaka hanazava ny atao hoe apôstazia, fotoampitantanana, ary ny Famerenana amin'ny laoniny ianao. Afaka manampy ity tabilao ity.*




## APÔSTAZIA

Apôstazia=faharatsiana. Rehefa miala amin'ny fahamarinana ao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny olona iray na ny andian'olona iray, ary mandà ny mpaminany sy manomboka manota, dia ao anatin'ny apôstazia izy ireo.

## FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

Ny famerenana amin'ny laoniny dia ny famerenana zavatra iray ho amin'ny toetrany tany am-piandohana. Tsy fanavaozana izany, izay manova zavatra iray efa misy mba hamoronana zavatra vaovao. Ohatra, raha te hamerina amin'ny laoniny ny trano efa antitra iray ianao, dia hamerina hanangana izany amin'ny rafi-trano izay nananany tany am-boalohany. Mety te hanampy cheminée vaovao ianao, fa amin'izay fotoana izay ianao dia manova ilay trano, fa tsy mamerina izany amin'ny laoniny.



Nilaina naverina tamin'ny laoniny ny filazantsaran'i Jesoa Kristy satria tsy teo intsony izany nandritra ny Apôstazia Lehibe. Niaina nandritra ny taonjato maro tsy nisy ny Fiangonana marina ny olona. Noho izany ny Tompo dia *namerina tamin'ny laoniny* ny Fiangonany sy ny filazantsara tamin'ny alalan'i Joseph Smith, tahaka izay naminanian'ireo mpaminany fahiny izany (jereo ny Isaia 2:1–3; 29:13–14; Asan'ny Apostoly 3:19–21; Apokalypsy 14:6–7; 2 Nefia 3:3–15).

Hitoetra eto foana ny filazantsara marin'i Jesoa Kristy, ka moa ve ianao hijanona ho mahatoky amin'izany mandritra ny fotoana maha-eo izany? Na dia miharatsy hatrany hatrany aza izao tontolo izao, dia hitoetra hatramin'ny farany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.

Manana safidy tokony hatao ianao, dia ilay safidy efa nataon'ny olombelona rehetra hatrany am-piandohana: hanaraka ny mpaminany ve ianao? Raha manao izany ianao dia hotahiana sy hanana ny Fanahy hitarika anao.

# IREO MPITARIKA IREO FOTOAMPITANTANANA

Ireo mpaminany ireo dia nantsoin' Andriamanitra "noho ny finoany fatratra sy ny asa soany" (Almà 13:3; jereo koa ny Abrahama 3:22–23). Naverina tamin'ny laoniny tamin'ny Mpaminany Joseph Smith ny fanalahidin'ny fisoronana notanan'izy ireo.
Ireto misy zavatra vitsivitsy mahaliana momba ireo mpaminany ireo. Jereo ny zavatra hafa azonao ianarana momba azy ireo rehefa mandalina ny soratra masina ianao.



## ADAMA

I Adama dia tena mpamaky lay: izy no lehilahy voalohany teto an-tany sady mpaminany voalohany. Nampianariny ny fianakaviany ny filazantsara, kanefa na dia tany am-piandohana aza, dia maro no "nikatsaka ny toroheviny ihany tao amin'ny maizina" ka nandà ny fahamarinana (Mosesy 6:28).



## ENÔKA

Efa nandre mikasika ny tanàna iray manontolo nakarina tany an-danitra ve ianao? Ny tanànan'i Ziona, izay naorin'i Enôka, dia tena marina tokoa ka dia lasa niara-nitoetra amin' Andriamanitra ireo vahoaka tao (jereo ny Mosesy 7:23).




## NOA

Mahafantatra ny tantaran'ny sambofiaran'i Noa ianao. Olona valo ihany, dia ny fianakavian'i Noa, no tafavoaka velona tamin'ilay Safodrano satria nihaino ny fampitandremán'i Noa izy ireo (jereo ny Genesisy 7; Mosesy 8). Fa fantatrao ve fa teo amin'ny faha-10 taonany izy no nandray ny fisoronana (jereo ny F&F 107:52) ary nisy "olona goavam-be . . . [nitady an'i] Noa hanala ny ny ainy"? (Mosesy 8:18).

## ABRAHAMA

Efa saika nataon'ny mpisorona ratsy fanahy sorona i Abrahama, saingy nisy anjely nanavotra azy (jereo ny Abrahama 1). Nahazo fanambarana vitsivitsy mahatalanjona izy, anisan'izany ny fahitana iray nahitany ny fiainana talohan'ny nahaterahana. Taranany ny mpikamban'ny Fiangonana, ary nampitondrana ny anarany ny fanekempihavanan'i Abrahama. (Jereo ny Abrahama 2–5.)





## MOSESY

Nitarika ny Isiraelita niala avy tao Egypta i Mosesy ary nanampy azy hahazo fahafahana. "[Nikatsaka] tamin'ny fahazotoana tokoa [izy] hanamasinana ny vahoakany, ka hahazoan'izy ireo mahita ny tavan' Andriamanitra; nefa nohamafisin' izy ireo ny fony ka tsy tantin'izy ireo ny fanatrehana Azy" (F&F 84:23–24). Raha ny marina, dia nirenireny tany an-tany efitra nandritra ny 40 taona izy ireo noho ny fihemorany!





## NY APÔSTAZIA LEHIBE

Taorian'ny Fitsanganan'ny Mpamonjy tamin'ny maty dia niezaka nampiely ny filazantsara ny Apôstôliny sy ireo mpitarika hafa tao amin'ny Fiangonana, saingy nolavin'ny olona ny fampianaran'izy ireo, ary novonoin'izy ireo mihitsy aza ny ankamaroan'ireo Apôstôly. Noho ny faharatsian'ny olona dia tsy teto an-tany intsony ny fahafenoan'ny filazantsara. Tafalatsaka tao anatin'ny haizina ara-panahy izao tontolo izao (jereo ny Isaia 60:2).

- Nandritra ny 1.000 taona mahery, dia tsy afaka nandray ny ôrdônansin'ny famonjena, ny fitahiana avy amin'ny tempoly, na ny fitarihan'ny mpaminany ny olona.
- Tsy hita tao amin'ny Baiboly intsony ireo fahamarinana sarobidy.
- Hevi-diso maro no nampianarina momba ny tena toetran' Andriamanitra.
- Novaina na nampianarina tamin'ny fomba diso ny sasany tamin'ireo ôrdônansin'ny famonjena (jereo ny Isaia 24:5).
- Ity apôstazia ity tamin'ny farany dia nitarika ny fiforonan'ny fiangonana maro.



## JESOA KRISTY

Tsy vitan'ny hoe nampianatra ny filazantsara sy nanatontosa fahagagana maro fotsiny i Jesoa Kristy, fa nanorina ny Fiangonany teto an-tany koa Izy. Nanao sorona fanavotana noho ny fahotantsika Izy ary nohomboina sy nitsangana tamin'ny maty mba hanomezana fahafahana antsika handresy ny fahafatesana ara-panahy sy ara-batana. Izy no lohan'ny Fiangonany amin'izao fotoana izao, ary Izy sy ny Ray any Andanitra no loharanon'ny fahefan'ny fisoronana.



## NY FANAVAOZANA

Nandritra ny Apôstazia Lehibe, dia nahatsikaritra ny sasany tamin'ireo olona tena nifantoka tamin'ny fivavahana tao Eorôpa fa tsy nampianarina araka ny tokony ho izy ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Ireo mpanavao ireo dia tsy mpaminany, kanefa nanao izay azony natao rehetra izy ireo mba hampianarana ny fahamarinana araka izay nahatakarany izany. Nanampy tamin'ny fanomezana fahafahana ny olona hampiasa ny Baiboly izy ireo. Maro ireo izay niady ho an'ny fahalalahana ara-pivavahana ka dia nahatonga ny Famerenana tamin'ny laoniny ny filazantsara ho azo notanterahina.



## JOSEPH SMITH

Ka very tanteraka ary ve ny fahafenoan'ny filazantsara? Tsia! Nanambara fahamarinana manan-danja tamin'i Joseph Smith indray Andriamanitra. Nisy iraka avy any an-danitra namerina tamin'ny laoniny taminy ireo fanalahidin'ny fisoronana nilaina rehetra (jereo ny F&F 27:8–13; 110; 128:18–21), ka nahatonga an'izao fotoana izao ho ny "fitantanan'ny fotoam-pahafenoana" (F&F 138:48). Antsoina hoe andro farany ihany koa izany satria izao no fotoam-pitantanana farany mialoha ny Fiavian'i Jesoa Kristy Fanindroany.

**Eto no misy anao**

## NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY

Mba fantatrao ve? Nahazo ny fitahiana avy amin'ny Famerenana amin'ny laoniny IANAO. Eny, ianao!

- Naverina tamin'ny laoniny niaraka tamin'ny mpaminany sy apôstôly mba hitarika izany ny Fiangonan'i Jesoa Kristy.
- Ny Bokin'i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ny Voahangy Lafo Vidy, ary ireo fanambarana maoderina dia namerina tamin'ny laoniny ireo fahamarinana sarobidy izay very (jereo ny 2 Nefia 27).
- Nahazo ny Fisoronana Aharôna avy tamin'i Jaona Mpanao Batisa i Joseph Smith (jereo ny F&F 13) ary ny Fisoronana Melkizedeka avy tamin'ny Apôstôly isany Petera sy Jakoba ary Jaona (jereo ny F&F 128:20).
- Mpihazona ny fisoronana manana fahefana no manatanteraka araka ny tokony ho izy ireo ôrdônansin'ny famonjena.
- Ary fantatsika fa tsy ho very na oviana na oviana indray ao anatin'ny apôstazia ny fahamarinana (jereo ny Daniela 2:44). ■



*Rehefa mianatra momba an'i Jesoa Kristy ianao dia manasa ny fiadanany sy ny fanatrehany ho ao amin'ny fiainanao.*

**Nosoratan'i Sarah Hanson**

Alaivo sary an-tsaina hoe mamaky ny *zava-drehetra* mikasika ny Mpamonjy ao amin'ny soratra masina ianao, dia ny Baiboly Masina, ny Bokin' i Môrmôna, ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy izany. Hitaky fotoana sy asa maro izany! Kanefa tamin'ny janoary 2017, ny Filoha Russell M. Nelson dia nampanao fanamby mba hanao izany fotsiny, dia ny handalina ny zavatra rehetra izay nolazain'i Jesoa sy nataony ao anatin'ireo soratra masina nankatoavina. Nilaza ny Filoha Nelson fa lasa "lehilahy hafa" izy rehefa nahatanteraka izany tetikasa izany. Tsy hoe nianatra bebe kokoa momba an'i Jesoa Kristy fotsiny izy fa nahatsapa koa ny fihavaozan'ny fanolorantenany Aminy.[1]

Ianao koa dia afaka manakaiky kokoa an'i Kristy rehefa mianatra momba Azy. Ny fandalinana ny fiainany sy ny tanjony dia manasa ny fiadanany ho tonga ao amin'ny fiainanao ary manampy anao hahafantatra Azy sy ny Rainao any An-danitra. Jereo ny fomba namalian'ny zatovo ireto fanontaniana anankiroa ireto: (1) Inona ny tantara momba ny Mpamonjy izay tianao indrindra ao amin'ny soratra masina ary nahoana? (2) Ary nitondra fiadanana ho anao tamin'ny fomba ahoana ny fandalinanao ny filazantsara?

SOMBINY AVY AMIN'NY *AIZA IREO SIVY*, NATAON'I LIZ LEMON SWINDLE

# MAMANTATRA NY MPAMONJY

Tiako ilay tantara momba ireo boka 10 satria i Kristy dia nampiseho fitiavana lehibe an'ilay boka izay nisaotra Azy. Hoy izy hoe: "Ny finoanao no efa nahavonjy anao" (Lioka 17:19; jereo ny andininy 11–19). Tiako ilay hatsaram-panahy amin-kitsimpo nasehony tamin'ny rehetra.

Noho ny loza nitranga vao haingana tany an-tsekoliko dia mila fiadanana sy fankaherezana be dia be ny olona rehetra any. Nahazo hery sy fiadanana aho tamin'ny alalan'ny fianarako tao amin'ny seminera. Ireo mpampianatra ao amin'ny seminera dia tena mampifanaraka ny soratra masina sy ny filazantsara amin'ny zavatra ilain'ny tsirairay. Tena mahafinaritra ny mahita ny fahasamihafana misy eo amin'ny toeram-pianarana seminera sy ny toeram-pianarana mahazatra. Misy zavatra hafa tsapa fotsiny ao izay mitondra fiadanana.


***Gabriel S., 16 taona, Colorado, Etazonia***

Ny tantaran'i Almà mikasika ny finoana sy ny tenin' Andriamanitra (jereo ny Almà 32:18–43) dia nampianatra ahy fa rehefa mamafy fitiavana isika dia mahazo fitiavana. Nohazavain'i Almà tamin'ireo Zoramita fa ny finoana dia toa ny voa iray. Izany dia finoana fa marina ny zavatra iray nefa tsy hita maso akory izany. Ny finoana dia mitombo rehefa manana faniriana ny hino sy hihaino ny tenin'ny Tompo ny olona iray. Ireo zavatra ireo dia nanampy ahy ho tony, sy nampatanjaka ny foko ary nahazoako fijoroana ho vavolombelona fa ny Ray any An-danitra dia mahita ahy amin'ny maso feno fitiavana sy famindrampo.

Rehefa mandalina ny soratra masina isan'andro aho dia mahatakatra tsara kokoa ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika tsirairay avy. Io fahalalana io dia manampy ahy mba hanazava amin'ireo namako any an-tsekoly fa tsy irery izy ireo rehefa manana olana satria misy Andriamanitra iray izay tia antsika.

***Maria D., 17 taona, Guadalajara, Espagne***

Tiako ny ao amin'ny 3 Nefia 17 rehefa nitsidika an'i Amerika ny Mpamonjy ary nanasa ny ankizy hanatona Azy. Niaranipetraka tamin'izy ireo Izy ary nanokana fotoana ho azy tsirairay. Tantara iray mahavariana izany ho ahy izay mampiseho hoe iza i Jesoa Kristy sy mampiseho ny fitiavany lehibe antsika tsirairay avy. Mino aho fa hiaraka hipetraka



SOMBINY AVY AMIN'NY *I KRISTY SY IREO ANKIZY AO AMIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA*, NATAON'I DEL PARSON



amintsika tsirairay koa izy rehefa mila ny fanampiany isika. Tamin'ity taona ity dia nampanao fanamby ny tenako aho mba hamaky pejy iray ao amin'ny soratra masina isan'andro. Rehefa nanao izany aho dia lasa niandrandra ny hanaovako izany isan'andro. Nianatra zavatra maro be avy amin'ireo teny sy tantara ao amin'ny soratra masina aho rehefa niezaka ny nanokana fotoana mba hahatakarana izany, ary lasa nanakaiky kokoa ny Raiko any Andanitra sy ny Mpamonjy ahy aho rehefa nianatra mikasika azy ireny koa. Nitondra fiadanana be teo amin'ny fiainako izany.

***Anna C., 17 taona, Montana, Etazonia***

Tiako ilay fotoana nandehanan'i Kristy tany Amerika, sy ny nanontaniany raha nisy narary sy ory teo anivon'izy ireo, dia nositraniny izy ireo. Dia nitsodrano ny ankizy madinika Izy. (Jereo ny 3 Nefia 17.) Tantara tena mahafinaritra sy mahery vaika izany ho ahy. Tiako ny ankizy madinika ary tiako rehefa omen'ny olona fitiavana fanampiny izy ireo satria tena madio ny ankizy. Ilay tantara dia mampiseho ahy ny halalin'ny fitiavan'ny Mpamonjy antsika tsirairay. Koa satria Izy tia tokoa ny olona tamin'izany fotoana izany ka nahatonga azy nanao ireo zavatra izay nataony, dia afaka mitia antsika koa Izy amin'izao fotoana izao.


Ny Isaia 53:3 dia milaza fa ny Mpamonjy dia "Lehilahy ory sady zatra fahoriana." Rehefa mieritreritra ny Sorompanavotan'i Kristy aho sy ny zavatra nozakainy ho antsika ary ny fahafahako mahazo famelan-keloka rehefa mibebaka amin'ny fahotako, dia tena mahatsapa fiadanana aho. Olona maro tao amin'ny Bokin'i Môrmôna, toa an'ireo zanakalahin'i Môsià, i Amôna, ary i Almà Zanany, no nanao fahadisoana tamin'ny lasa saingy afaka nahazo famelan-keloka. Nitodika tany amin'i Kristy izy ireo, dia nibebaka ary lasa ohatra tena tsara izay azontsika ianarana amin'izao fotoana izao. Tena mampahery ahy ny fahafantarana fa afaka ny ho voavela koa aho.

***Alina T., 18 taona, Oregon, Etazonia***

Ny tantara tena tiako ao amin'ny soratra masina momba an'i Jesoa dia tamin'ny fotoana nanovany ny rano ho lasa divay nandritra ny lanonam-panambadiana iray, rehefa nobitsihin'ny reniny izy (jereo ny Jaona 2:1–11). Tena tiako izany satria ilay tantara dia mampiseho ny fanajan'i Jesoa ny vehivavy, indrindra ny reniny. Io tantara io dia mamporisika ny ankizy mba hankatò ny ray aman-dreniny tsy noho ny fahatahorana fa noho ny fitiavana lehibe. Ny ohatra nasehon'i Jesoa Kristy no tokony hoezahin'ny rehetra hatao. Tsy nitsahatra velively ny fitiavany ny reniny ary tsy tokony hitsahatra velively koa ny fitiavantsika ny ray aman-drenintsika. Andinin-tsoratra masina tena tiako koa izany satria asa fanompoana ilay fahagagana nataony ary isika koa dia afaka mamorona fahagagana amin'ny alalan'ny fanampiana ny hafa.

Io tantara io sy ireo tantara hafa ao amin'ny soratra masina dia nitondra fiadanana ho ahy. Tena mankahery ny mahafantatra fa raha miezaka ny mianatra momba an'i Kristy foana aho ary

SOMBINY AVY AMIN'NY *I KRISTY SY ILAY TOVOLAHY MPANANKARENA*, NATAON'I GARY L. KAPP



## MIFANTOHA AMINY

"Tsy maintsy aorina mafy eo amin'ny Mpamonjy sy ny filazantsarany ny fifantohantsika. Mitaky ezaka ara-tsaina be ny fiezahana mibanjina Azy amin'ny *eritreritra* rehetra. Kanefa rehefa manao izany isika dia hisinda ireo tahotra sy ahiahy."

**Filoha Russell M. Nelson, "Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany apr. 2017.**

manaraka ny fampianarany, dia afaka ny hiverina any amin'ilay Raintsika any An-danitra indray andro any.

***Anne R., 17 taona, Victoria, Australie***

---

Tiako ny tantaran'i Kristy sy ilay tovolahy mpanankarena iray (jereo ny Marka 10:17–22). Manome ahy hevi-baovao sy fomba fijery mikasika ny fanaovana ho lohalaharana an' Andriamanitra ambonin'ny zavatra rehetra izany. Ny fangatahana ny tena mba hivarotra ny fananana rehetra eto an-tany dia ho fangatahana tena sarotra saika ho an'ny olona rehetra. Kanefa mihevitra aho fa ny fahavononana hametraka an' Andriamanitra ho eo ambonin'ireo fananana dia iray amin'ireo zavatra ilaintsika tsirairay ianarana eo amin'ny fiainana. Tena mampitolagaga ny fitiavan'i Jesoa Kristy tsy manam-petra. Tena tsara kokoa noho ny totalin'ny vola na ny fananana azontsika eto amin'ity fiainana ity izany.

Mitondra fiadanana sy fampaherezana ary koa fahendrena sy fahatakarana lehibe kokoa ny famakiana ny soratra masina. Na dia tsy tonga dia mahatsapa ny herin'ny fandilanana ny soratra masina aza aho, dia fantatro fa misy fiantraikany tsara eo amin'ny fiainako ny famakiana ny soratra masina ary manampy ahy hahatsapa ny Fanahy sy hahafantatra ny bitsiny.

***Yuzhen C., 19 taona, Taichung, Taiwan***

---

Raha teny an-dalana hijery zazavavy iray izay teo am-pialana aina i Kristy, dia nisy vehivavy iray izay narary nandeha ra nikasika fotsiny ny akanjony dia sitrana. Nitodika tany aminy i Kristy ary niresaka taminy rehefa fantany fa nikasika azy Izy (jereo ny Lioka 8:43–48). Na dia handeha hanampy olona hafa aza i Kristy dia nanokana fotoana ho azy koa. Manokana fotoana ho antsika rehetra koa i Kristy.

Tena be zavatra atao aho eo amin'ny fiainana, mihazakazaka mianatra na mamonjy ny fampianarana rindrandihy na manao asa hafa. Mandritra izany rehetra izany dia tsy manana fotoana ho ahy manokana aho ary tsy mahatsapa fiadanana. Rehefa mamaky ny soratra masiko na mivavaka aho dia mahatsapa fiadanana. Tsara ny manana fahatsapana toy izany sy mitsahatra amin'ny firotorotoana. Mandritra izany fotoana ahatsapana fiadanana izany dia mihamanakaiky ny Mpamonjy aho ary mivoatra ao amin'ny filazantsara. ■

***Zoe B., 17 taona, Utah, Etazonia***

---

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

**FANAMARIHANA**


1. Jereo ny Russell M. Nelson, "Mpaminany, fitarihana, ary lalàn' Andriamanitra" (Fampaherezam-panahy maneran-tany ho an'ny tanora tokan-tena sy mpivady vao herotrerony, 8. jan. 2017), broadcasts.lds.org; "Misintona ny herin'i Jesoa Kristy ho eo amin'ny fiainantsika," fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany apr. 2017; "Study the Savior's Words," *Liahona*, Jan. 2018, 56–59.



SOMBINY AVY AMIN'NY *VEHIVAVY IRAY NANENDRY NY SOMOTRAVIAVIN-DAMBAN'I KRISTY*, NATAON'I HEIDI DAYNES DARLEY

# Ny dikan'ny Famerenana amin'ny laoniny ho ahy

Nanomboka ny famerenana tamin'ny laoniny ny Fiangonana rehefa namangy an'i Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy tamin'ny 1820. Taorian'izay, dia nisy zavatra manan-danja hafa nitranga mba hamerenana ny Fiangonan'i Jesoa Kristy teto an-tany. Vakio ireto karatra ireto, dia hetezo, apetaho amin'ny taratasy, ary ataovy ilay kilalao fampifandraisana.



Niseho tamin'i Joseph Smith ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy . . .



. . . ka dia fantatro fa manana vatana tahaka ahy Izy ireo!



Nandika ireo takela-bolamena i Joseph Smith . . .




. . . ka dia afaka mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho!



Nanome ny Fisoronana Aharôna an'i Joseph Smith sy i Oliver Cowdery i Jaona Mpanao Batisa . . .



. . . ka dia afaka ny ho atao batisa ao amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany aho!



Namerina ny Fisoronana Melkizedeka tamin'ny laoniny i Petera, sy i Jakôba ary i Jaona . . .



. . . ka dia afaka mandray ny fanomezana ny Fanahy Masina aho!

SARY NATAON'I ADAM KOFORD



Naorina tamin'ny 6 aprily 1830 ny Fiangonana . . .



. . . ka dia afaka mandeha mivavaka any am-piangonana aho!



Nanangona hira hatao ao anatin'ny fihirana voalohany an'ny Fiangonana i Emma Smith . . .




. . . ka dia afaka mihira hira ao amin'ny fihirana aho!



Nomen'i Elia an'i Joseph Smith tao amin'ny Tempolin'ny Kirtland ny fanalahidy hamehezana ny fianakaviana . . .



. . . ka dia afaka manao tantarampianakaviana sy mankany amin'ny tempoly aho!



Nandidy ny Olomasina tany am-boalohany ny Tompo mba handoa fahafolonkarena, izany hoe 10 isan-jato . . .



. . . ka dia afaka manome fahafolonkarena sy fanatitra amin'ny fifadian-kanina aho!



Nanokatra ny Fikambanana ho an'ny Kilonga i Aurelia Rogers mba hampianarana ny ankizy teo amin'ny manodidina azy . . .



. . . ka dia afaka mandeha ao amin'ny Kilonga aho!





"Amin'ny maha-iray amin'ireo mpanompony ahy dia mijoro ho vavolombelona aho fa i Jesoa Kristy dia Mpanavotra sy Mpamonjy antsika. Fantatro fa velona Izy ary afaka mahazo ilay famindrampony lehibe isika rehetra."

**Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo
*Nalaina avy tamin'ny "The Tender Mercies of the Lord,"* Liahona, *May 2005, 99.*

SARY NATAON'I TAIA MORLEY



# Lesona iray mahatalanjona

**Nosoratan'ny Loholona Valeri V. Cordón**
Ao amin'ny Fitopololahy



*"Hovohàko ny varavaran'ny lanitra ho anareo ka hampidinako fitahiana . . . ho anareo" (Malakia 3:10).*

Rehefa nihalehibe tany Guatemala aho, dia nanana orinasa mpanamboatra fanamiana ho an'ny ekipa mpanao fanatanjahan-tena ny fianakaviako.

Tian'ny dadako hianatra hiasa mafy ny ankizy tao amin'ny fianakavianay. Nanampy azy tao amin'ilay orinasa izahay. Matetika loatra aho no nanao hadalana fony aho mbola kely. Toa manimba zavatra izany foana aho! Fa rehefa lehibe kokoa aho, dia navelan'ny dadako nikarakara an'ireo milina fanaovam-ba.

Nomen'ny dadako karama izahay tamin'ny asa nataonay. Dia nanontany izy avy eo hoe: "Inona izao no hataonao amin'ny volanao?" Fantatro hoe inona ny valinteny marina: "Handoa ny fahafolonkarenako dia hanangom-bola hanaovako asa fitoriana."

Rehefa teo amin'ny 13 taona teo aho dia very vola be ny orinasanay. Tsy maintsy nesorinay ny maro tamin'ireo milina fanaovam-banay. Raha tokony hanana mpiasa roanjato izahay, dia lasa latsaky ny dimy izany. Niasa tao amin'ny fitoeran'ny fiaranay tao an-trano izy ireo.

Nandoa ny fahafolonkarenako foana aho hatrizay, fa tsy mbola tena takatro mihitsy ny lanjan'izany. Dia nianatra lesona mahatalanjona aho avy eo. Indray sabotsy maraina dia nahare ireo ray aman-dreniko niresaka moramora aho. Nilaza tamin'i neny i dada fa vola ampy handoavana fahafolonkarena na hividianana sakafo no sisa tao. Tsy ampy hanaovana azy roa izany. Nanahy aho. Inona no hataon'ny dadako?

Ny alahady dia hitako ny dadako nanome valopy iray an'ny filohan'ny sampana misy anay. Nisafidy ny handoa fahafolonkarena izy! Faly aho fa nanao izany izy, fa nanahy ihany koa aho. Inona no hohaninay?

Ny ampitso marainan'izay dia nisy olona vitsivitsy nandondona ny varavaranay. Nilaza tamin'ny dadako izy ireo fa nila fanamiana teo no ho eo. Raha ny mahazatra dia rehefa vita ny asa nampanaovina vao manome karama anay ny olona. Fa ireo olona ireo dia nandoa ny karaman'i dadako tamin'io andro io, na dia mialoha ny nanamboaranay ireo fanamiana aza!

Tao anatin'ny faran'ny herinandro iray no nianarako lesona tena tsara izay tsaroako nandritra ny androm-piainako. Ny lalàn'ny fahafolonkarena dia manampy antsika hampiorina ny finoantsika sy haneho fankasitrahana ny Ray any An-danitra. Fitahiana ny fandoavana fahafolonkarena! ■

SARY NATAON'I BRANDON DORMAN

# Ny tsena fivarotana kiraron'i Abuelo

**Nosoratan'i Ray Goldrup**
Niainga tamin'ny tantara marina

*"Tsy mora foana ny miteny hoe—mifona aho—* (Children's Songbook, *98).*

Nosokafan'i Miguel ny varavarana mankao amin'ny tsena fivarotana kiraron'i Abuelo (ny dadabeny). Nofofoniny ilay hoditra nampiasain'i Abuelo. Izay no fofona anisan'ny tiany indrindra.

"Manahoana i Abuelo!"

Teo am-pandohalihana nanoritra ny tongotry ny mpanjifa iray tamin'ny taratasy iray i Abuelo. Tsy nitraka izy. Tsy dia maheno tsara i Abuelo.

Nipetraka teo amin'ny seza fiasana iray i Miguel. Nijery ireo antontana hoditra efa voatapatapaka izy. Nalainy sary an-tsaina ny zavatra mety hataon'i Abuelo amin'ny tsirairay amin'izy ireo rehefa mampiasa maritoa sy tandra.

Nampahatsiahy an'i Miguel zavatra hafa tena tiany ireo fitaovana. Nanome azy vatomamy foana i Abuelo rehefa nanampy nanadio i Miguel.


Fa noana anefa i Miguel tamin'izay fotoana izay! Fantany fa tsy tokony haka vatomamy izy raha tsy mangataka, saingy toa mbola ho sahirana elaela i Abuelo raha ny fijery azy. "Mety tsy voatery hiandry aho angamba," hoy i Miguel nieritreritra.

Notakarin'i Miguel tao ambany latabatra fivarotana ilay fitoerana vatomamy. Feno ny vatomamy tena tiany ilay izy. Mamy sy masiaka misy vovoka sakay mena lava. Rehefa nosokafan'i Miguel ilay izy dia tsy nahazo aina kely izy. Fa toa tena matsiro anefa ny fijery ilay vatomamy. Nalainy haingana ilay izy dia nampidiriny tao am-bavany.

Vetivety taorian'izay dia lasa ilay mpanjifa. Naka sombina hoditra i Abuelo dia nandena izany tamin'ny rano. Manampy amin'ny fihazonana ilay hoditra ho malefaka sy mora iasana izany.



*"Hitanao, mila mitovy bebe kokoa amin'ity kiraro ity isika," hoy i Dadabe.*



Nohanin'i Miguel haingana araka izay azony natao ny ambin'ilay vatomamy. Dia nankeny amin'i Abuelo izy.

"Manahoana!" Hoy i Abuelo sady nitsiky. "Faly aho fa tonga namangy ahy ianao."

Nofihinin'i Miguel i Abuelo. Nanantena izy fa tsy afaka hilaza i Abuelo hoe nihinana vatomamy iray izy. Mody tsy taitra toy ireny tsy nanao na inona na inona ireny i Miguel.

"Toa be asa be ianao izany androany," hoy i Miguel, sady nanondro ireo antontana hoditra. Mila fanampiana ve ianao?

"Eny tokoa! Azonao omena ahy ve io kofehy io?"

Nanakatra kofehy lava be i Miguel. Nohenjaniny teo anelanelan'ny tanany ilay izy. Mafy kokoa noho ny fahitana azy izany.

"Oay! Mafy be ity."

Nihomehy i Abuelo. Tsy maintsy mafy mba haharitra ny gidragidram-piainana hampiasan'ny olona azy." Nosintonin'i Abuelo hiditra tamin'ilay hoditra ilay kofehy. Dia hita nisoritra teo amin'ny tarehiny ilay antsoin'i Mamá indraindray hoe endrika "hendrin'i Abuelo".

"Hitanao, mila mitovy bebe kokoa amin'ity kiraro ity isika," hoy i Abuelo sady nanatokatoka ny lohany.

Nijery akaiky ilay hoditra i Miguel. "Mh! Tokony ho toy izany ve isika?"

"Eny tokoa. Mila mijanona ho matanjaka isika? Amin'izay dia tsy hanimba antsika ny fakam-panahin'i Satana."

Nitamberina toy ny tselatra tao an-tsain'i Miguel ilay vatomamy mena. Fantany fa tokony holazainy an'i Abuelo ilay izy.

Nandray kiraro tonta teo amin'ilay talantalana i Abuelo. "Jereo ity lavaka be ity?"

Afaka manatsofoka ny tanany ao amin'ilay lavaka angamba i Miguel. "Ie!"

"Lavaka kely azo namboarina mora foana ity taloha. Fa niandry izy ireo, ary amin'izao izany dia ho lasa sarotra amboarina kokoa. Ny fahazaran-dratsy sy ny safidy ratsy dia tahaka ity lavaka ity. Ny manamboatra izany aloha no tsara indrindra."

Nanatokatoka ny lohany indray i Abuelo, dia nivadika ho tsiky ilay endrika hendrin'i Abuelo. Nanohy niresaka izy ireo sady niasa i Abuelo. Nieritreritra ilay vatomamy mena foana i Miguel nandritra ilay fotoana. Rehefa vita ny asan'i Abuelo dia nanampy nanadio i Miguel. Dia naka ilay fitoerana vatomaminy i Abuelo.

Nony farany dia tsy nahatanty intsony i Miguel. "Nalaiko ny iray tamin'ireo vatomaminao!" hoy izy niteny tampoka.

Napetrak'i Abuelo ilay boaty. "Inona izany?"

Notantarain'i Miguel taminy ny nakany ilay vatomamy kanefa tsy niera. "Mifona aho Abuelo a! Tsy hanao izany intsony aho. Marina e!"


Nofihinin' i Abuelo mafy i Miguel. Nahazo aina bebe *kokoa* i Miguel.

"Misaotra noho ny fahamarinan-toetranao. Manandanja amiko kokoa izany noho ny zavatra hafa."

Rehefa nandeha nody i Miguel dia nahatsapa ho toy ny iray amin'ireo kiraro vaovao namboarin'i Abuelo izy. Faran'izay matanjaka sy vonona ny hiatrika ny fiainana! ■

*Monina any Utah, Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I DONALD WU



## FAHATSAPANA TSARA

Indray mandeha izaho sy i neny dia nandeha nandoa ny fakitioran-dranon'i neny, ary nilatsaka ny vola betsabetsaka tany amin'ilay lehilahy teo alohanay, saingy tsy fantany izany. Nandeha haingana aho naka izany dia naveriko taminy ilay izy. Hoy izy hoe "Misaotra betsaka," dia nilaza izy fa tsy inoany hoe hanao izany ny ankizy hafa. Nanana fahatsapana tena tsara aho taorian'izay. Ho tadidiko foana izany fahatsapana tsara izany.

**Brianna C., 9 taona, Idaho, Etazonia**

# Sahia maneho HATSARAM-PANAHY!

Mandrehitra ny fahazavako amin'ny alalan'ny fanehoana hatsaram-panahy amin'ny hafa aho.



**Manahoana!** Claudia no anarako ary mipetraka any Australie aho.

**I Tyler anadahin'i Claudia**

### Mijoro ho an'ny hafa aho

Misy ankizilahy iray sahirana amin'ny fianarana ao amin'ny kilasiko. Miaro azy aho rehefa manaraby azy ny olona, ary manampy azy aho rehefa mila izany izy. Nilaza ny mpampianatra ahy fa ity no hany taona nahatsapany fa manana ny toerany ao amin'ilay kilasy izy.



### Ny orsa kely kilalaoko

Rehefa maty ny dadatoan'ilay mpampianatro dia nalahelo mafy izy. Tsy nahafantatra ny Fiangonana izy, ka dia nolazaiko azy fa tia azy ny Ray any An-danitra. Nanamboarako karatra kely izy dia nolazaiko azy tao fa mbola hahita ny dadatoany indray izy. Nomeko azy ilay orsa kely kilalaoko miavaka mba hanampy azy hiaritra ireo fotoana hahatsapana alahelo.



### Ny fihirana sy ny Fanahy Masina

Tiako ny mihira ireo hira ao amin'ny *Chants pour les Enfants*. Milaza ny fianakaviako fa manampy azy ireo hahatsapa ny Fanahy Masina izany. Manome ahy fahatsapana hafanana ao anaty ny Fanahy Masina.



### Mpinamana samy tsara vintana

I Olivia mpifanolobodirindrina amiko dia manana olana amin'ny fandehanana sy ny firesahana ary ny fandrenesana. Nilaza ny renin'i Olivia fa tsara vintana i Olivia noho ny fananany namana tahaka ahy. Izaho koa mba tsara vintana!

## AHOANA NO AHAFAHA-A NAO HAMIRATRA?

SAHIA minamana amin'ireo olona tsy manana namana betsaka.

SAHIA manampy ireo mpifanolobodirindrina aminao.

SAHIA manasa namana ho any am-piangonana.

SAHIA mihira!



## ANDEFASO KINTANA IZAHAY!

Ahoana no fomba ataonao mba hampamirapiratra ny fahazavanao, araka izay nasain'i Jesoa nataontsika? Alefaso email ao amin'ny liahona@ldschurch.org ny sarin'ny kintana nataonao miaraka amin'ny tantaranao sy ny sarinao, miaraka amin'ny fanomezan-dalana avy amin'ny ray aman-dreninao.

SARINA KOALA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES

# Very dia hita indray

**Nataon'i Cael S., 8 taona, Virginia, Etazonia**



Fantatro fa mamaly vavaka ny Ray any An-danitra. Rehefa nipetraka tany Alemana ny fianakaviako dia nandeha nanao *Volksmarch* tao amin'ny tanànanay izahay. Ny *Volksmarch* dia fotoana iray ahafahan'ny mpinamana sy ny mpiray vodirindrina miaraka amin'ny alalan'ny fiarahana mitsangantsangana eny anivon'ny zavaboary. Nilaza ireo ray aman-dreniko fa afaka mandeha mialoha lalana ilay andiany miaraka amin'ny iray amin'ireo namako aho, ka dia nanomboka nandeha tamin'ilay lalana lava be izahay.

Minitra vitsy taorian'izay dia tsy nahita na iza na iza tao amin'ny fianakaviako aho. Niteny tamin'ilay namako aho hoe handeha hijanona eo amin'ilay lalana aho dia hiandry azy ireo. Vetivety teo dia tsy nisy hitako intsony na ilay namako na ny fianakaviany, ary tsy mbola tonga ireo ray aman-dreniko. Tavela irery tao anaty ala aho, ka dia natahotra. Nanapa-kevitra ny hivavaka aho mba hisy olona hahita ahy.

Tany amin'ny toerana hafa tao anatin'ilay ala, dia nahatsapa ny Fanahy Masina ny dadako niteny taminy hoe "Mandehana tadiavo ny zanakao." Tsapany fa tena nila azy aho, ka dia niverina ny dadako sady niteny tamin'ny neniko fa handeha hitady ahy izy. Minitra vitsy taorian'izay dia tonga nihazakazaka nankeo amin'ilay lalana niandrasako ny dadako ka dia hitany aho. Faly ery aho nahita ny dadako! Rehefa notantarainy tamiko ny nananany fahatsapana mahery vaika fa nila fanampiana aho, dia fantatro fa namaly ny vavaka nataoko ny Ray any An-danitra.

Faly ery aho mahafantatra fa na aiza na aiza no misy ahy dia afaka miresaka amin'ny Ray any An-danitra aho. Hanampy ahy hahita ny lalako Izy. ■



SARY NATAON'I SHEYDA ABVABI

# NY PEJINTSIKA




*Natahotra aho tamin'ny batisako, fa rehefa niroboka tao anaty rano aho dia nahatsapa fifaliana sy fahasambarana feno.*

**Thomas B., 8 taona, Uruguay**



*Nandeha niala avy any Cambodge nankany amin'ny Tempolin'i Hong Kong Chine izahay mba hahafahana mamehy an'i Laura zandrikeliko vavy tamin'ny fianakavianay. Nahatsapa ny Fanahy aho tao amin'izany toerana miavaka izany.*


**Rosa P., 9 taona, Cambodge**



*Indray mandeha tao an-dakilasy dia namaky boky tamim-pahanginana aho, raha toa kosa ny ankizy hafa rehetra ka nilalao jeu de société. Rehefa naneno ny lakolosy fanairana dia nasesik'izy ireo tao amin'ilay talantalana fotsiny ireo kilalao ka dia nikorontana be. Nanomboka nandamina an'ilay izy aho, ary vetivety teo dia nanomboka nanampy ny hafa rehetra. Namela ny fahazavako hamiratra ny fanehoako ohatra tsara.*

**Winnie W., 10 taona, Kanadà**





*Rehefa feno valo taona aho dia namonjy ny batisako ny ray aman-drenibeko sy ny namana maro. Ny raiko no nanao batisa sy nanatanteraka ny fandraisana ahy ho mpikambana. Taty aoriana dia nanome 30 santimetatra tamin'ny voloko ho an'ny ankizy iray voan'ny homamiadana aho. Nitondra fifaliana lehibe ho ahy ny tsingerintaona nahaterahako!*

**Lavona R., 8 taona, Indonésie**

# Namidy tany Egypta i Josefa

Nosoratan'i Kim Webb Reid




Nanana rahalahy miisa 11 i Josefa. Nomen'ny rainy akanjo lava miloko tsara tarehy izy. Nilaza tamin'i Josefa Andriamanitra fa izy no hitarika ireo rahalahiny.



Tezitra ireo zokin'i Josefa lahy. Tsy tian'izy ireo ho mpitarika azy izy! Namidin'izy ireo tamin'olona handeha ho any Egypta izy ary lasa andevo.

SARY NATAON'I APRYL STOTT

Niasa mafy i Josefa. Nanao safidy tsara izy na dia nilaza zavatra tsy marina momba azy aza ny olona ary nanagadra azy.





Natoky an' Andriamanitra i Josefa na dia nandritra ireo fotoan-tsarotra aza. Niaraka tamin'i Josefa Andriamanitra. Lasa mpitarika tany Egypta i Josefa! Rehefa nihalehibe izy dia nanampy tamin'ny fitarihana ny fianakaviany izy toy ny nolazain'Andriamanitra.



Afaka matoky an' Andriamanitra tahaka ny nataon'i Josefa aho. Afaka misafidy ny tsara aho. Hiaraka amiko Andriamanitra na inona na inona mitranga. ■

*Avy ao amin'ny Genesisy 37–41.*

# Hoy i Jesoa hoe "Avia, manaraha Ahy."



SARY NATAON'I APRYL STOTT



**Nosoratan'ny Loholona D. Todd Christofferson**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# NY MAHA-TENA NISY NY FITSANGANANA TAMIN'NY MATY

*I Jesoa Kristy raha ny marina no hany anarana na fomba izay ahafahan'ny famonjena ho tonga amin'ny zanak'olombelona.*



Eritrereto vetivety ny maha-zavadehibe ny Fitsanganana amin'ny maty eo amin'ny famahana tanteraka amin'izay, ny mahakasika ny hoe iza marina moa i Jesoa avy any Nazareta sy ny momba ireo adihevitra lehibe ara-pilôzôfia sy ireo fanontaniana lehibe eo amin'ny fiainana. Raha tena nitsangana tamin'ny maty ara-bakiteny tokoa i Jesoa, dia tsy maintsy mandeha ho azy avy amin'izany ny hoe olona iray izay andriamanitra Izy. Tsy misy olona tsotra mety maty ka hanana fahefana avy amin'ny tenany hiverina ho amin'ny fiainana indray rehefa avy maty. Koa satria Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy afaka ny ho mpandrafitra fotsiny ihany i Jesoa na ho mpampianatra fotsiny, na ho rabbin fotsiny na ho mpaminany fotsiny. Noho Izy nitsangana tamin'ny maty, dia tsy maintsy hoe Andriamanitra i Jesoa Kristy, dia ilay Zanaka Lahitokan'ny Ray.

Noho izany, dia marina ireo zavatra izay nampianariny; tsy afaka mandainga Andriamanitra.

Noho izany, dia Izy no Mpahary ny tany araka izay nolazainy.

Noho izany, dia tena misy ny lanitra sy ny helo, araka izay nampianariny.

Noho izany, dia misy ny tontolon'ny fanahy izay novanginy taorian'ny nahafatesany.

Noho izany, dia ho avy indray Izy araka ny nambaran'ilay anjely, ary "hanjaka eto an-tany mihitsy" [Fanekem-pinoana 1:10].

Noho izany, dia misy ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny Fitsarana farany ho an'ny olon-drehetra.

Noho ny fisian'ny Fitsanganan'i Kristy amin'ny maty dia tsy mitombina ireo ahiahy momba ny fahatanterahan'ny hery sy ny fahalalana ary ny hatsarampon'Andriamanitra Ray, izay nanolotra ny Zanany Lahitokana mba ho fanavotana an'izao tontolo izao. Tsy marimpototra ireo ahiahy mahakasika ny dikan'ny fiainana sy ny tanjony. I Jesoa Kristy raha ny marina no hany anarana na fomba izay ahafahan'ny famonjena ho tonga amin'ny zanak'olombelona.

Tena marina ny fahasoavan'i Kristy, izay manolotra ny famelan-keloka sy ny fanadiovana ho an'ny mpanota mibebaka. Ny finoana dia tena mihoatra noho ny zavatra heverin'ny saina na ny zavatra izay foronin'ny saina. Misy ny fahamarinana faratampony sy ho an'ny rehetra, ary misy ny fenitra arapitondrantena tsy mitongilana ary tsy miovaova araka izay nampianariny.

Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty dia sady azo tanterahina no tena maika ny fibebahana amin'izay mety ho fandikana ny lalàny sy ny didiny. Tena nisy ireo fahagagana nataon'ny Mpamonjy, toy izany koa ny fampanantenany tamin'ireo mpianany fa hoe afaka manao izany koa izy ireo ary asa lehibe kokoa noho izany mihitsy aza. Tsy maintsy hery tena misy ny fisoronany, izay "mitantana ny filazantsara sy mihazona ny fanalahidin'ny misterin'ny fanjakana, dia ny fanalahidin'ny fahalalana an' Andriamanitra. Koa miharihary ao amin'ny ôrdônansiny ny herin'ny toetra araka an' Andriamanitra" [F&F 84:19–20]. Noho ny maha-tena nisy ny Fitsanganan'i Kristy tamin'ny maty, dia tsy ny fahafatesana no hiafarantsika, ary na dia "rehefa levona ny hoditsika, izao simba izao, sady afaka amin'ny nofo[ntsika] [isika], dia hahita an' Andriamanitra" [Joba 19:26]. ■

*Avy amin'ny lahateny iray natao tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana aprily 2014.*

SARY NATAON'I YAJAIRA RAMOS



***NAMANGY NY NEFITA I KRISTY,***
**NATAON'I MINERVA TEICHERT**

*"Moa va ianareo manana ireo izay marary eo anivonareo? . . . Ento aty izy dia hositraniko. . . . "Ary ny zava-nitranga, rehefa avy niteny toy izany Izy, dia . . . nandroso niaraka tamin'ny marariny sy ny oriny ary ny maleminy [ny valalabemandry iray manontolo], ary niaraka tamin'ny jambany, ary niaraka tamin'ny mareniny sy tamin'ireo izay nijaly na manao ahoana na manao ahoana izany; ary nositraniny [izy ireo]"* (3 Nefia 17:7–9).

MPAMPIANATRA NY ZATOVO

**INONA, NAHOANA, ARY TAMIN'NY FOMBA AHOANA: FANAZAVANA AMIN'NY ANTSIPIRIANY NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY**

*Ataovy izay hahamora ny fahatakarana ny apôstazia sy ny famerenana amin'ny laoniny amin'ity alahady ity.*

58



HO AN'NY TANORA

**LALANA ENINA MANKANY AMIN'NY TENA FAHASAMBARANA**

46

RAY AMAN-DRENY SY MPITARIKA AO AMIN'NY KILONGA

**KILALAO FAMPIFANDRAISANA MOMBA NY FAMERENANA AMIN'NY LAONINY HO AN'NY TAKARIVAN'NY MPIANAKAVY NA NY FOTOANA IFANAKALOZANA**

66

MALAGASY

4 02147 50654 2

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY